

Liahona

A close-up photograph of a young man with dark hair, smiling broadly. He is wearing a dark suit jacket, a white shirt, and a light blue patterned tie. In the background, there are other people and some greenery, but they are out of focus.

**Mihamitombo ireo
Zatovo mankany
amin'ny Tempoly:
Ampio izy ireo Ho
Vonona, p. 18**

**Ilay Fomba Fijeriko Vaovao
momba ny Fanaovako Asa
Fitoriana p. 42**

**Ahoana no Ahafahan'ny
Eveka Manampy Anao
Hibebaka, p. 58**

**Nilaza i Jesoa hoe Tiavo ny
Olona Rehetra—Na ireo
Mihetraketraka Aza, p. 68**



"Na dia mety maha-tsiaro ho very eo anivon'ireo toe-javatra iainantsika ankehitriny aza isika dia nampanantena ny fanantenana ny hazavany Andriamanitra—Nampanantena ny hanazava ny lalana eo alohantsika izy sy ny haneho antsika ny lalana hivoahana ao amin'ny haizina."

Filoha Dieter F. Uchtdorf,
Mpanolotsaina Faharaoa ao
amin'ny Fiadidiana Voalohany,
"Ny Fanantenana ny
Fahazavan' Andriamanitra,"
Liahona, Mey 2013, 70.



HAFATRA

- 4 Hafatra avy amin'ny Fiadidiana Voalohany: Ilay Andraikitsika mba Hanavotra**
Nosoratan'ny Filoha
Thomas S. Monson
- 7 Hafatra ho an'ny Famangiana Isan-tokantrano: Ny Asa Masina Nanirahana an'i Jesoa Kristy: Ilay Mpahary**

LAHATSORATRA MANOKANA

- 12 Ataovy Tsara ny Andraikitrao**
Nosoratan'ny Loholona
Quentin L. Cook
Na dia mora mora kokoa noho ny hatramin'izay aza ny fanafena na ny tena endrintsika marina, dia misy fitsipika manan-danja maro ao anatin'ny tsy fanaovana sarontava sy ny fijoroana amin'ny finoanaao.

EO AMIN'NY FONONY
Eo amin'ny fonony: Sary nataon'i Cody Bell.
Ao ambadika: Sary nataon'i Cody Bell.
Eo amin'ny fonony aloha ao anatin'y:
Sary nataon'i iStockphoto/Thinkstock.

- 18 Ireo Zatovo sy ireo FanekeMPI-havan'an'ny Tempoly**
Nosoratan'ny Gary sy Susan Carter
Izao no fotoana hanombohanareo ny fanomanana ny zanaka hiditra ny tempoly.

- 20 Ilay Lovantsika Lehibe avy amin'ny Asa Fitoriana**
Nosoratan'ny LaRene Porter Gaunt sy Linda Dekker Lopez

- 26 Voaomana amin'ny Andro Iadiana**
Nosoratan'ny Loholona
Eduardo Gavarret
Ireo fitsipika faran'izay tsotra indrindra dia afaka ny hisy fiantraikany eo amin'ny zavatra hiseho amintsika ao anatin'ny tolona amin'ny fainanana.

- 30 Fanafainganana ny Asa Famorijena**
Ny maha mpikambana ao amin'ny Fianganan'ny Tompo dia midika hoe voantso mba hirotsaka tanteraka ao amin'ilay asa famorijeny.

- 34 Lasa Lehilahy Tia Filaminana**

Nosoratan'ny Matthew D. Flitton
Nanova ny fon'ny lehilahy iray ny filazantsara—ary nampivondrona indray ny fianakaviany.



DEPARTEMANTA

- 8 Fanamarihana manokana momba ny Fihaonamben' ny Fianganana Volana Ôktôbra: Hevitra avy amin'ny Fihaonamben'ny Fianganana**
Nosoratan'ny Tina Spencer
- 9 Mampianatra ny Jeunes Soyez Forts: Fahasalamana Arabatana sy Ara-pihetsehampo**
- 10 Vaovaom-piangonana**
- 38 Ny Feon'ireo Olomasin'ny Andro Farany**
- 80 Mandrapihaonantsika Indray: Miteny Ratsy Aho . . .**
Nosoratan'ny R. Val Johnson



42

- 42 Amin'ny Fomba Ahoana no Hahafahako ho Tonga Misiônera Mahomby?**
Nosoratan'i Lauren Bangerter Wilde
Nila nitady famaritana vao-vao aho mikasika ny atao hoe fahombiazana.



52

- 58 Nahoana Aho no Mila Manao Fibabohana any amin'ny Eve-kako ary Inona Avy ny Zavatra Ilaiko Ibabohana?**
Nosoratan'y Loholona C. Scott Grow
Zavatra manokana eo amiko sy ny Tompo ny fibebahana. Nahoana aho no mila miresaka amin'ny ekekako koa?

- 46 Lasa Misiônera Mifanaraka amin'ny Torio ny Filazantsaroko**
Nosoratan'y Loholona
David A. Bednar
Ireto fepetra dimy takiana ireto dia hanampy anao ho tonga misiônera tsara kokoa.

- 51 Mitsikia Fotsiny dia Mitenena hoe Tsia**
Nosoratan'i Hazel Marie Tibule
Ahoana no ahafahako mitenena hoe tsia amin'ilay talen'ilay orinasa?

- 52 Jeunes Soyez Forts (Ry Tanora, Mahereza): Aoka Ianao Hata-jaka, Ho Salama, Harani-tsaina**
Nosoratan'y Loholona Adrián Ochoa
Anaovy ny kiraro fanaovanao fanatanjahan-tena ary mihetsetseha.

- 54 Manaraha ny Diany**
Nosoratan'i Melissa Zenteno

- 56 Fanontaniana sy Valiny**
Inona no tokony holazaiko amin'ireo tsy mpikamban'ny Fiagonana izay manontany hoe fa maninona ny sasany amin'ireo mpikambana ao amin'ny Fiagonana no tsy miaina ny fitsipika iainantsika?

- 58 Nahoana Aho no Mila Manao Fibabohana any amin'ny Eve-kako ary Inona Avy ny Zavatra Ilaiko Ibabohana?**
Nosoratan'y Loholona C. Scott Grow
Zavatra manokana eo amiko sy ny Tompo ny fibebahana. Nahoana aho no mila miresaka amin'ny ekekako koa?



61

- 61 Manasa ny Tompo Hiditra**
Nosoratan'y Loholona
O. Vincent Haleck
Miandry ny hanasanao Azy ho ao amin'ny fainananao ny Mpamony!

- 62 Diakona Vao Vaovao**
Nosoratan'i Jane McBride Choate
Nitebiteby kely i Benji hoe hizara ny fanasan'ny Tompo. Ho vitany tokoa ve izany?

- 64 Manaraka ny dia: Miandry ao Winter Quarters**
Nosoratan'i Jennifer Maddy

- 66 Nijanona Tao Winter Quarters Ireo Olomasina**
Nosoratan'i Arie Van De Graaff

- 67 Vavolombelona Manokana: Ahoana no fombairesahan'i Jesoa Kristy amin'ireo mpaminany?**
Nosoratan'y Loholona
D. Todd Christofferson

- 68 Manampy an'i Violet**
Nosoratan'i Charlotte Mae Sheppard
Nampiseho haratsiam-panahy tamin'i Emma foana i Violet. Nahoana no tokony ho tsara fanahy aminy i Emma?

- 70 Mitondra ny Kilonga Mody:**
Hizara ny Filazantsara amin'ny Zanak'Andriamanitra Rehetra Aho

- 72 Camille avy ao New York City**

- 74 Ny Pejintsika**

- 76 Ho an'ny Ankizy Madinika**

- 81 Fampahafantarana ny Mpaminany Iray:**
David O. McKay

OKTÓBRA 2013 BOKY. 13 LAH. 3

LIAHONA 10790 654

Gazetiboka iraisam-pirenenana an' Ny Fianganana'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany

Ny Fiadidiana Voalohany: Thomas S. Monson, Henry B. Eyring, Dieter F. Uchtdorf

Ny Kolejin'ny Apôstôly Roambinifolo: Boyd K. Packer, L. Tom Perry, Russell M. Nelson, Dallin H. Oaks, M. Russell Ballard, Richard G. Scott, Robert D. Hales, Jeffrey R. Holland, David A. Bednar, Quentin L. Cook, D. Todd Christofferson, Neil L. Andersen

Mpanomana ny fanontana: Craig A. Cardon

Mpanorohevitra: Shayne M. Bowen, Bradley D. Foster, Christoffel Golden Jr., Anthony D. Perkins

Tale mpitantana: David T. Warner

Talen'ny Fanohanana ny Fianakaviana

sy ny Mpikambana: Vincent A. Vaughn

Talen'ny Gazetibokin'ny Fianganona: Allan R. Loyborg

Mpitantana ny Fandrahaharaha: Garff Cannon

Mpitantana ny Fanontana: R. Val Johnson

Mpitantana Mpanampy amin'ny Fanontana: Ryan Carr

LaRene Porter Gaunt

Mpanampy amin'ny Famoahana: Melissa Zenteno

Mpiara-miasa ao amin'ny Fanoratana sy Fanontana: Susan Barrett, David Dickson, David A. Edwards, Matthew D. Flitton, Mindy Ray Friedman, Lori Fuller, Garrett H. Garff, Jennifer Grace Jones, Michael R. Morris, Richard M. Romney, Paul VanDenBergh

Tale Mpitantana ny Hai-tao: J. Scott Knudsen

Talen'ny Hai-tao: Tadd R. Peterson

Mpiara-miasa ao amin'ny Hai-tao: Jeanette Andrews, Fay P. Andrus, C. Kimball Bott, Thomas Child, Nate Gines, Kerry Lynn C. Herrin, Colleen Hinckley, Eric P. Johnsen, Susan Lofgren, Scott M. Mooy, Brad Teare

Mpampirindra ny mikasika ny Fananana ny Zo:

Collette Nebeker Aune

Talen'ny Famoahana: Jane Ann Peters

Mpiara-miasa ao amin'ny Famokarana: Kevin C. Banks, Connie Bowthorpe Bridge, Julie Burdett, Bryan W. Gygi, Denise Kirby, Ginny J. Nilson, Gayle Tate Rafferty

Mpanara-maso Alohan'ny Fanontana: Jeff L. Martin

Talen'ny Fanaovana Printy: Craig K. Sedgwick

Talen'ny Fanapariahaha: Stephen R. Christiansen

Tompon' andraikirity ny fandikan-teny:

Rakotondrasoa Ziva Lalarivelosoa

Mpandika teny: Rabemalanto Lucia, Ifano Rasolondraibe, Ramamonjisoa Hanitrana, Andriamanahenintsoa Tatamo, Hanitriniony Cynthia Rakotonimalala

Ho an'ny famandrihana sy ny sarany velan' i Etazonia sy Kanadà dia manatona ny mpaniraikirity ny folba fanapariahaha any amin'ny Fianganona eo amin'ny toerana misy anao na ny mpitarkita ao amin'ny paroasy na sampana misy anao.

Ny taratasy sy ny fanontaniana dia alefosa amin'ny alalan'ny internet ao amin'ny *Liahona.lds.org*, amin'ny alalan'ity e-mail ity *liahona@ldschurch.org*; na amin'ny alalan'ity adresy ity *Liahona*, Rm. 2420, 50 E. North Temple St., Salt Lake City, UT 84150-0024, USA.

Ny *Liahona* (teny avy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay midika hoe "kompa" na "mpitari-dalana") dia avoaka amin'ny teny Albaniana, Alema, Anglisy, Armeniana, Bislama, Boligariana, Danoa, Espaniola, Estoniana, Fijiana, Finisy, Frantsy, Grika, Holandey, Hongoropa, Indoneziana, Islande, Italiana, Japôney, Kambojana, Kiribatia, Koreaana, Kroasianna, Latvianina, Litoaniana, Malagasy, Marisilizy, Mongolianina, Norveziana, Okireniana, Ordo, Pôloney, Portogey, Romaniana, Rosiana, Samoana, Seboanda, Siloveniana, Sinoa, Sinoa (notorsina), Soaly, Soedoa, Tagalog, Tahisiana, Tailandey, Tongana, Tseyk ary Vietinamiana (Ny fivoahani'ny boky dia miaoavaora araka ny tenim-pirenena nanoratana azy).

© 2013 an'ny Intellectual Reserve, Inc. Zo rehetra voatokana. Natonta tany Etazonia.

Ny Lahatsoratra sy ny sary ao amin'ny *Liahona* dia azo adika raha sendra ilaina any am-piangoanana na ao an-kantranra ka tsy atao itadiavam-bola. Ny sary dia tsy azo adika raha misy famerana mikasika izany eo amin'ny toerana fanapariahaha eo amin'ilay sary. Ny fanontaniana momba ny fahazoan-dalana tamrin'ny fandikana dia alefosa amin'izao adresy izao: Intellectual Property Office, 50 E. North Temple St., Salt Lake City, UT 84150, USA; e-mail: cor-intellectualproperty@ldschurch.org.

For Readers in the United States and Canada:

October 2013 Vol. 13 No. 3. LIAHONA (USPS 311-480) Malagasy (ISSN 1525-7592) is published four times a year (April, May, October, and November) by The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints, 50 East North Temple, Salt Lake City, UT 84150. USA subscription price is \$2.00 per year; Canada, \$2.40 plus applicable taxes. Periodicals Postage Paid at Salt Lake City, Utah. Sixty days' notice required for change of address. Include address label from a recent issue; old and new address must be included. Send USA and Canadian subscriptions to Salt Lake Distribution Center at address below. Subscription help line: 1-800-537-5971. Credit card orders (Visa, MasterCard, American Express) may be taken by phone. (Canada Poste Information: Publication Agreement #40017431)

POSTMASTER: Send all UAA to CFS (see DMM 707.4.12.5).

NONPOSTAL AND MILITARY FACILITIES: Send address changes to Distribution Services, Church Magazines, P.O. Box 26368, Salt Lake City, UT 84126-0368, USA.

Fanovozan-kevitra ho an'ny Takarivan'ny Mpianakavy

Ity laharana ity dia ahitana lahatsoratra sy zavatra atao azo ampiasaina mandritra ny takarivan'ny mpianakavy. Ireto manaraka ireto misy ohatra anankiroa.



SARY FANANGOANA - NALAINI CRAIG DIMOND

"Lasa Misiônera mifanaraka amin'ny Torio ny Filazantsarako," pejy 46:

Ifanakalozy hevitra miaraka ao amin'ny fianakaviana ireo toetra dimy mampiavaka ireo misiônera mifanaraka amin'ny *Torio ny filazantsaroko*. Dia andramo ampiharina ireo fitsipika ireo avy eo. Azonareo atao ny mamerina mamaky miaraka vetivety ny fizarana iray ao amin'ny *Torio ny Filazantsaroko* ary manome anjara asa fohy ho an'ny olona sasany ao amin'ny fianakaviana mba hampianatra ampahany ao amin'ny lesona omen'ny misiônera ary ireo olona hafa ao amin'ny fianakaviana kosa dia mody manao hoe naman'ny fianganana. Afaka mifanakalo hevitra momba ireo fanamby atrehina ao anatin'ny asa fitorianana ianao ary mierireritra fomba hampivelarana ireo toetranofaritan'ny Loholona David A. Bednar ireo.

"Aoka Ianao Hatanjaka, Ho Salama, Harani-tsaina," pejy 52: Rehefa avy

namerina namaky ny lahatsoraty ny Loholona Adrián Ochoa, dia manaova fiaraha-mientana izay manome fahafahana ireo olona ao amin'ny fianakaviana mba hiaraka hanao fampiasam-batana. Afaka manao fanatanjahan-tena iray ianareo na mandeha an-tongotra. Ataovy izay han-drindrana tsara ny fiaraha-mientana atao-nareo mba hifanaraka amin'ny taona sy ny tanjaky ny olona ao amin'ny fianakaviana (azonareo atao ohatra ny mangataka ny zanakareo efa lehibebe mba hanampy ireo mbola kely hahavita ilay fiaraha-mientana). Rehefa vita ilay fiaraha-mientana dia ifanakalozy hevitra ao anatin'ny fianakaviana ireo tombontsoa azo avy amin'ny fana-na fainana ahitana fampiasam-batana. Azonareo atao koa ny manomana fomba hanohizana ny fiaraha-miasa amin'ny maha fianakaviana mba hanaraka ilay to-rohevit'ireo mpaminanintsika velona hoe hikarakara ny vatantsika.

AMIN'NY FITENINAO

Ny *Liahona* sy ny fitaovan'ny Fianganana hafa dia misy amin'ny fiteny maro ao amin'ny www.languages.lds.org

LOHAHEVITRA AO AMIN' ITY LAHARANA ITY

Ireo tarehimarika dia maneho ny pejy voalohany amin'ilay lahatsoratra.

Ankizy, 76

Asa Fampahavitrihana, 4, 30, 38

Asa fitorianana, 20, 30, 40, 42, 46, 61, 70, 72

Eveka, 58

Fahariana, 7

Fahasalamana, 9, 52

Fahorianana, 42, 64, 68

Fakam-panahy, 62, 76

Famelan-keloka, 58, 68

Fanahy Masina, 41, 46

Fanambarana, 67

Fandalana ny fahamarinana, 12, 51

Fenitra, 56, 80

Fiadanana, 34

Fiantrana, 4, 20, 34, 68

Fibebahana, 58

Finamanana, 39, 40, 72

Fiomanana, 26

Fisoronana, 62, 76

Fiteny, 80

Jesoa Kristy, 7, 76

Mandanjalanja, 56

McKay, David O., 81

Miteny ratsy, 80

Mpamaky lay, 64

Mpaminany, 67

Ohatra, 12, 56

Tanjona, 12, 54

Tantarany Fianganana, 64, 66

Tempoly, 18, 34

Tenin'ny Fahendrena, 9, 51, 52

Toetra tahaka ny an'i Kristy, 54

Torio ny Filazantsaroko, 42, 46, 54



Nosoratan'ny Filoha
Thomas S. Monson

ILAY ANDRAIKITSIKA MBA Hanavotra

Manana lanja mandrakizay ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany ny filana ny fanavotana ny rahalahintsiaka sy anabavintsika izay niala tamin'ilay lalan'ny fahavitrihana ao am-piangonana na inona na inona mety ho antony. Moa ve isika mahafantatra olona toy izany izay nisy fotoana efa nandray ny filazantsara? Raha izany dia inona ary no andraikitsika mba hanavotana azy ireo?

Mba eritrereto ireo anisan'ny very amin'ireo zokiolona sy ireo mananotena ary ireo marary. Matetika loatra izy ireo no hita any amin'ny tany efity ny fitokana-monina izay maina sy karankaina ary antsoina hoe faniry. Rehefa lasa ny fahatanorana, rehefa mihamarefo ny fahasalamana, rehefa mihena ny tanjaka ary mitsilopilopy toy ny manjazovazo mihitry ilay jiron'ny fanantenana dia azon'ilay tanana izay manampy sy ilay fo izay mahay mangoraka vonjena sy tohanana izy ireo.

Mazava ho azy fa misy olona hafa ilaina avotana koa. Ny sasany mitolona amin'ny fahotana ary ny sasany kosa mire-nirenay ao anatin'ny tahotra na tsifiraharohana na tsifahalalana. Na inona na inona antony dia nampitokana ny tenany izy ireo tsy havitrika ao am-piangonana. Ary azo antoka fa tsy maintsy hitoetra ho very izy ireo raha tsy hoe angaha mifoha ao anatintsika—mpikambana mavitrika ato amin'ny Fiagonana—ilay faniriana te hanavotra sy hamonjy.

Olona iray Hanoro ny Lalana

Fotoana maro lasa izay, naharay taratasy iray aho izay nosoratan'ny lehilahy iray izay nanalavitra ny Fiagonana. Toe-javatra mitranga hita matetika loatra amin'ny mpikambana ato amintsika izany. Rehefaavy nilazalaza ny fomba nahatonga azy ho nangatsiaka izy dia nanoratra hoe:

“Nanan-javatra maro tokoa aho ary kely fotsiny sisa no mba ananako ankehitriny. Tsy sambatra aho ary mahatsapa ho toy ny tsy mahomby izany amin'ny zavatra rehetra ataoko. Tsy mbola nandao ny foko velively ny filazantsara na dia nandao ny fiainako aza izany. Mangataka vavaka avy aminao aho.

“Aza hadinoina izahay izay aty ivelany aty—ireo Olo-masin'ny Andro Farany very. Fantatro ny toerana misy ny Fiagonana saingy indraindray aho dia mieritreritra fa mila olona hafa mba hanoro ahy ny lalana sy hampahery ahy sy hanala ny tahotro ary hijoro ho vavolombelona amiko.”

Rehefa namaky izany taratasy izany aho dia niverina tany amin'ny fitsidihina iray nataoko tany amin'iray amin'ireo tranom-bakoka lehibe mpampiranty zavakanto eto amin'izao tontolo izao ny saiko—ilay tranom-bakoka malaza hoe Victoria and Albert Museum any Londres, Angleterre. Hita ao ny sangan'asa iray voafehy manodidina amin'ny fomba tena tsara, izay sary hosodoko nataon'i Joseph Mallord William Turner tamin'ny 1831. Ilay sary hosodoko dia mampiseho rahona maity matevina ary ranomasina mitroatraatra izay maneho ny mety hisian'ny loza sy fahafatesana. Mamiratra ery lavitra ery ny jiron'ny sambo iray izay tafahitsoka. Ety aloha ety ao anatin'ilay sary dia ahitana lakana lehibe iray mpamony aina tafakatra ambony satria atopatopan'ny onjan-drano mandroatra izay manatona. Misintona mafy ireo fivoy ireo lehilahy rehefa tafalatsaka ao anatin'ilay rivo-mahery ilay lakana mpamony aina. Misy renim-pianakaviana iray miaraka amin'ny zanany roa izay kotsan'ny orana sy fafazan'ny rivotra mijoro ery amoron-dranomasina ery. Manopy ny masonry eny amin'ny ranomasina ao anatin'ny fitebitebena izy ireo. Nafoheziko tao an-tsaiko ny anaran'ilay sary hosodoko Ho ahy izany dia lasa hoe *Hanavotra*.¹

Misy loza manontanona ao anatin'ny rivo-dozan' ny fiainana. Tafahitsoka sy matrika fahapotehana ireo lehilahy sy vehivavy ary ireo ankizilahy sy ankizivavy. Iza no hitrika ireo lakana mpamony aina, izay handao ny filaminana ao amin'ny tokantranony sy ny fianakaviany ary handeha hanavotra?

Azo tanterehana tsara ny andraikitsika. Iraky ny Tompo isika ary natao hahazo fanampiana avy aminy.

Nandritra ny asa fanompoana nataon'ilay Mpampianatra



dia nangataka ireo mpanarato tany Galilia Izy mba handao ny haraton'izy ireo ka hanaraka Azy, sady nanambara hoe: "Hataoko mpanarato olona ia-nareo."² Enga anie isika ka hiditra ho anisan'ireo mpanarato lehilahy sy ve-hivavy, mba hahafahantsika manome izay fanampiana azontsika omena.

Adidintsi ka mandeha manavotra ireo izay nanalavitra ny fiarovana azo avy amin'ny fahavitrhana, mba hahafhana mitondra azy ireo eo amin'ny latabatry ny Tompo ka hivoky amin'ny teniny, sy hanana ny Fanahiny ho namana ary "tsy mba vahiny sy mpivahiny intsony, fa tompon-tany, mpiray fanjakana amin'ny olona masina sady ankohonan'Andriamanitra."³

Ny Fitsipiky ny Fitiavana

Nahita aho fa antony lehibe roa no manazava amin'ny ankapobeny ny fiverenana ho mavitrika indray sy ny fiovan'ny toetra sy ny fahazarana ary ny fietsika. Voalohany, miverina ny olona satria nisy olona nampiseho azy ireo zavatra azon'izy ireo atao izay mahasoa mandrakizay sy nanampy azy ireo hanapa-kevitra ny hanatantreka izany. Ny olona malaindaina dia tsy afaka ny hionona amin'ny zavatra

antonontonony rehefa hitan'izy ireo fa azon'izy ireo tratraria ilay tsara dia tsara.

Faharoa, miverina ny hafa satria nanatanteraka ny fangatahan'ny Mpamony ireo olon-tiana na "mpiray fanjakana amin'ny olomasina," ka nitia ny namany tahaka ny tenany,⁴ ary nanampy ny hafa hanatanteraka ireo nofinofiny sy ireo zava-kinendrin.

Ny zavatra nandrisika tao anatin'i-zany dingana izany dia ny fitsipiky ny fitiavana—ary mbola ho izany hatrany.

Raha ny tena marina ireo olona izay tafahitsoka tao amin'ny rivo-mahery hita teo amin'ny sary hosodokon'i Turner dia toy ny ankamaroan'ireo mpikambana ao amintsika izay malaina ary miandry fanavotana avy amin'ireo izay mitondra ireo lakana mpamony aina. Mitady fanampiana

mafny ny fony. Mivavaka ho an'ny zanany lahy sy vavy ireo ray sy reny. Mitalaho ny lanitra ny renimpianakaviana mba hahazoan'ny vadiny fanampiana. Indraindray ny zanaka no mivavaka ho an'ireo ray aman-dreniny.

Mivavaka aho mba hananantsika faniriana hanavotra ireo mpikambana malaina ary hamerina azy ireo ao amin' ny fifalian'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy mba hahafahan'izy ireo miara-mifampizara amintsika ireo zavatra rehetra azon'ilay finamanana feno atolotra.

Enga anie isika ka hanavotra ireo very izay manodidina antsika: ireo zokiolona, ireo mananotena, ireo marary, ireo manana fahasembanana, ireo mpikambana malaina ary ireo izay tsy mitandrina ny didy. Enga anie isika ka hanolotra azy ireo ilay tanana manampy sy ilay fo mahay mangoraka. Hitondra fifaliana ao am-pon'izy ireo isika rehefa manao izany ary hiaina fahafaham-po lehibe izay tonga eo amintsika rehefa manampy olona iray hafa eny an-dalana mankany amin'ny fainana mandrakizay. ■

FANAMARIHANA

1. Ny anarana feno nomena ilay sary hosodoko dia hoe *Life-Boat and Manby Apparatus Going Off to a Stranded Vessel Making Signal (Blue Lights) of Distress*. (Lakana Mpamony Aina sy Manby Apparatus Han-deha Hamony Sambo iray Tafahitsoka izay Mandefa Jiro (Jiro Manga) Fiantsoam-bonjy).
2. Matio 4:19.
3. Efesiana 2:19.
4. Jereo ny Matio 22: 39.

FAMPIANARANA AVY AMIN'ITY HAFATRA ITY

Anontonio ny olona izay vangianao raha toa izy ireo mahafantatra olona iray izay sahirana eo amin'ny fandehanana miangona. Afaka misafidy olona iray ianareo ary mifanakalo hevitra mikasika ny fomba ahafahana maneho fitiavana toy ny hoe manasa azy hanatrika takarivan'ny mpianakavy na manasa azy ho tonga hisakafo.

I Jen Natao Fanomezana Ho Ahy

Nosoratan'i Josi S. Kilpack

Nanao safidy ratsy maromaro aho fony tao amin'ny taona faharoa tao amin'ny lycée. Niteraka voka-dratsy lalina sy tsy fahasambarana ireo safidy ireo ary nanapa-kevitra aho ny hampiasa ny fotoam-pialantsasatro mandritra ny fahavatra mba ho fotoana hanombohana ny fanaovana fanovana. Rehefa nanomboka indray ny fianarana dia tany amin'ny toerana fidiovana aho no nisakafo na tany amin'ny lalantsara tsy misy olona mba hialana amin'ireo naman-dratsy izay miandry hitsena ahy indray.

Tsy mbola nahatsiaro ho irery toy izany aho hatramin'izay.

Kanjo nomen'Andriamanitra fanomezana aho: Nalefany ho ahy i Jen. Tsy mba nitsara ahy velively noho ireo fahadoako izy fa namporisika ahy kosa handroso hatrany eo amin'ilay lalana marina. Ny fahafantarana fa ho ao an-tsekoly izy dia nanampy ahy hanohy hamaky ny soratra masina sy hikolokolo ny fijoroako ho vavolombelona. Rehefa tonga ny fotoana nahazoana mari-pahazaina dia noprofoiko tam'in'ny tenako fa tena vonona ny hiova aho.

Indraindray aho manontany tena hoe mety ho taiza no nisy ahy raha toa ka tsy nanampy ahy i Jen? Moa ve aho afaka nanohy niaina araka ireo fitsipiko raha tsy teo izy? Soa ihany fa tsy ho fantattro velively izany satria teo izy niaraka tamin'ny fony manontolo, vonona ny hanampy ahy.


Monina any Utah États-Unis ny mpanoratra.

HO AN'NY ANKIZY

Fomba Hanavotana

Nampianatra ny Filoha Thomas S. Monson fa tokony hanampy ny hafa isika ka tafiditra ao anatin'izany ireo zokiolona, ireo mananotena, ireo

marary, ireo mpikambana malaina ary ireo izay mila fanampiana fanampiny. Jereo ireo sary etsy ambany ary ataovy ao anaty faribolana ireo izay mampiseho zavatra azonao atao mba hanampiana ny hafa.



Soraty eo amin'ireo andalana etsy ambany ireo fomba vitsivitsy azonao atao hanampiana ny hafa. Afaka mampiasa ireo sary ianao hahitana hevitra.

Halalino ombam-bavaka ity hafatra ity ary fantaro izay tokony hozaraina amin'ireo rahavavy hovangianao. Ahoana no hahafahan'ilay fahatakarana ny fainan'ny Mpamony sy ny asa nanirahana Azy mampitombo ny finoanao Azy sy mitahy ny fainan'ireo olona izay iandraiketanao? Ho fampahalalana misimisy kokoa dia tsidihio ny reliefsoociety.lds.org.

Ny Asa Masina Nanirahana an'i Jesoa Kristy: Ilay Mpahary

Ity no andiany voalohany amin'ireo hafatra ho an'ny Famangiana Isan-tokantrano maromaro hisanesy izay mampiseho ireo endriky ny asa nanirahana ny Mpamony.

Nahary ny lanitra sy ny tany" (3 Nefia 9:15) i Jesoa Kristy. Nataony tamin'ny alalan'ny herin'ny fisoronana izany ary teo ambanay fitarihan'ny Raintsika any An-danitra. (jereo ny Mosesy 1:33).

"Tena tokony ho feno fankasitra-hana isika noho ny nanamboaran'ny Mpahary hendry iray tany ho antsika sy noho ny nametrahany antsika eto," hoy ny Filoha Thomas S. Monson, "... mba hahafahantsika miaina fotoam-pitsapana, sy fotoana hahafhana misedra ny tenantsika mba hahatonga antsika ho mendrika hahazo ny zavatra rehetra nomanin'Andriamanitra ho antsika."¹ Rehefa mampiasa ny fahafahantsika misafidy isika hankatoavana ny didin'Andriamanitra sy hibebahana, dia lasa mendrika ny hiara-hiaina Aminy indray.

Hoy ny Filoha Dieter F. Uchtdorf, Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany, mikasika ny Fahariana hoe:

"Isika no antony nahariany an'izao rehetra izao! . . .

"Hevimifanohitra eo amin' ny olombelona izao: tsinontsinona ny



olona raha oharina amin'Andriamanitra; kanefa manan-danja be tokoa isika amin'Andriamanitra."² Ny fahafantarana fa noharian'i Jesoa Kristy ho antsika ny tany satria zava-dehibe ho an'ny Ray any an-danitra isika dia afaka manampy antsika hampitombo ny fitiavantsika Azy Ireo.

Avy ao min'ny Soratra Masina

Jaona 1:3; Hebreo 1:1–2; Mosià 3:8; Mosesy 1:30–33, 35–39; Abrahama 3:24–25

FANAMARIHANA

- Thomas S. Monson, "Ny Hazakazaky ny Fiainana," *Liahona*, Mey 2012, 91.
- Dieter F. Uchtdorf, "Manan-danja Aminy Ianao," *Liahona*, Nôv. 2011, 20.
- Joseph Smith, ao amin'ny *Filles dans mon royaume: L'histoire et l'œuvre de la Société de Secours* (2011), 171.
- Filles dans Mon Royaume*, 171.
- Joseph Smith, ao amin' ny *Daughters in My Kingdom*, 169.

INONA NO AZOKO ATAO?

1. Amin'ny fomba ahoana no hitomboan'ny fitiavantsika ny Mpamony amin'ny alalan'ny fikatsahana ny hahatakatra ny toe-trantsika araka an'Andriamanitra?

2. Ahoana no fomba ahafahantsika maneho fanka-sitrana noho ireo zavatra noharian'Andriamanitra?

Finoana,
Fianakaviana,
Fanampiana



Avy amin'ny Tantarantsika

Nohariana araka ny endri-Andriamanitra isika (jereo ny Mosesy 2:26–27), ary manana fahafahana ho lasa tahaka an'Andriamanitra. Nangataka ireo Rahavavy tao amin'ny Fikambana Ifanampiana ny Mpamiany Joseph Smith mba "hanaja ireo tombontsoa [nomena azy ireo]."³ Ireo rahavavy ao amin'ny Fianganon'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany rehefa nanao izany famporishana izany ho fototra iorenana dia nampiarina hanaja ny fahafahany ho lasa tahaka an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fanatanterahan'izy ireo ny tanjon'Andriamanitra ho azy ireo. "Rehefa takatr'izy ireo hoe iza marina moa izy ireo—zanakavavin'Andriamanitra izay manana hery ara-boajanahary hitia sy hikoloko—dia tonga eo amin'ilay toerana tokony hisy azy izy ireo amin'ny maha vehivavy masina azy ireo."⁴

"Ianao izao dia napetraka ao anatin'ny toe-javatra iray izay ahafahanao manao asa mifanaraka amin'ireo fahaizana mangoraka izay efa napetrak'Andriamanitra ao anatinao ireo," hoy ny Mpamiany Joseph Smith. "Raha manaja ireo fitsipika ireo isika dia tena zava-dehibe sy tsara izany! . . . raha manaja ireo tombontsoa nomena anareo ianareo, dia tsy hisy hanakana ny anjely tsy hiara-dia aminareo."⁵

HEVITRA AVY AMIN'NY FIHAONAMBEN'NY Fiangonana

Nataon'i Tina Spencer



"Iza ary raha fantatrao no ho avy hiara-hisakafo amintsika?

Dimy ambin'ny folo andro alohan'ny hanombohan'ny fihaonamben'ny Fiangonana tsirairay dia ahanton'ny fianakavianay ilay mari-pamantaranay izay manambara ny fiantombohan'ilay hoe "Iza ary raha fantatrao no ho avy hiara-hisakafo amintsika?" Dia asianay ireo sary farany indrindra an'ireo mpaminany sy mpahita ary mpanambara avy tao anatin'ny laharana teo aloha amin'ny gazetibokin'ny Fiangonana ahitana ny fihaonambe izany.

Izaho dia miomana amin'ny alalan'ny fikarohana momba ilay mpaminany izay horaisinay amin'io alina io. Indraindray aho mahita zavatra ao an-trano mba hoentina hanehoana ireo zavatra vitsivitsy hitako ary ape-trako eo ambonin'ny lovia iray izany. Rehefa mitantara zavatra mikasika ireo zavatra tsirairay aho mandritra ny sakaf hariva dia miezaka ny rehetra mamantatra hoe iza izany. Misy

fotoana indray aho mizara tantara iray na roa izay nozarain'io mpaminany io nandritra ilay fihaonamben'ny fiangonana teo aloha.

Variana aho amin'ireo zavatra izay tadin'ireo zanako mikasika ireo mpaminany sy apôstôly malalantsika, ary fantatra fa io kilalao tsotra io dia nampitombo ihany koa ny fitiavako sy ny fahalalako an'ireo lehilahy manana ny maha izy azy ireo.

Ny Gazetibokin'ny Fihaonambe izay Ahy Manokana

Raha nanatrika ny fihaonamben'ny tsatôkanay ny Loholona Neil L. Andersen ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo niarakatamin'i Kathy vadiny, dia nizara tantara iray taminay Rahavavy Andersen. Nilaza izy fa fony izy ireo nipetraka tany France dia nanao dikamitovy an'ireo lahatenin'ny fihaonambe izy ho an'ny zanany tsirairay—na dia ho an'ireo izay mbola kely aza. Tafintohina izy rehefa nahita ny vidin'ny fanaovana

dikamitovy izay tena lafo. Avy eo dia tonga tao an-tsainy izao zavatra izao: "Mamparinona anao moa raha izay no hahazoan'ny fianakavianao ny tenin'ireo mpaminany?"

Tena nanohina ny foko io tantara io ary nataoko izay nananan'ny olona tsirairay tao amin'ny fianakaviako ny gazetibokino manokana misy ireo lahatenin'ny fihaonambe. Teny faly ireo zanakay vavy. Nampiasainay izany nandritra ny takarivan'ny mpianakavy sy ny fandalinana ny soratra masina. Tiako ny nahita ny iray amin'ireo zanako vavy mamaky manokana ireo lahateny ary manisy marika eo amin'izy ireo amin'ny alalan'ny penina miloko. Nisy zanako vavy iray hafa izay vita batista vao haingana, ary nangataka ahy hiaraka hamaky aminy ireo lahateny.

Fanasana Hanao zavatra Mikasika ny Fihaonambe

Tao anatin'ny lesona nozaraiko tao amin'ny Fikambanana Ifanampiana dia nanasa ny rahavavy tsirairay aho mba hamerina hamaky ireo lahateny nandritra ny fihaonambe teo aloha ka dia namerina namaky izany ny rahavavy sasany ary ny sasany njery izany tamin'ny alalan'ny internet. Rahavavy maro no nanambara fa tena vonona kokoa izy ireo hiatrika ny fihaonambe ho avy. ■

Monina any Washington, États-Unis ny mpanoratra.



FAHASALAMANA ARA-BATANA SY ARA-PIHETSEHAMPO

Ho an'ny tanora sasany, ny tsy fam-piharana ireo fitsipika hananana fahasalamana ara-batana dia mety ho lasa sakana lehibe amin'ny fananana namana sy fananana fahatokian-tena. Mihoatra noho izany, lafiny tena manan-danja eo amin'ny fiomanana hanao asa fitoriana ny fahasalamana ara-batana sy ara-pihetsehampo saingy matetika izany no tsy dia ifantohana loatra. Ao amin'ny pejy 52–53 ao amin'ity laharana ity, ny Loholona Adrián Ochoa ao amin'ny Fitopololahy dia miresaka momba ny fomba ahafahana mitandro ny fahasalamantsika ara-batana sy ara-pihetsehampo amin'ny alalan'ny fikarakarana ny vatantsika. Mampahatsiayh antsika izy mba hanao fampiasam-batana sy hanaja ny Tenin'ny Fahendrena (jereo ny F&F 89) mba hahasalama kokoa sy hahasambatra kokoa antsika. Rehefa manampy ny zanakao ianao hianatra sy hampihatra ireo fitsipiky ny fahasalamana ara-batana sy arapihetsehampo dia ho afaka hampitombo ny fahatokian-tenany izy ireo ary afaka hiomana hanao asa fanompoana amin'ny hoavy.

Hoy ny Loholona Ochoa hoe: "Mitondra soa ho an'ny sainao koa ny fikarakaranao ny vatanao ary manampy anao hahatsiaro fa zanak'Andriamanitra ianao ary afaka ny hanana fahatokian-tena sy fifaliana. Mifandray daholo ny lafiny ara-pihetsehampo sy ara-batana ary ara-panahy eo amintsika."

Sosokevitra Enti-mampianatra ny Zatovo

- Hiaraho mamaky ny lahatso-ratry ny Loholona Ochoa ary

mandrafeta lamina iray aha-fahan'ny fianakaviana miaramanao fampiasam-batana miaraka amin'ny tanjona mazava sy azo tanterehana mikasika ny fahasalamana ara-batana.

- Iaraho mamaky amin'ireo zatovo zanakao ny fizarana momba ny fahasalamana ara-batana sy ara-pihetsehampo ao amin'ny *Jeunes, Soyez Forts* (Ry Tanora Mahereza) (pejy 25–27). Ifanakalozy hevitra ny dikan'ny hoe salama ara-pihetsehampo.
- Iaraho mihira ny "Quand ton fardeau est lourd" (*Cantiques*, no. 63) ary ifanakalozy hevitra hoe inona no ampianarin'ny fitsanganana amin'ny maty amin-tsika mikasika ny maha zavadehibe ny vatantsika.
- Halalino ireo soratra masina voatanisa ao anatin'io lahatsarotra io ary ifanakalozy hevitra ny zavatra ampianarin'izany mikasika ny fahasalamana ara-batana sy ara-pihetsehampo.

Sosokevitra Enti-mampianatra ny Ankizy

- Ampisehoy sarin'ny tempoly iray ny zanakao. Ifanakalozy hevitra ny dikan'ilay nampianaran'ny Apôstôly Paoly hoe "tempolin'ny Fanahy Masina" ny vatantsika (1 Korintiana 6:19) ary ny fomba ahafahan'ny fahalalana izany manampy antsika hikarakara ny vatantsika sy ny saintsika.
- Manaova lisitra iray ahitana fiaraha-mientana mampiala voly izay tian'ny zanakao hatao miaraka amin'ny fianakaviana. Dia

**SORATRA MASINA
MIFANDRAY
AMIN'IZANY**
Ohabolana 16:32
Daniela 1:3–20
Lioka 21:19
Romana 12:1–2
1 Korintiana 6:19–20
1 Tesaloniana 5:14
Almà 38:12; 53:20
Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:15; 89

avy eo mamoròna lamina iray mba hahatonga ireo fiaraha-mientana ireo ho lasa tafiditra ao anatin'ny fainam-pianakaviana.

- Ifanakalozy hevitra ireo fomba ahafahana mahatakatra sy mifehy ny fihetsehampo ka tafiditra ao anatin'izany ny hatezerana sy ny alahelo. Hirao ny "Pour montrer ta joie" (*Chants pour les enfants*, 125), "Jésus Christ est mon modèle" (*Chants pour les enfants*, 40), na hira iray hafa mikasika ny fihetsehampo sy ny fanaovana safidy tsara. ■

VAOVAOM-PIANGONANA

Tsidaho ny news.lds.orgnews.lds.org mba hahafantarana bebe kokoa momba ny vaovaom-piangonana sy ny zava-miseho.

Afaka Mangataka ny Rohim-pahefan'ny Fisoronana ny Mpikambana

Nosoratan'i Ryan Morgenegg

Vaovaom-piangonana

Ankehitriny ny Fiagonana dia afaka manome fampahalalana momba ny rohim-pahefan'ny fisoronana mba hanampiana ny mpikambana rehefa mangataka izany izy ireo. Ny rohim-pahefan'ny fisoronana dia lamin'ireo fanendrena mifanarakaraka izay azo arahana miverina mandrapahatonga any amin'ireo fotoana niandohan'ny Fiagonana ary tonga any amin'ny Mpamony amin'ny farany.

Na dia tafiditra ao anatin'ny rohim-pahefana manokan'ny mpikambana iray aza ny mpihazona fisoronana iray manana ny anjara fanompoan'ny Fitopololahy dia tsy misy rohim-pahefana manokana natao ho an'ny anjara fanompoan'ny Fitopololahy. Ny rohim-pahefan'ny fisoronana ho an'ny eveka sy patriarika voatendry koa dia manaraka ny fanendrena azy ireo ho mpisorona avo.

Raha maniry ny hangataka ny rohim-pahefan'ny fisoronanao ianao dia ampidiro ny anaranao feno ara-dalàna, ny daty nahaterahanao, ny laharan'ny maha mpikambana (izay hita ao amin'ny karatry ny fahazoan-dalana hiditra ny tempoly na misy any amin'ny mpitambokin'ny paroasinao), ny anaran'ilay olona izay nanendry anao ho ao amin'ny anjara fanompoan'ny loholona na ny mpisorona avo (raha fantatra), ary ny adiresinao handefasana izany sy ny laharan'ny telefaoninao na ny adiresy email anao.

Ny fangatahanao dia alefaso amin'ny:

Priesthood Line of Authority

Global Service Center

120 North 200 West

Salt Lake City, Utah 84103-1514, USA


Fax: 1-801-240-6816

Telefaonina: 1-800-453-3860, poste 2-3500

Email: Mandefasa email amin'ny

lineofauthority@ldschurch.org ka asio soratra hoe "PLA" eo amin'ny faritra hanoratana ny votoatin'ilay hafatra. Hahazo taratasy iray ianao ho valin'izany izay mila fenoina sy haverina (misy ny famaliana mandeha ho azy ho an'izay mety ho hafatra ahitana ny hoe "PLA" eo amin'ny faritra hanoratana ny votoatin'ilay hafatra). ■

KRISTY MANENDRY / IEGO APÓSTOLY ROAMININFOLO, NATACNY | HARRY ANDERSON © IRI



*Azo iverenana
miakatra man-
drapahatonga
any amin'ny
Mpamony
ny rohim-
pahefan'ny
fisoronana ho
an'ireo izay
manatanteraka
ôrdônansy.*



Naneho ny endriky ny isa "20" ireo mpandihy niaraka tamin'ny fikopaka nandritra ny fampisehoana natao mba hankalazana ny faha 20 taona niorenan'ny Fiangonana tany Mongolie.

Mankalaza ny faha 20 Taonan'ny Fiangonana i Mongolie

Tamin'ny Alatsinainy 15 Aprily 2013 dia mpikamban'ny Fiangonana mihoatra ny 300 no tafavory tao Zaisan Hill any Ulaanbataar, Mongolie mba hankalaza ny faha 20 taona nisian'ny Fiangonana tao amin'izany firenena izany. Nisy amboaram-peo iray nahitana mpikambana 50 nihira tamin'izany ary nihaino ny raki-peon'ny Loholona Neal A. Maxwell (1926–2004) tamin'ny nitokanany an'i Mongolie ho an'ny fitoriana ny filazantsara tamin'ny 1993 ilay vondron'olona tafavory teo.

Ny Loholona Tai Kwok Yuen, mpikambana teo aloha tao amin'ny Fiadidian'ny Vondrom-paritr'i Azia izay niaraka tamin'ny Loholona Maxwell tany Mongolie tamin'ny 1993, dia nilaza fa tena "niasa tsy tapaka tao ao amin'io faritry ny tanimboaloboka io ny tanan'ny Tompo."

Nisy karazana hetsika samihafa nentina nanamarihana ilay tsingerintaona. Nahasrika misiônera nahavita asa fitoriana miisa 200 ilay fihaonan'ireo olona iray misiona. Mongolian mihoatra ny 1000 no nanao asa fitoriana tamin'ny fotoana feno—izany hoe eo amin'ny olona 1 ao anatin'ny mpikambana 10 any Mongolie izany. Nisy fotoambatista maro notanterahana nanerana an'i Mongolie ny Zoma hariva. Olona 24 no natao batista tamin'izany andro izany. I Mary N. Cook izay nisaorana vao haingana tamin'ny nahe tao amin'ny Fiadidian'ny Zatovovavy maneran-tany azy dia niteny nandritra ny Fivoriana Fampaherezam-panahy iray ho an'ny Zatovovavy ary ny varavarana

misokatra iray momba ny tantaram-pianakaviana dia nampiseho horonantsary ahitana torolalana mikasika ilay tetikasa vaovaon'ny Tetiarana. Ny fampisehoana ara-kolontsaina iray dia nampiseho fa manan-karena ara-kolontsaina i Mongolie ary manan-talenta ny mpikamban'ny Fiangonana maro.

Nankalaza ny Tsingerintaona Niorenan'ny Fiangonana tany Aminy ireo Olomasin'ny Andro Farany tany Haiti ary Nanao Fambolen-kazo

Tamin'ny 1 Mey 2013 dia maro tokoa ireo mpikamban'ny Fiangonana tany Haiti no nandray anjara tamin'ilay tetikasa famboilen-kazo manerana ny firenena. Zana-kazo marobe no nambolena tamin'ilay andro voalohan'ilay tetikasa ary mbola hisy maro aorian'izany. Rehefa tapitra ilay tetikasa dia hisy hazo vaovao eo amin'ny 400.000 eo ho eo haniry any Haiti ka hita ao anatin'izany ny voasary makirana, ny voasary mamý, ny voaniho, ny papaye ary ny oaka.

Novidian'ny Fiangonana ireo hazo ao anatin'ilay fitohizan'ny fanohanana an'i Haiti mba hanarenana azy taorian'ilay horohorontany. Io tetikasa io koa dia nanome fahafahana ny mpikambana hanao tetikasa fanompoana mba hankalazana ny faha 30 taona niorenan'ny Fiangonana tany amin'io nosy iray jo. Telopolo taona lasa izay no namangian'ny Filoha Thomas S. Monson an'i Haiti sy nitokanany ilay tany ho an'ny fitoriana ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny. Mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny

Apôstôly Roambinifolo izy tamin'izany.

Tany Haiti ny Loholona Neil L. Andersen ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo tamin'ny fotoana nanaovana io fankalazana ny tsingerintaona io ary niahys ny fampisehoana ny fahavitan'ny takela-bato fahatsiarovana iray izay manamarika ny fotoana niantombohan'ny Fiangonana tany Haiti.

Nanolotra Sakafo Milanja 453592,40 Kg Ho an'i Feeding America ny Fiangonana

Notoloran'ny Fiangonana sakafo milanja 453592,40 Kg tamin'ny alalan'ilay sampaana ao amin'ny Fiangonana misahana ny fanampiana olona antsoina hoe Latter-day Saint Charities tamin'ny Mey 2013 teo ny Feeding America, izay fikambanana lehibe indrindra iray malala-tanana misahana ny fanamaivanana ny hanoanana any États-Unis. Ireo zavatra natolotra ireo dia ahitana sakafo am-bifotsy toy ny voankazo, anana, ary tsaramaso izay hozaraina ho an'ireo fianakaviana sahirana any amin'ireo toeram-panampiana sy fialofana maro manerana an'i États-Unis.

Nilaza i Bob Aiken filoha sy tale mpanantanteraky ny Feeding America fa hahafahana manolotra sakafo miisa 625.000 izany fanomezana izany.

Namboly hazo teo amin'ireo tendrom-bohitra avo teny ambonin'ny renivohitr'i Port au Prince ireo misiônera sy mpikambana tany Haiti izay hita eny amin'ny farany aoriania.



SARY NALAINI JASON SWENSEN



Nosoratan'ny Loholona

Quentin L. Cook

Ao amin'ny Kôlejin'ny

Apôstôly Roambinifolo



ATAOVY TSARA NY ANDRAIKITRAO

Matetika ny Filoha David O. McKay (1873–1970) no mitantara zavatra iray niseho fony izy misiônera tany Écosse. Nahatsapa ho manimanina ny toeramponenany sy ny fianakaviany izy raha mbola vao haingana kely no tany amin'ny sahan'ny asa fitoriania ary nandany ora vitsivitsy nitsidhana ny lapa Stirling Castle teo akaiky teo. Rehefa niverina avy nitsidika ilay lapa izy sy ny mpiara-mitory aminy dia nandalo teo amin'ny trano iray ka ny vato teo ambonin'ilay varavarana dia nahitana soratra voasokitra izay teny nampiasain'i Shakespeare, mivaky toy izao: "Na inona na inona atoaonao dia ataovy tsara ny andraikitrao."

Rehefa nitantara izany zavatra niainany izany ny Filoha McKay dia nanazava hoe: "Hoy aho



Aoka ianao ho marin-toetra. Manorenà fianakaviana. Mitadiava fomba tsara hamelomana. Manompoa re-hefa antsoina. Miomàna hihaona amin'Andriamanitra.



SARINNY LOHOLONA QUENTIN L COOK NALAINI CRAIG DIMOND, SARY NALAINI SCOTT DAVIS

tamin'ny tenako na hoy ny Fanahy tao anatiko hoe, 'Mpikamban'ny Fiagonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany ianao. Mbola mihoatra noho izany aza, solontenan'i Jesoa Kristy Tompo ianao. Nanaiky ilay andraikitra hoe ho solontenan'ny Fiagonana ianao.' Ay eo aho dia nieritreritra ny zavatra nataonay nandritra ny marainan'iny. Nitsidika toerana mana-tantara izahay. Nandray fampianarana sy fampahalalana ara-tantara izahay ary marina izany, ary tena nahafaly ahy izany. . . Kanefa, tsy asa fitoriana izany. . . Nekeko ilay hafatra nomena ahy teo amin'io vato io, ary nanomboka tamin'io fotoana io izahay dia niezaka nanao ny andraikitray amin'ny maha-misiônera anay tany Écosse.¹

Tena nanan-danja tokoa tamin'ny Filoha McKay io hafatra io ary nisy fiantraikany tokoa taminy, hany ka nampiasainy ho toy ny aingam-panahy nitondrany ny androm-painany sisa. Nanapa-kevitra izy fa na inona andraikitra nananany dia ho ataony araka izay tsaraindrindra vitany izany.

Sorohy ny Fanafenan-toetra

Noho ny hery goavana ahafahana manao ny tsara izay anananareo taranaka vao misondrotra ato amin'ny Fiagonana, dia inona no ahiahiko mikasika ny hoavinareo? Inona no torohevitra azoko omena anareo? Voalohany, hiatrika fanerena lehibe ianareo mba hanafitoeatra—na hanao sarontava mihitsy aza—ary ho lasa olona iray izay tsy tena ahitana taratratra hoe iza moa ianao na hoe tianao ho iza ianao.

Tany am-piandohan'ny tantaran'ny Fiagonana dia tany Hiram, Ohio, tany antokantranon'i John sy i Alice Johnson ny Mpaminany Joseph sy i Emma ary i Joseph sy Julia zanak'izy ireo kambana izay 11 volana. Samy voan'ny kitrotro ireo zaza roa ireo. Natory teo amin'ny fandriana iray misy kodiarana izay teo akaikin'ny varavarana teo anoloana i Joseph sy ilay zanany lahy kely.

Nandritra ny alina dia indro andian-dehilahy nandoko mainty ny endrinry nirohotra niditra ny varavarana ary nitaritarika ny Mpaminany ho any ivelany, ka novelesin'izy ireo izy arynofafazan'izy ireo tara izy sy i Sidney Rigdon.

Ny tena nampalahelo tao anatin'izany fanafahan'olon-dratsy izany dia notsenain'ny rivotry ny alina i Joseph kely ka tratran'ny hatsiaka mamirifiry tamin'ny fotoana

nitaritarihana ny rainy hivoaka. Vokatr'izany dia maty izy andro vitsivitsy taty aoriana.²

Ireo izay nandray anjara tamin'ny fampijalijaliana ny Mpaminany sy i Hyrum rahalahiny dia nandoko ihany koa ny tarehiny mba hanafenana ilay tena endriny.³

Amin'izao fotoana iainantsika izao, izay hita fa mora kokoa noho ny hatramin'izay ny fanafenana ny tena endrintsika marina, dia misy fitsipika manan-danja maro ao anatin'ny tsy fanaovana sarontava sy ny "fijoroana amin'ny finoana . . . izay nahafat� ireo martiora."⁴



Nanao tsara ny andraikiny ny Loholona L. Tom Perry rehefa niasa tany Japon.

ampiasain'ny fahavallo mba hitarihana anao hanao zavatra tsy tokony hataonao.

Fahita mahazatra ankehitriny ny fanafenana ny anaranao rehefa manoratra zavatra feno fankahalana sy haratsiampanahy ary tsififandeferan-tsaina ao amin'ny internet ka tsy mitonona anarana. Antsoin'ny olona sasany hoe *fifanalambaraka* izany.

Nanoratra ny Apôstôly Paoly hoe:

"Aza mety hofitahina hianareo; ny fikambanana amin'ny ratsy manimba ny fitondrantena tsara.

"Mifohaza tsara ary aza manota; fa ny sasany tsy manana ny fahalalana an'Andriamanitra" (1 Korintiana 15:33–34).

Mazava fa ny fifandraisana ratsy dia tsy hoe resaka tsy fahalam-pomba fotsiny. Fa raha Olomasin'ny Andro Farany no manao izany dia afaka misy fiantraikany ratsy izany eo amin'ireo izay tsy manana fahalalana an'Andriamanitra na fijoroana ho vavolombelona momba ny Mpamony.

Izay mety ho fampiasana ny Internet hanaovana tsindry hazo lena, na hanimbana ny lazan'ny olona iray, na hanendrikendrehana olona iray dia mahameloka. Ny zavatra hitantsika eo amin'ny fiaraha-monina dia rehefa manao io sarontava io ny olona mba tsy hamantarana azy dia tena tafalatsaka ao anatin'ilay karazana fitondrantena izay tena manimba ilay fifampiresahana feno fanajana sy mampivoatra. Manimbazimba ihany koa ireo fitsipika fototra nampianaran'ny Mpamony izany.

Nampianatra ny Mpamony fa tsy tonga hanameloka izao tontolo izao Izy fa hamonjy izao tontolo izao. Dia nofaritany avy eo ny dikan'ny hoe fanamelohana:

"Ary izao no fanamelohana, fa tonga amin'izao tontolo izao ny mazava, nefo aleon'ny olona ny maizina toy izay ny mazava, satria ratsy ny asany.

"Fa izay rehetra manao ratsy dia manakahala ny mazava sady tsy manatona ny mazava, fandrao hita miharihary ny asany.

"Fa izay manao ny marina kosa dia manatona ny mazava, mba haseho ny asany, fa atao amin'Andriamanitra izany" (Jaona 3:19–21; jereo koa ny andininny 17–18).


Ny olo-marina dia tsy mila manao sarontava mba hanafenana ny tena endriny.

Aoka ianao hiaina mifanaraka amin'ny tena finoanao

Miaina mifanaraka amin'ny tena finoanao ianao rehefa mandany ny fotoanao amin'ny fanaovana ireo zavatra izay hanefy sy hampivoatra ny toetrao ary hanampy anao hitovy bebe kokoa amin'i Kristy. Manantena aho fa tsy misy aminareo mandray ny fiainana ho toy ny fialana voly sy filalaovana fotsiny fa mandray izany kosa ho fotoana "hio-manana mba hihaonana amin'Andriamanitra" (Almà 34:32).

Misy ohatra iray tena tsara mikasika ny fanaovana tsara ny andraikitsika sy ny fampiasana araka ny tokony ho izy ny fotoantsika avy amin'ny fiainan'ny Loholona L. Tom Perry ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. Fony izy miaramila tao amin'ny tafika an-dranomasina dia anisan'ny tao anatin'ny vondron-tafika Amerikana niaro firenena babo tany Japon izy rehefa nifarana ny Ady Lehibe faha II. Nozarain'ny Loholona Perry ity tantara ity rehefa nanambara ny fijoroany ho vavolombelona manokana momba ny Mpamony izy.

"Anisan'ny andiany voalohany tamin'ireo miaramila tamin'ny Tafika an-dranomasina Amerikana nanainga hankany Japon aho taorian'ny fanasoniavana ilay fifanekeena hampitsahatra ny ady taorian'ny Ady Lehibe faha II. Rehefa niditra ny tanànan'i Nagasaki izay rava tanteraka aho, dia izany no an'isan'ireo zavatra nampalahelo indrindra niainako teo amin'ny fiainako. Rava tanteraka ny ampahany lehibe tamin'ilay tanàna. Tsy mbola voalevina ny sasany tamin'ireo maty. Amin'ny maha tafika miaro firenena babo anay dia nanangana ny foibenay izahay ary lasa nandeha niasa.



*Ny iray amin'ireo
fiarovana tsara
indrindra ho anao
mba tsy hanaovana
safidy ratsy dia ny tsy
fanaovana sarontava
mba hanafenana ny
tena endrika.*

“Tena nahakivy ny toe-javatra nisy ary nisy vitsivitsy taminay naniry hanolotra zavatra bebe kokoa. Nandeha nankany amin’ilay mpamatsifanahy anay tao amin’ny antoko-miaramilanay izahay ary nangataka fahazoan-dalana hanampy hanarina ireo fiangonana Kristianina. Noho ireo famerana avy amin’ny fanjakana nandritra ny ady dia saika efa nitsahatra tsy niasa intsony ireo fiangonana ireo. Tena simba be ireo trano fiangonany vitsivitsy. Nanolo-tena an-tsitrupo hanamboatra sy hamerina handalotra ireo trano fiangonana ireo ny vondron’olona vitsivitsy taminay nandritra ny fotoana tsy niasanay mba hahafahan’izy ireo ho azo hanatanterehana fotoam-pivavahana Kristianina indray.

“ . . . Hitanay ireo mpitondra fivavahana izay tsy afaka nanompo nandritra ireo taona maro nisian’ny ady ary namporisika azy ireo izahay mba hiverina eny amin’ny polpitany indray. Niaina zavatra nahatalanjona izahay niaraka tamin’ireo olona ireo, rehefa niverina niaina indray ilay fahalahana hampihatra ny finoana Kristianiana nananany izy ireo.

“Nisy zavatra iray nitranga izay hotsaroako lalandava raha handao an’i Nagasaki iny izahay ka hiverina hody. Rehefa niditra ny fiarandalamby izay hitondra anay any amin’ny sambonay izahay mba hiverenana hody dia nadalain’ireo miaramila maro hafa tao amin’ny tafika an-dranomasina. Niaraka tamin’izy ireo teo ireo vehivavy sakaizany ary nanao veloma azy ireo. Nihomehy anay izy ireo ary nilaza fa izahay dia tsy mba nankafy ilay fotoana mahafinaritra niainana tany Japon. Nandany ny fotoanay tamin’ny asa sy ny fandalorana rindrina fotsiny izahay.

“Raha mbola teo am-panadalana anay iny indrindra ry zareo dia indro tonga nanatona anay avy ery amin’ny havoana kely teo akaikin’ilay toeram-pijanonan’ny fiarandalamby ireo Kristianina Japoney mahafinaritra teo amin’ny 200 teo ho eo izay avy amin’ireo fiangonana namboarinay, nihira ny ‘La lutte suprême.’ Nidina izy ireo ary nanome fanomezana maro ho anay. Avy eo izy rehetra dia nilahatra teo amin’ny lalamby. Ary rehefa nanomboka nidina nandray ny lalamby ny fiarandalamby dia naninjitra ny tananay izahay ary nikasika fotsiny ny rantsantan’izy ireo rehefa nanainga. Tsy nahateny izahay. Feno loatra ny fonay. Saingy feno fankasitrahana izahay fa afaka nanampy kely tamin’ny fanarenana indray ny finoana Kristianina tao amin’ny firenena iray taorian’ny ady.”⁵

Aoka ianareo handinika sy ho tompon’andraikitra voalohany eo amin’ny fampiasanareo ny fotoanareo. Araka ny hitanareo avy amin’ny ohatra nasehon’ny Loholona Perry, ny tiako horesahina eto dia tsy ny hoe tokony hampah-fantarinao ny olona rehetra ny finoanao na tokony hase-honao ety ivelany fotsiny hoe manam-pinoana ianao. Mety hasahorena anao sy ny Fiangonana izany. Ny tiako horesahana dia ny hahatongavao ho olona araka ny tokony hahatongavao.

Mametraha Tanjona Tsara

Ny torohevitra fahatelo dia mikasika ireo tanjona sasan-tsasany izay tokony hodinihinareo. Tokotokony tamin'io fotoana naha miaramila tao amin'ny tafika an-dranomasina ny Loholona Perry tany Japon io ihany koa no nanom-poan'ny Filoha Boyd K. Packer, Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo tany Japon tao amin'ny tafika ana habakabaka tany amin'ny faran'ny Ady Lehibe Faha II.

Niaraka tamin'ny Filoha Packer sy olona maro hafa aho nankany Japon tamin'ny 2004. Nanana fahafahana izy namerenana nanoritra ny sasany tamin'ireo dingana noraisiny sy nieritreretana ny sasany tamin'ireo zavatra niainany sy fanapahan-kevitra noraisiny tamin'izany fotoana izany. Rehefa nahazo lalana taminy aho dia hozaraiko aminareo



*Nahazo fitahiana ny Filoha Boyd K.
Packer noho ny fametrahana
tanjona tsara.*

ny sasany tamin'ireo zavatra tao an-tsainy sy tsapany.

Nitantara ny zavatra niainany izay nitranga tany amin'ny nosy iray miala avy eo amin'ny morontsirak'i Okinawa ny Filoha Packer. Noraisiny ho toy ny havoana ao anatin'ny tany foana izany. Ny fiomanany manokana sy ny fihaonana tamin'ireo mpikambana hafa dia nampiorim-paka lalina ny finoany an'ireo fampianaran'ny filazantsara. Ny zavatra tsy mbola ampy taminy dia ny fahazoana fanamafisana—fahalalana azo antoka fa marina ny zavatra izay efa tsapany.

Toy izao no niraketan'ilay mpanoratra ny tantaram-piainan'ny Filoha Packer ny zava-nitrange: "Ny mifano-hitra tamin'ilay fikatsahana filaminan-tsaina avy amin'ny fahazoana fanamafisana no nitranga, satria dia nifanehitra mivantana tamin'ny halozan'ny ady atao amin'ny tsy manan-tsiny izy. Rehefa nikasa ny hitokana izy indray andro sy nitady fotoana mba hieritreretana dia nihanika

teny amin'ny havoana iray teny ambonin'ny ranomasimbe. Hitany teo ny zavatra sisa tavela tao anatin'ny trano kelin'ny tambanivohitra iray ary ilay tanim-bomangany teo akaiky teo ihany izay tsy voakarakara. Ary hitany nitsitra teo anivon'ireo zavamaniry malazo ny vatan'ny renimpianakaviana iray izay novonoina tamin'ny fomba feno habibiana ary ny zanany roa. Nameno alahelo lalina azy ny fahitana izany izay nifangaro tamin'ny fahatsapana fitiavana ny fianakaviany manokana sy ireo fianakaviana rehetra."

Avy teo izy dia niditra tao anatin'ny toeram-pialofana iray natao an-kamehana izay toerana nandinihany sy nisaintsainany ary nivavahany. Rehefa niverina nieritreritra izany zavandiseho izany ny Filoha Packer dia namaritra ny zavatra iray izay ho antsoiko hoe zavatra niainana nahazoana fanamafisana ara-panahy. Nahatsapa fanentanam-panahy izy mikasika ny zavatra tokony hataony eo amin'ny fainana. Mazava ho azy fa tsy fantany velively tamin'izany hoe hahazo ilay antso ambony sy masina izay hazoniny ankehitriny izy. Ny fahitana tao anatin'ny dia ny faniriany ho lasa mpampianatra ka hanamafy ireo fampianaran'ny Mpampony. Nanapa-kevitra izy fa hiaina ao anatin'ny fahamarinana.

Tonga tao anatin'ny tamin'ny fomba somary lalina ihany fa hoe mila mitady vady marin-toetra izy ary hiara-hanorina fianakaviana lehibe izy ireo. Tsapan'io miaramila vao herotrerony io fa ilay asa aman-draharaha nosafidiany dia tsy hoe hampidi-bola be, ary koa hoe mila miray saina aminy mikasika ny zavatra tokony hataeo lohalaharana ilay vady malalany ary mila vonona ny hiaina tsy misy an'ireo zavatra ara-nofo sasantsasany. Rahavavy Donna Packer no vady tena tsara ho an'ny Filoha Packer. Tsy mba nanana ambimbola betsaka izany izy ireo saingy tsy nahatsapa hoe ory na tamin'ny inona na tamin'ny inona. Nanan-janaka 10 izy ireo ary nihafy. Manana zafikely 60 izy ireo ankehitriny ary zafiafy mihoatra ny valopolo.

Nozaraiko izany tantara marina izany satria matetika loatra isika no mampifotra ny tanjontsika amin'ny zavatra omen'izao tontolo izao lanja. Tena tsota ireo zavatra manan-danja ho an'ny mpikambana izay efa nandray ireo ôrdônan-sin'ny famonjena. Aoka ianao ho marin-toetra. Manorenà fianakaviana. Mitadiava fomba tsara hamelomana. Manompoa rehefa antsoina. Miomâna hihona amin'Andriamanitra.

Nampianatra ny Mpampony hoe "ny ain'ny olona tsy miankina amin'ny habetsahan'ny zavatra ananany" (Lioka 12:15).

Mitondrà Anjara Biriky eo amin'ny Firenena sy ny Fiaraha-monina misy anao

Ankoatra ny toetra mampiavaka ny tena manokana sy ireo fahaiza-manao ary ireo fanapahan-kevitra dia tokony hitondra ny anjara birikinao eo amin'ny firenena sy fiaraha-monina misy anao ianao raha te ho tonga taranaka vanona. Ny taranaka misy anao dia mila miaro ny fahamarinana sy



*Ilay lova izay noraisintsika
avy amin'ny fivavahana
Jiosy Kristianina dia tsy
hoe sarobidy fotsiny fa tena
manan-danja ihany koa ho
an'ny drafity ny Raintsika
any an-danitra. Mila miaro
izany ho an'ireo taranaka ho
avy isika.*

ny fahalahahana ara-pinoana. Ilay lova izay noraisintsika avy amin'ny fivavahana Jiosy sy Kristianina dia tsy hoe sarobidy fotsiny fa tena manan-danja ihany koa ho an'ny drafity ny Raintsika any an-danitra. Mila miaro izany ho an'ireo taranaka ho avy isika. Mila miara-miasa amin'ny olona tsara isika ka tafiditra ao anatin'izany ireo izay avy amin'ny finoana hafa—indrindra ireo mahatsiaro ho tompon'andrakitra eo anatrehan'Andriamanitra amin'ny fitondrantenany. Ireo no olona izay hahatakatra ilay torohevitra hoe “Na inona na inona ataonao dia ataovy tsara ny andraikitrao.” Ny fivelarana nahomby teo amin'ireo soatoavina Jiosy sy Kristianina sy ny fahalahahana ara-pinoana dia hahatonga ilay taranaka misy anao ho taranaka lehibe izay tena vanona.

Eo anatrehan'ireo olana misy eto amin'izao tontolo izao ankehitriny dia manantena tokoa ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo fa handray anjara araka ny tokony ho izy ianao amin'ny raharaha ara-pôlitika ao amin'ny firenena misy anao. Tsy mirona amin'ny atsy na ny aroa ny Fiangonana eo anatrehan'ny fifandirana ara-pôlitika ary tsy manohana kandidà na antoko pôlitika. Manantena kosa anefa isika fa ny mpikambana ao amintsika dia hirotsaka tanteraka eo amin'ny fanohanana kandidà na antoko pôlitika izay safidiany, ka safidy mifototra amin'ireo fitsipika izay hiaro ny fitantanana tsara ny fanjakana. Mazava ny fotopampianarantsika: Ireo olona tsara, “marin-toetra . . . sy hendry . . . dia [tokony hokatsahina fatratra]” (F&F 98:10).

Matoky anareo tanteraka izahay. Ny mpitarika ao amin'ny Fiangonana dia mino marina tokoa fa afaka manorina ny fanjakana mihoatra lavitra noho ireo taranaka izay nisy tany aloha ianareo. Tsy hoe tia anareo sy matoky anareo fotsiny izahay fa mivavaka ho anareo sy mitsodrano anareo koa. Fantatray fa ny fahombiazan'ny taranaka misy anareo dia zava-dehibe ho an'ny fitohizan'ny fanorenana ny Fiangonana sy ny fivoaran'ny fanjakana. Mivavaka izahay mba hanao tsara ny andraikitraiseo ianareo rehefa misoroka ny fanaovana sarontava, sy manao zavatra mifanaraka amin'ilay tena maha ianareo anareo marina, sy hametraka tanjona tsara, ary hitondra anjara biriky eo amin'ny firenena sy fiaraha-monina misy anareo. ■

Nalaina avy tamin'ny takariva amorom-patan'ny Departemantan'ny Fam-pianarana an'ny Fiangonana ho an'ny tanora tokan-tena sy manambady izay natao tao amin'ny Universiten'i Brigham Young-Idaho, tamin'ny 4 Marsa 2012. Mba hahitana ilay lahatsoratra feno amin'ny teny Anglis, dia tsidio ny lds.org/broadcasts/archive/ces-devotionals/2012/01?lang=eng.

FANAMARIHANA

1. David O. McKay, ao amin'ny Francis M. Gibbons, *David O. McKay: Apostle to the World, Prophet of God* (1986), 45.
2. Jereo ny Marka L. Staker, “Remembering Hiram, Ohio,” *Ensign*, Ókt. 2002, 32, 35.
3. Jereo ny *Enseignements des Présidents de l'Église: Joseph Smith* [2007], 24.
4. “Vas-tu faiblir ô jeunesse,” *Cantiques*, no. 164.
5. L. Tom Perry, ao amin'ny “Joy—for Us and Others—Comes by Following the Savior,” <http://lds.org/prophets-and-apostles/what-are-prophets-testimonies?lang=eng>.
6. Lucile C. Tate, *Boyd K. Packer: A Watchman on the Tower* (1995), 58–59.

Nosoratan'i Gary sy Susan Carter

Amin'ny maha mpiasan'ny tempoly anay dia nanana fahafahana izahay ni-haona tamin'ireo tanora tokantena mandeha aty amin'ny tempoly mba handray ny fana-fiana masina azy ireo. Hitanay fa nanampy azy ireo ny seminera fiomanana mikasika ny fandehanana any amin'ny tempoly saingy ny fitarihana tsara nase-hon'ny ray aman-dreny sy mpitarika marin-toetra dia nitana anjara toerana lehibe kokoa teo amin'ny fanampiana azy ireo hiomana hanao ireo fanekem-pihavanana'ny tempoly. Amin'ny maha ray aman-dreny sy mpitarika antsika dia mila manampy ny zatovo isika tsy hoe hiomana amin'ny fanaovana asa fitoriana amin'ny fotoana feno fotsiny, izay maharitra volana vitsy

monja, fa hiomana koa amin'ny fanaovana sy fitandremana ireo fanekempihavanana'ny tempoly izay maharitra mandrakizay. Afaka manomboka any amin'ny fahazazana ireo dingana voalohany.

Manomana ny Ankizy

Azon'ireo ray aman-dreny aseho ireo zanany ny maha zava-dehibe ny tempoly amin'ny alalan'ny fitsaohana any amin'ny tempoly sy ny fizarana ny fijoroan'izy ireo ho vavolombelona mikasika ny asa atao any amin'ny tempoly. Na dia any amin'ny faritra izay tsy ahafahana mankany amin'ny tempoly matetika aza dia azon'ireo ray aman-dreny atao ny mampiditra ao an-tsain'ireo zanany ny faniriana handeha ho any amin'ny tempoly.

Nampianatra ny ray aman-dreny ny Filoha Howard W. Hunter (1907–95) hoe: "Aoka isika mba hizara amin'ny zanatsika ireo fahatsapana ara-panahy azontsika ao anatin'ny tempoly. Ary aoka isika hampianatra azy ireo amim-pahamatorana sy amim-pilaminana kokoa momba ireo zavatra izay azontsika lazaina mikasika ny tanjon'ny tranon'ny Tompo."¹ Ireo zanatsika dia mila mahafantatra

IREO ZATOVO SY IREO FANEKEMPIHA- VANAN'NY TEMPOLY

Noho ny fampidinana ny taona takiana ahafahana mirotsaka ho misiônera manompo amin'ny fotoana feno dia zatovo an'alinkisa fanampiny no manao ireo fanekempihavanana masin'ny tempoly amin'izao fotoana izao.

fa ny tempoly dia toerana iray izay nahazoantsika valimbavaka ary ahatsapantsika ny fitiavan'Andriamanitra.

Ireo ray aman-dreny dia afaka ihany koa mampianatra ny zanany hiandrandra ny fahazoana ilay fahazoan-dalana voafetra ho azy ireo manokana sy haina mba ho mendrika izany. Manana fahafahana ny hahazo izany izy ireo rehefa feno 12 taona. Rehefa tonga ny fotoana hidiran'ireo tanora ireo ao dia hitanay ao amin'ny tempoly ny fifaliana sy ny fireharehana ana-nan'izy ireo rehefa mampiseho ilay fahazoan-dalana.

Manomana ny Zatovo


Ny ray aman-dreny dia afaka manampy ireo zanany handray anjara amin'ny fanaovana fikarohana momba ny tantaram-

pianakaviana ka rehefa feno 12 taona izy ireo dia afaka mitondra anaran'ny fianakaviana ho entina any amin'ny tempoly. Ny Loholona David A. Bednar dia nampanantena izao manaraka izao an'ireo zatovo izay manao izany: "Hitombo ny fitiavanareo sy ny fankasitrahaneareo ny razambenareo. Hiorim-paka sy hitoetra maharitra ny fijoroanareo ho vavolombelona mikasika ny Mpamonjy sy ny fiovam-ponareo ao Aminy. Ary mampanantena anareo aho fa ho voaro tsy ho azon'ny fitarihana mahery vaika ataon'ny fahavalao ianareo."²

Nahita ohatra maro maneho ny fahatanterahan'io fampantanenana io izahay. Vao haingana no nisy zatovovavy iray izay nilaza taminay fa rehefa avy nikaroka ny anaran'ny renibeny izy dia nandeha tany amin'ny tempoly mba hanao ny asa ho azy. Nolazainy fa rehefa natao batisa teo amin'ny toerany izy dia nanana fahatsapana mazava fa hiarahaba azy ny renibeny any amin'ny fainana ho avy. Ny zavatra niainana toy izany dia manamafy orina ny fijoroana ho vavolombelona ary mampiditra faniriana handray anjara amin'ireo ôrdônansy hafa ao amin'ny tempoly.

Maro ireo zatovo izay voan'ny fakam-panahy hanao fitafiana tsy maotina. Rehefa manao akanjo tsara sy maotina





ny ray aman-dreny sy ny mpitarika dia ho tsapan'ny zatovo fa afaka manao izany koa izy ireo. Ny zatovo dia mila mahatakatra fa ny fomba fitafin'izy ireo sy ny fomba hitondrany ny vatany dia afaka maneho ny maha mpanara-dia azy ireo.

Ireo ray aman-dreny dia afaka manampy ireo zatovo hiomana hiditra ny tempoly amin'ny alalan'ny fanampiana azy ireo hahatakatra ireo fanekepihavanana izay hataon'izy ireo any. Ireo fanekepihavanana'ny tempoly dia ahitana fampanantenana "hanaja ny lalan'ny hatsaran-toetra sy ny fahadiovan-pitondrantena tsy misy tomika, haneho fiantrana, ho be fitiavana, handefitra sy hadio, hanokana ny talenta sy izay fitaovana ananana ho an'ny fanaparihana ny fahamarinana sy ny fitarihana amin'ny soa sy ny tsara ny fianakaviamben'ny zanak'olombelona, hanohy hiasa ho an'ny fahamarinana, ary hikatsaka amin'ny fomba rehetra ny hitondra anjara biriky amin'ilay fiomanana lehibe mba hahavonona ny tany handray ilay Mpanjaka—dia i Jesoa Kristy Tompo."³ Ny ray aman-dreny dia afaka mijoro ho vavolombelona fa ireo zatovo dia hahazo fitahiana manokana sy mahery vaika mandritra ny fiaiany rehefa mitandrina ireo fanekepihavanana ireo izy ireo, ary hanan-danja kokoa amin'ireo zatovo ireo fanekepihavanana ireo rehefa ampian'ny ray aman-dreniny izy ireo hahatakatra fa na ireo fitahiana na ireo fanekepihavanana dia samy amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy no mahatanteraka azy.

Maro ireo fomba ahafahantsika manampy ny zanatsika sy ny zatovontsika handray ireo fitahiana avy amin'ny tempoly. Arakaraka ny maha voaomana kokoa azy ireo no hahafahan'izy ireo kokoa hanana fiadanana sy hahatsapa ny Fanahy, ary ho afaka noho izany hiaina zavatra lehibe ara-panahy rehefa mandray ny fanafiana masina azy ireo. Ny fiaianana zavatra manazava ny saina amam-panahy tany amin'ny tempoly dia hahatonga azy ireo ho mpanara-dia an'i Jesoa Kristy manolo-tena bebe kokoa sy ho misiônera tsara kokoa—vonona ny hanampy ireo izay ampianariny mba hiomana handray ireo ôrdônansy masin'ny tempoly ho an'ny tenany manokana. ■

FANAMARIHANA

1. Howard W. Hunter, "Follow the Son of God," *Ensign*, Nôv. 1994, 88.
2. David A. Bednar, "The Hearts of the Children Shall Turn," *Liahona*, Nôv. 2011, 26–27.
3. James E. Talmage, ao amin'ny *Preparing to Enter the Holy Temple* (2002), 34–35.

ILAY Lovantsika Lehibe avy amin'ny Asa Fitoriana

Nosoratan'i LaRene Porter Gaunt
sy Linda Dekker Lopez
Gazetibokin' ny Fiagonana

Ireo misiônera ankehitriny dia mbola manohy mitondra ilay lova lehibe hoe hameno ny tany amin'ny fahalalana ny Tompo (jereo ny Isaia 11:9). Ireo misiônera ao amin'ny soratra masina sy ny tantaran'ny Fiagonana manomboka any amin'i Abrahama, i Paoly, i Amôna ka hatramin'i Wilford Woodruff dia manome ohatra tena tsara alain-tahaka ho an'ireo misiônera amin'izao fotoana izao.

Na mpikambana mitory filazantsara isika, na miomana hanao asa fitoriana amin'ny fotoana feno, na am-perinasa manao asa fitoriana, na niverina avy nanao asa fitoriana, dia afaka maha zo herim-po sy fitaomam-panahy avy amin'ireo ohatra ireo.

Ny misiônera rehetra na taloha na amin'izao fotoana izao dia manompo miaraka amin'ny fanantenana hanatsara kokoa ny fiainan'ny olona hafa.

Ireo lovantsika momba ny asa fitoriana ao amin'ny Baiboly sy ny Voahangy lafo Vidy

Ireo misiônera ao amin'ny testamenta Taloha toa an'i Jona dia nantsoina mba hampiely feo fampitandremana ho an'ny olona (jereo ny Ezekiela 3:17-19). Hitantsika avy amin'ny ohatra nasehon'i Jona ny maha zava-dehibe ny fibebahana sy ny fankatoavana. Ny tantaran'i Abrahama dia mampianatra antsika mikasika ny loharano niavian'ny Fisoronana Melkizedeka sy ny fahefany.

Ireo misiônera ao amin'ny Testamenta Vaovao toa an'i Petera sy Paoly dia niasa mba hiarovana ireo fampianaran'i Jesoa Kristy. Na dia izany aza dia tafalatsaka tao anatin'ny apôstazia izao tontolo izao rehefa nandeha ny fotoana. Namerina ny filazantsara tamin'ny laoniny Andriamanitra tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith. Miasa toy ny nataon'ireo misiônera ireo isika ankehitriny mba hiaro sy hizara ireo fampianaran'i Jesoa Kristy.



© 2002 DANIEL A. LEWIS

I Jona teo amoron-dranomasin'i Ninive nataon'i Daniel A. Lewis. Nibebaka i Jona ary nandehandeha nitory sy nanamafy fa manjaka na atza na aiza i Jehovah ary tsy manokana velively ny fitiavany ho an'ny firenena iray na vahoaka iray monja (jereo ny Jona 1-4).

FEO FAMPITANDREMANA

"Satria tsara fanahy ny Tompo, dia niantso mpanompo izy mba hampitandrina ny olona amin'ny loza. . . . Eritrero i Jona. Tany ampiandohana izy dia nandositra ny antson'ny Tompo hoe hampitandrina ny mponin'i Ninive izay jamba tsy nahita ny loza noho ny fahotana. Fantany fa hatramin'izay ireo olona ratsy fanahy dia nandà ny mpaminany ary indraindray aza namono azy ireny. Kanefa rehefa nandeha tamin'ny finoana i Jona, dia nomen'ny Tompo fiarovana sy fahombiazana."

Filoha Henry B. Eyring, Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany, "Let Us Raise Our Voice of Warning," *Liahona*, Jan. 2009, 3.





I Petera sy Jaona teo anoloan'ireo Mpitondra tao Jerosalema, *nataon'i Simon Vedder*. Nentina teo anoloan'ny filankevitra i Petera sy Jaona ary nanontanian'ny mpisoronabe izy ireo hoe: "Efa noraranay mafy dia mafy hianareo tsy hampianatra amin'izany anarana izany; kanjo, indro efa nafenoinareo ny fampianaranareo Jerosalema. . . Fa Petera . . . namaly ka nanao hoe: Andriamanitra no tokony hekena mihoatra ny olona" (*Asan'ny Apôstôly 5:28-29*).

Ny Apôstôly Paoly, *nataon'i Karel Skreta*. Tao anatin'ireo dia nataony sy ireo taratasy nosoratany dia nijoro ho vavolombe lona mahery vaika momba ny Mpamoriny nanerana an'i Asie Mineure i Paoly sy tany amin'ireo faritra maro teto amin'izao tontolo izao izay fantatra tamin'izany fotoana izany.



BPK, BERLIN / GEMÄELDEGALERIE ALTE MEISTER, STAATLICHE KUNSTSAMMLUNGEN, DRESDEN / ELKE ESTEL / HANS-PETER KLUT / ART RESOURCE, NY



Nitsodrano an'i Abrama [Abrahama] i Melkizedeka, *nataon'i Walter Rane*. Nitsodrano an'i Abrama i Melkizedeka (jereo ny Genesisy 14:18-20) ary nanome azy koa ny fisoronana (jereo ny F&F 84:14). Nisy fotoana anankiray hafa nisehoan'ny Tompo tamin'i Abrama ka nilazany hoe: "Efa nikasa [ny] . . . hahatonga anao ho mpanompo hitondra ny anarako any amin'ny tany vahiny [aho]. . . Ary ianao dia ho fitahiana ho an'ny taranakao any aorianao, ka eo an-tanany no hitondramy ity asa fanompoana ity sy ny Fisoronana ho any amin'ny firenen-drehetra" (*Abrama 2:6, 9*).



MAMPIANA- TRA IREO TSY MPINO

"Nandeha teo anivon'ny Lamanita ireo zanakalahin'i Môsià. Na dia vondron'olona manana fomba nentim-paharazana izay tsy mitondra fivoarana ara-panahy aza no nampianarina, dia nanao izay nitondrana fiovana mahery vaika teo amin'ireo Lamanita ireo ireto misionera mahatoky ireto. Fantatsika fa . . . 'rehefa mety ho Lamanita ka nino ny fitoriany, sy niova fo ho an'ny Tompo, dia tsy nihemotra na oviana na oviana' (Almà 23:6)." (Alma 23:6)

Loholona James B. Martino ao amin'ny Fitopolohaly, "Repentance That Brings Conversion," *Ensign*, Sept. 2012, 58.

© GARY L. KAPP, TSY AZO ADIKA

I Amôna eo anoloan'ny Mpanjaka Lamônia *nataon'i Gary L. Kapp*. Namonjy ny andian'ondrin'ny Mpanjaka Lamônia i Amôna izay iray amin'ireo zanakalahin'i Môsià. Rehefa nanontanian'ny mpanjaka i Amôna raha toa izy ka nirahin'Andriamanitra dia no lazain'i Amôna fa izy dia lehilahy nantsoin'ny Fanahy Masina mba hampianatra ny filazantsara "ny vahoaka-n'i [Lamônia] mba hahazoana mitarika azy ho amin'ny fahalalana ny momba izay mahitsy sy marina" (Almà 18:34).

Ireo lovantsika momba ny asa fitoriana ao amin'ny Bokin'i Môrmôna

I Almà, i Amioleka sy ireo zanakalahin'i Môsià ary i Samoela ilay Lamanita dia vitsivitsy fotsiny amin'ireo misionera lehibe tsara alain-tahaka izay hitantsika ao amin'ny Bokin'i Môrmôna. Avy amin'izy ireo no ahitantsika ohatra mikasika ny fibebahana, ny finoana, ny fankatoavana ary ny fananana herimpô. Afaka miantehitra amin'ny fitaomam-panahy sy ny fanambarana avy amin'Andriamanitra toa azy ireo isika mba hitantanana ny asa fitoriana ataontsika.

Tena Nitondra Vaovao Mahafaly ho an'ny Fanahiko Iz, *nataon'i Walter Rane*. Nisy anjely iray nitsidika an'i Samoela ilay Lamanita ary "nitondra vaovao mahafaly ho an'ny fanahin'i [Samoela]" mikasika ny fiavian'ny Mpamorfy (Helamâna 13:6–7). Tao anatin'ilay antsony hoe hitory amin'ny Nefita dia niakatra teo amin'ny mandan'ny tanànan'i Zarahemla i Samoela ary nizara ireo vaovao mahafaly ireo tamin'ny vahoaka.



Ny lovantsika momba ny asa fitoriana hita ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana

Tena nilaina ireo misiônera taorian'ny Famerenana ny filazantsara tamin'ny laoniny. Nizara ny Bokin'i Môrmôna sy ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ireo misiônera toa an-dry Dan Jones, Orson Hyde, ary Parley P. Pratt. Ny sasany toa an'i Samuel rahalahin'ny mpaminany Joseph dia nanompo tany akaikin'ny toeram-ponenany. Ny sasany dia nanao dia lavitra mba hizara ny filazantsara tany amin'ny toerana toa an'i Thailande, sy ireo Nosy Sandwich (Hawai), sy Danemark ary Angleterre.

Ireo misiônera tany am-piandohana ireo matetika dia nanompo nandritra ny fotoana ela be ary nanao asa fitoriana im-betsaka. Nilaozan'izy ireo ny ray aman-dreny, ny olon-tiana, ny vady, ny zanaka ary ny zafikely toy ny ataontsika koa. Izy ireo dia ohatra ho antsika ankehitriny eo amin'ny lafin'ny finoana, ny fananana herimpo, ny fankatoavana, ny faharetana ary ny fahavitrihana.



© IRI, NAHAZOANA LALANA ANY TAMIN'I ARNOLD FRIBERG

Mpitoky Môrmôna *nataon'i Arnold Friberg, niainga avy tamin'ny modely iray nataon'i Christen Dalsgaard.* *Ity toe-javatra iray ity, izay ahitana misiônera Olomasin'ny Andro Farany mampianatra ny filazantsaran'i Jesoa Kristy amin'ny fianakaviana Danao iray izay tafavory ao amin'ny tranony any ambanivo히tra, dia maneho ny karazana asa fitoriana fanao tamin'ny taonjato faha-19.* Ireo misiônera koa dia nampianatra teny amoron-dalana na tany amin'ireo trano fivoriana ao an-tanana.



Niomana hanao batisa i Wilford Woodruff tao amin'ny toeram-piompiana sy fambolen-dry Benbow, *nataon'i Richard A. Murray.* Notarihan'ny Tompo i Wilford Woodruff hankany amin'ny toeram-piompiana sy fambolen'i John Benbow tany Herefordshire, Angleterre tany amin'ny taona 1840 tany sy ireo taona taoria-n'izany. "Nisy olona tany izay nivavaka mba hahazoana ireo lamin-javatra fahiny," araka ny nosoratan'i Wilford. "Ny vokany dia nanao batisa olona miisa entin-jato aho tao anatin'ny telopolo andro voalohany nahatongavako tany. . . Nitondra olona valonjato sy arivo ho mpikamban'ny Fiangonana aho tao anatin'ny valo volana niasana tao amin'io firenena io. Nahoana? Satria nisy vahoaka voaomana handray ny Filazantsara tany" ("Discourse," Deseret Weekly, Nov. 7, 1896, 643).

*Tany aloha
be tany, tany
amin'ny taona
1851 dia nanao
batisa ireo tera-
tany tao amin'ny
nosy Sandwich
(Hawai) ireo
misiônera vao
tonga. Ny datin'ity
sary ity kosa dia
efa taty aoriana
lavitra.*



TSY AZO ADIKAKA


Manorina eo ambonin'ny Lovantsika avy amin'ny Asa Fitoriana

Olomasin'ny Andro Farany an'alin-kisa no efa lasa misiônera nanomboka tamin'ny fotoana nambaran'ny Filoha Thomas S. Monson nandritra ny fihaonamben'ny Fiagonana Ôktôbra 2012 fa afaka mandeha manao asa fitoriana amin'ny taona latsaka kely amin'ilay teo aloha ny zatovolahy sy ny zatovovavy.

Nandritra ny fihaonamben'ny Fiagonana tamin'ny Aprily 2013 dia nizara ny fijoroany ho valobelona momba ny asa fitoriana ny Loholona Neil L. Andersen ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly ary namporisika antsika tsirairay mba hitana toerana

manan-danja eo amin'ity fahagagana mihatantera ka ity amin'ny alalan'ny fitondrana fanampiana eo amin'ny fitadiavana ireo izay vonona hihaino ny filazantsara: "Tahaka ny maha azo antoka ny nanantan'an'ny Tompo ny fanahin'ireo misiônera betsaka kokoa mba hanompo no hamohazana ihany koa ny saina sy hanokafany ny fon'ny olon-tsara sy marintoetra maro kokoa mba handray ireo misiônerany. Efa fantatrao izy ireo na mbola ho fantatrao. Ao amin'ny fianakavianao izy ireo ary mipetraka ao amin'ny manodidina anao. Mandalo eo amin'ny lalanao izy ireny, mipetraka eo akaikinao any ampiaranana ary mifanerasera aminao amin'ny Internet" ("Fahagagana Izany," *Liahona*, Mey 2013, 78). ■

Mizara ny Filazantsara Eny An-dalana, *nataon'i Ken Spencer*. Mizara ny filazantsara amin'ny lehilahy tray eo anoloan'ny trano fivarotam-boky tray any New Brunswick, New Jersey, États-Unis ireto misiônera roalahy ireto.



NAHAZONA LALANA AVY TAMINI CHURCH HISTORY MUSEUM (TRANOM-BAKOKY NY FIAGONANA)



ILAY MARI-PAMANTARANA MAHA-MISIÔNERA ANAO


"Raha toa ianao ka tsy misiônera manompo amin'ny fotoana feno manana mari-pamantarana iray mipaingotra eo amin'ny palitao-nao, dia izao no fotoana hanoratanao anankiray amin'izany ao amin'ny fonao —soratana araka ny nolazain'i Paoly, 'tsy amin'ny ranomainty anefa, fa amin'ny Fanahin'Andriamanitra velona.'"

Loholona Neil L. Andersen ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, "Fahagagana izany," *Liahona*, Mey 2013, 78.



NAHAZOANA LALANA AVY TAMINNY CHURCH HISTORY MUSEUM (TRANOM-BAKORY NY FIANGONANA).

Hamony Tahaka ny Raozy ny Lamanita, *nataon'i Joselito Jesus Acevedo Garcia*. Ity sary ity dia maneho ny fanahin'ny asa fitoriana eo anivon'ireo olona miteny Espaniola. Miomana hitory ny filazantsara ny misiônera roa raha mandeha manatanteraka ny asany isan'andro kosa ny olona. Ny Tempolin'i Lima Pérou, izay mitoetra eo afovoan'ireo trano kely sy biby avy eo an-toerana, dia maneho ny fivoaran'ny Fiangonana.



Misiônera Lalandava *nataon'i Juei Ing Chen*. Ireo mpikamban'ny Fiangonana any Taiwan, toy ireo mpikambana tsy an-kanavaka mitory ny filazantsara na aiza na aiza, dia mikatsaka ny hizara ny fialiany ao amin'ny filazantsara sy ny soratra masina. Eo ambonin'ny latabatra ny soratra masina ary ao anatin'ilay ilay fitoeran-javatra avo be mangamanga ahitana horonan-taratasy dia misy sarin'ny Tempolin'i Taipei Taiwan.

© IRU, NAHAZOANA LALANA TAMINI JUEI ING CHEN



NAHAZOANA LALANA AVY TAMINNY CHURCH HISTORY MUSEUM (TRANOM-BAKORY NY FIANGONANA).

Ireo Misiônera Olomasin'ny Andro Farany any Sierra Leone, *nataon'i Emile Wilson*. Naorina tamin'ny 1 Jolay 2007 tany Freetown ny misiona voalohany tany Sierra Leone. Lasa tsatoka faha 3.000 ato amin'ny Fiangonana i Freetown tamin'ny 2 Desambra 2012.



Nosoratan'ny Loholona

Eduardo Gavarret

Ao amin' ny Fitopololahy

VOAOMANA AMIN'NY ANDRO IADIANA

*Enga anie isika, amin'ny alalan'ny fametrahantsika
ny fitokiantsika amin'ny Mpamony, ilay Tompon'ny Maro,
hiomana ka tsy ho lavo eo amin'ny sahan'ny ady.*

IRichard III no mpanjaka Anglisy tamin'ny 1485. Fotoan'ny tsy filaminana tamin'i-zany, ka nihoatra ny indray mandeha i Richard no voatery niaro ny fiandrianany. Saingy miaramila ela nihetezana manan-traikefa izy ary mpiady sahisahy sy hendify izay nanana tafika misy lehilahy teo anelanelan'ny 8.000 sy 10.000 teo.

Tamin'io taona io ihany, olona iray mpiandrandra ny sezà fiandrianana Anglisy, i Henry Tudor, Comte de Richmond, no nihantsy ady ary nifanandrina tamin'i Richard tany amin'ny toerana iray izay ny anarany no nentina niantsoana ilay ady: Bosworth Field (Saha Bosworth). I Henry dia tsy toa an'i Richard satria tsy dia nanana traikefa loatra teo amin'ny lafin'ny ady ary 5.000 fotsiny ny isan'ny miaramilany. Saingy nanana mpanolotsaina tsara izy teo anilany—andriana izay efa nandray anjara tamin'ny ady mitovy amin'izany ary fifanandrianana tamin'i Richard aza ny sasany tamin'i-zany. Tonga ny maraina hiatrehana ny ady ary ny fandehan-javatra rehetra dia toa nilaza fa handresy i Richard.

Misy tantara miavaka sy malaza mamintina ny zava-niseho tamin'ny 22 Aogôsitra 1485. Niomana hiatrika ny tafik'i Henry ny Mpanjaka Richard sy ireo lehilahiny tamin'io maraina io. Izay mivoaka mpandresy amin'ilay ady no hitondra an'i Angleterre. Fotoana fohy talohan'ilay Ady dia naniraka mpanompo iray i Richard mba hijery raha toa ka vonona ilay soavaly ankafiziny.





"Apetaho haingana ny kitron-tsoavaliny," hoy ilay mpanompo nandidy ilay mpanao kitron-tsoavalny. "Te hitain-gaintsoavalny any alohan'ny andian-tafiny ny mpanjaka."

Nilaza ilay mpanao kitron-tsoavalny fa voatery hiandry izy. "Nametaka ny kitron-tsoavalin'ny tafiky ny mpanjaka iray manontolo aho tao anatin'izay andro vitsy lasa izay," hoy izy, "ary mbola mila maka vy fanampiny aho izao."

Nilaza ilay mpanompo tsy nanam-paharetana fa tsy afaka miandry izy. "Efa manatona ny fahavalon'ny mpanjaka amin'izao fotoana izao ary tsy maintsy mihaona am'i'zy ireo eo amin'ny vava ady izahay," ho izy. "Amboary amin'izay anananao ao izany."

Araka ny nasaina nataony dia nanao izay vitany ilay mpanao kitron-tsoavalny mba hanao kitron-tsoavalny efatra avy amin'ny tapa-by iray. Rehefaavy niveliely tamin'ny tantanana ireo kitron-tsoavalny izy dia nahafantsika ny telo tamin'izy ireo teo amin'ilay soavalny. Rehefa nikasa ny hametaka ilay kitron-tsoavalny fahaefatra anefa izy dia nahita fa tsy ampy ny fantsika teo am-pelatanany.

"Mila fantsika iray na roa fanampiny aho ary mbola mila fotoana ny fivelezana azy," hoy izy tamin'ilay mpanompo.

Tsy afaka niandry ela intsony anefa ilay mpanompo. "Izany henoko izany ireo trompetra," hoy izy. "Tsy mba afaka mampiasa izay zavatra anananao ao ve ianao?"

Namaly ilay mpanao kitron-tsoavalny fa hanao izay vitany izy saingy tsy manome antoka izy fa hahatazona ilay kitron-tsoavalny fahaefatra izany.

"Fantsihosotsiny izany e!" hoy ilay mpanompo nandidy

azy. "Ary haingankaingana ianao sao ho tezitra amintsika sy ianao eo ny Mpanjaka Richard."

Nanomboka fotoana fohy taorian'izay ny ady. Mba hamoriana ireo lehilahiny dia nitaingin-tsoavalny niakatra sy nidina ilay vava ady i Richard ary niady sy namporisika azy ireo tamin'ny alalan'ny fiantsoantsoana hoe, "Mandrosoa hatrany! Mandrosoa hatrany!"

Rehefa nanopy maso tery amin'ny ilan'ny vava ady anefa izy dia nahita fa nihemotra ny sasantsasany tamin'ireo lehilahiny. Noho ny fahatahorany sao hihemotra koa ireo miaramila hafa dia niriota nankeny amin'ireo miaramila nihemotra izy mba hamporisika azy ireo hanohy hiady. Saingy raha mbola tsy tonga teny amin'izy ireo akory i Richard dia tafintohina ny soavalny dia nianjera ary nипитика teny amin'ny tany ilay mpanjaka. Niendaka ny iray tamin'ireo kitron'ilay soavalny araka ny efa natahoran'ilay mpanao kitron-tsoavalny, nandritra ny firioriotra mafy na-taon'ny mpanjaka.

Niarina i Richard saingy nitsangana ary lasa niriota ny soavalny. Rehefa nanatona ny tafik'i Henry dia nanofahofa ambony ny sabany i Richard ary nihika hoe, "Soavalny iray! Soavalny iray! Homeko ny fanjakako izay manome soavalny ahy!"

Saingy tara loatra izany. Tamin'izay fotoana izay dia efa nitsoaka ireo lehilahin'i Richard noho ny fahatahoran'izy ireo ny tafik'i Henry izay nanatona ary dia resy izy ireo.



TSAROVY IREO ZAVATRA KELY

"Aoka ianareo hankatò ireo fampianarana azo avy amin'ny faminaniana izay tian'i Kristy harahanareo. Aza hamaivanina

ny fahasambarana ho azonareo amin'ny ho avy amin'ny alalan'ny fanaovana hitsin-dalana, nefà tokony hampihatra ireo fitsipika azo antoky ny filazantsara. Tsarovy: ny zavatra kely dia mitondra any amin'ny zavatra lehibe. Mety hiteraka olana lehibe ny tsy fahamalina sy ny fanaovana tsirambina izay jerena ho toy ny tsy manan-danja. Fa ny tena zava-dehibe, dia hitondra any amin'ny fiafianana feno fitahiana maro ny fahazarana tsotra sy tsy tapaka ary tsara."

Loholona Richard G. Scott ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo "Mba Nahazoana Fiadanana Ao An-tokantran," *Liahona*, Mey 2013, 29.

Nanomboka tamin'izay fotoana izay dia ampiasain'ny olona ity tononkalo ity:

*Nafoy ny kitron-tsoavalny iray noho ny tsy fisian'ny fantsika iray,
Nafoy ny soavalny iray noho ny tsy fisian'ny kitron-tsoavalny,
Nafoy ny ady iray noho ny tsy fisian'ny soavalny iray,
Nafoy ny fanjakana iray noho ny tsy fisian'ny ady iray,
Ary izany rehetra izany dia noho ny tsy fisian'ny fantsika kitron-tsoavalny iray.¹*

Mampiraikitra Tsara ny Fitsipika Nomena Antsika

Rehefa mieritreritra an'io tantara io aho dia mahita zavatra tsotra dia tsotra hoe, nitondra tany amin'ny fivadihan'ny tantara ny tsy fametahana tsara ireo fantsiky ny kitron-tsoavalny. Azontsika oharina amin'ireo fisipiky ny filazantsara ilay fantsika iray banga. Ny tsy fisian'ny fitsipiky ny filazantsara sy ny soatoavina miaraka amin'izy ireo ary ny tsy fisian'ny fampiharana dia mety hamela antsika ho tsy banana hery eo amin'ny saha iadiana amin'ny fakapanahy sy amin'ny ratsy.

Inona avy ireo zavatra tokony hampiharina eo amin'ny fiafianantsika sy ny fianakavantsika nefà tsy atao? Moa ve isika tsy miraharaha ny vavaka ataon'ny tena manokana na ny vavaky ny mpianakavy? Ny fandalinana amimpahavitrihana ny soratra masina? Ny fanaovana tsy tapaka ny takarivan'ny mpianakavy? Ny fandoavana fahafolonkarena feno? Ny fanompoana ny rahalahintsika sy anabavantsika? Ny fitandremana ny andro Sabata? Ny fitsaohana any amin'ny Tempoly? Ny fitiavana ny namantsika?

Afaka mandini-tena isika tsirairay ary mitady izay zavatra

tsy ampy eo amintsika—izay fitsipika na zavatra tokony hampiharina ilaina *araikitra* mafy kokoa eo amin'ny fiafianantsika sy ny fianakavantsika. Avy eo rehefa avy namantatra izany fitsipika na zavatra tokony hampiharina izany isika dia afaka mandray andraikitra amim-pahavitrihana sy amimpahavononana *hamantsika mafy ny fantsika*—mba hiaina feno kokoa izany fitsipika izany ary hanomana tsara kokoa ny tenantsika sy ny fianakavantsika hijoro hiaro ny marina.

Nanoro hevitra ny Tompo ao amin'ny Fotopampiariana sy Fanekempihavanana hoe: "Raiso ny satro-bin'ny famonjena sy ny sabatry ny Fanahiko, izay halatsako aminareo ary ny teniko izay ambarako aminareo, ary . . . aoka ho mahatoky ianareo mandra-piaviko" (27:18).

Nampanantena izao an'ireo mpanompony mahatoky ny Mpamony: "Ny sandrinny no ho sandriko, ary izaho no ho ampingany sy ho fiarovany; ary hosikinako ny valahany, ka hiady amimpahasahiana ho ahy ireo . . . ary amin'ny afon'ny fahavinirako no hiarovako azy ireo" (F&F 35:14).

Enga anie hotsaroantsika lalandava fa na dia "voaomana amin'ny andro iadiana aza ny soavalny," dia hoy ny Ohabolana hoe: "an'i Jehovah ihany ny fandresena" (21:31). Enga anie isika hanaraka ilay fanasan'i Môrônîa hoe "manatôna an'i Kristy ary aoka hatao tanteraka ao Aminy" (Môrônîa 10:32). Ary enga anie isika, amin'ny alalan'ny fametrahantsika ny fitokantsika amin'ny Mpamony, ilay Tompon'ny Maro, tsy ho lavo eo amin'ny sahan'ny ady. ■

FANAMARIHANA

1. Jereo ny "For Want of a Horseshoe Nail," ao amin'ny boky navoakan'i William J. Bennett, *The Book of Virtues: A Treasury of Great Moral Stories* (1993), 198–200.

Fanafainganana NY ASA FAMONJENA

Rehefa manasa sy mitia ary manompo ny hafa isika dia lasa mpanara-dia marin'i Jesoa Kristy ary manampy eo amin'ny fanafainganana ny asa famonjena.

Na dia misy aza ny fientantana mikasika ny fahafahan'ny misiônera manompo amin'ny fotoana feno miasa amin'ny alalan'ny internet sy mampitsidika ny olona ireo trano favoriana dia ampahany kely ihany ao anatin'ilay sary lehiben'ny asa famonjena ireo fanovana ireo. Fa mbola manandanja kokoa ny fananantsika toerana amin'ny maha mpikambana antsika ao anatin'izany sary lehiben'ny fanafainganana ny asa famonjena izany. Tsy angatahana mba hirotsaka ao anatin'ny fandaharan'asa iray vaovao akory isika. Am-porishina tsotra fotsiny isika mba ho mpanara-dia marin'i Jesoa Kristy. Ny anjara asantsika dia hampirotsaka ny tenantsika ao anatin'ny fitiavana sy ny fanompoana ireo olona manodidina antsika—mampahery mpiara-miasa iray sahirana, manasa ny namantsika hanatrika batisa, manampy mpifanolobodirindrina efa antitra amin'ny fikarakarana ny zaridainany, manasa mpikambana malaindaina iray mba hiaraka hisakafo na manampy mpifanolobodirindrina iray amin'ny fanaovana ny tantaram-pianakaviani. Ireo rehetra ireo dia fihetsika mandeha ho azy sy mahafinaritra mba hanasana ireo mpikambana malaindaina sy ireo izay tsy iray finoana amintsika hahafantatra ny fainantsika ary hahafantatra ny hazavan'ny filazantsara noho izany. Ny fizariansika aminy ireo fotoana nahafinaritra sy ireo fotoana sarobidy teo amin'ny fainantsika dia mety tena ho fomba faran'izay mahomby ahafahantsika, na iza izany na iza, "miasa ao amin'ny tanimboalobok'i [Jesoa Kristy] ho famonjena ny fanahin'ny lehilahy [sy vehivavy]" (F&F 138:56).

Inona Moa Ilay Hoe Asa Famonjena?

Ny asa famonjena dia asan'ny Ray any an-danitra mba "hanatanterahana ny tsy fahafatesana sy ny fainana mandrakizain'ny olona" (Mosesy 1:39). Ity asa famonjena ity dia ahitana ny asa fitoriana ataon'ny mpikambana, ny fihazonana ireo niova fo, ny fampahavitrihana ireo mpikambana malaindaina, ny asan'ny tempoly sy tantaram-pianakaviana, ary ny fampianarana ny filazantsara.¹ Eritretintsika matetika loatra fa tsy misy ifandraisany ireo lafin-javatra ao anatin'ny filazantsara ireo. Saingy tao anatin'ny *Ny Asa famonjena: Fampitana Manerantany ho an'ny Mpitarika* tamin'ny 23 Jona 2013, ny Loholona Russell M. Nelson ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nampianatra fa "tena tsy azo saratsarahina ny asa. Tsy misaraka ireo ezaka atao ireo fa tadifitra ao anatin'ny asa famonjena izy rehetra ireo."²

Ilay andian-teny hoe "Fanafainganana ny Asa Famonjena"—izay anaran'ilay tranonkala (hasteningthework.lds.org) ahitana ilay fampitana—dia ilazana ilay



SARY NALAIN'IL DAVID STOKER



fampanantenan'ny Tompo hoe: "Indro hohafainganiko amin'ny fotoany ny asako" (F&F 88:73).

Ireo ôrdônan'sin'ny fisoronana manan-danja—batisa, fandraisana ho mpikambana, fanendrena ao amin'ny fisoronana ho an'ny lehilahy ary ireo ôrdônan'sin'ny tempoly—dia raisina ho toy ny dingana lehibe atao eo amin'ilay lalantsika miverina any amin'ny Raintsika any an-danitra. Rehefa mandray anjara ao anatin'ilay asa famonjena isika dia manaraka ary manainga ny hafa hanaraka io lalan'ny fanekempihavananana io.

Miara-miasa eo ambanin'ireo Fanalahidin'ny Fisoronana ny Mpikambana sy ny Misiônera

Tonga izao ny fotoana hifantohana indray amin'ilay fitsipika fototra hoe: ny maha mpikambana ao amin'ny

Fiangonan'ny Tompo dia midika hoe voantso mba hirotsaka tanteraka ao amin'ilay asa famonjeny. Ny filohan'ny tsatôka sy ny eveka dia mihazona ny fanalahidin'ny fisoronana misahana ny asa fitoriana ao amin'ireo vondron'ny Fiagonana sahaniny³ ary manampy ny mpikambana mba hanao ilay zavatra ataon'ny mpanara-dia marin'i Kristy—mizara ny hazavan'ny filazantsara. Ny filohan'ny misiona dia mihazona ireo fanalahidin'ny fisoronana izay manome fahafahana azy ireo hitantana ny asan'ireo misiônera izay tarihiny.⁴ Ireo misiônera manompo amin'ny fotoana feno dia nofanina mba hampianatra ireo izay voaomana handray ny filazantsara. Manampy ny mpikambana izy ireo eo amin'ny fanatanterahan'ny mpikambana ny asa fitoriana fa tsy ny mifanohitra amin'izay. Noho izany dia mpiara-miasa



ny misiônera manompo amin'ny fotoana feno sy ny mpikambana manao asa fitoriana eo amin'ny fitondrana ny filazantsara eo amin'ny fiainan'ireo izay nomanin'ny Tompo handray izany.

Hoy ny Filoha Thomas S. Monson nandritra ilay fampitana hoe: "Izao no fotoana tokony hiarahan'ireo mpikambana sy ireo misiônera, miara-miasa, miasa ao amin'ny tanimboaloboky ny Tompo mba hitondrana fanahy ho any Aminy. Efa nomaniny ireo fitaovana ahafahantsika mizara ny filazantsara amin'ny fomba maro, ary hanampy antsika Izy eo amin'ny asa ataontsika raha miasa amim-pinoana isika mba hanatanterahana ny Asany."⁵

Ny Loholona Neil L. Andersen ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia niresaka momba ny maha zavadehibe ny fitiavana. Hoy izy hoe: "Miara-miasa ao anatin'ny finoana sy firaisan-kina isika—ao anatin'ny finoana fa ny Tompo dia hitarika ny diantsika, ary ao anatin'ny firaisansika hina sy ny firaisan-kina amin'ireo misiônera, sady entanim-pahazotoana hatrany noho ny fitiavana an'i [Jesoa Kristy] sy ny fifankatiavantsika ary ny fitiavana an'ireo izay tompointsika."⁶

Mitarika ny Filankevitry ny Paroasy, Mandrindra ireo Mpitarika ny Asa Fitoriana ao amin'ny Paroasy

7

Amin'ny maha mpikambana iray azy ao amin'ny filankevitry ny paroasy, ny mpitarika ny asa fitoriana ao amin'ny paroasy dia "mandrindra ny ezaka ataon'ny paroasy mba hahitana sy hampianarana ary hanaovana batisa ireo nam'an'ny Fiangonana. Mandrindra izany asa izany miaraka amin'ireo misiônera manompo amin'ny fotoana feno izy."⁸

Hoy ny Loholona Nelson tamin'ireo mpitarika ny asa fitoriana ao amin'ny paroasy hoe: "Ampio [ireo misiônera] mba hameno ny boky misy ny fandaharam-potoan'izy ireo amin'ny fanaovan-javatra sy fifamotoanana manan-danja, mba tsy hananany fotoana handondonana varavarana hitady olona hampianarina. . . . [Ilanareo] no tady mam-pifandray ny misiônera sy ny filankevitry ny paroasy ary ireo mpikambana ao amin'ny paroasy."⁹



Ny Fandrefesana Marina ny Fahombiazana

Fitahiana ho antsika Olomasin'ny Andro Farany ny miaina ao anatin'izao fotoana hanafainganan'ny Tompo ny asany izao. Manana fahafahana hanao zavatra lehibe kokoa noho izay azontsika eritreretina isika satria manana ny antony nametrahany antsika eto any an-tany amin'izao fotoana izao Andriamanitra. Hahomby foana isika raha manolo-tanana amin-katsaram-panahy sy amim-pitiavana an'ireo izay mila ny finamanantsika sy ny fanampiantsika. Ny fahombiazana eo amin'ny asa fitoriana dia avy amin'ny fanarahana ny fanentanam-panahy izay mikoriana ao an-tsaintsika sy ao am-pontsika ary avy amin'ny fanasana tsotra fotsiny ny hafa hamantatra ilay fainantsika mifototra amin'ny filazantsara. Ny fanasana no mariky ny fahombiazana fa tsy hoe vita batisa ny olona na lasa mazoto ao amin'ny Fiagonana. Hoy ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinfole mikasika ilay tafika lehiben'ny misiônnera izay niditra ao amin'ny sahan'ny asa fitoriana amin'izao fotoana izao hoe: "Tonga eo amintsika ny fotoana izay tsy maintsy ilazantsika ankehitriny hoe, 'Indreto izy ireo fa tonga.' Tsy maintsy manao lamina isika rehetra mikasika ity loharano nalefan'ny lanitra ity ary tsy maintsy mampiasa izany amin'izay fomba tena mahomby azo atao."¹⁰

Tonga ny fotoana mba hahatakarantsika rehetra tsara kokoa ny anjara asantsika ao anatin'ny fanafainganana ny asa famonjena. Rehefa raisintsika ho toy ny ampanhan-javatra efa fanao mahazatra eo amin'ny fainantsika ny asa fitoriana ataon'ny mpikambana, ny fihazonana ny olona niova fo, ny fampahavirihana ny mpikambana malaindaina, ny fanaovana ny asa any amin'ny tempoly sy ny tantaram-pianakaviana ary ny fampianarana ny filazantsara dia hiaina fifaliana lehibe isika ary hahazo fanomezam-pahasoavana ara-panahy izay ilaintsika mba hanamafisana orina ny Fiagonana ao anatin'ny taonjato faha 21. ■


FANAMARIHANA

1. Jereo ny *Manuel 2: Administration de l'Église* (2010), toko 5.
2. Russell M. Nelson, *Ny Asa Famonjena: Fampitana Maneran-tany ho an'ny Mpitarika*, 23 Jona 2013, hasteningthework.lds.org.
3. Jereo ny *Manuel 2*, 5.1.6; 5.1.9.
4. Jereo ny *Manuel 2*, 5.1.6.
5. Thomas S. Monson, *Ilay Asa Famonjena*, hasteningthework.lds.org.
6. Neil L. Andersen, *Ilay Asa Famonjena*, hasteningthework.lds.org.
7. Jereo ny *Manuel 2*, 5.1.2.
8. *Manuel 2*, 5.1.3.
9. Russell M. Nelson, *Ilay Asa Famonjena*, hasteningthework.lds.org.
10. Jeffrey R. Holland, *Ilay Asa Famonjena*, hasteningthework.lds.org.

Mba hahitana ny horonan-tsarin'ny *Ny Asa Famonjena: Fampitana Maneran-tany ho an'ny Mpitarika* amin'ny fiteny 26, dia tsidiho ny hasteningthework.lds.org. Afaka mahita ilay fampitana izay voatahiry amin'ny fiteny 59 koa ianao ao amin'ny lds.org/broadcasts. Ny *Manuel 2: Administration de l'Église* dia hita amin'ny fiteny 29 ao amin'ny lds.org/manual/handbook.



*Ny fitondrany
misiônera tamin'ny
fiarakaretsaka no
nanombohan'i
Roger Randria-
narison nandray
ny lalan'ny maha
mpianatra.*



SARINNY FIANAKAVANA RANDRIAMARISON NAJAINI | MATTHEW D. ELTON

LASA Lehilahy Tia Filaminana



Nanampy an'i Roger sy ny fianakaviany handroso ho lasa fianakaviana mandrakizay ny tempoly sy ny asa fitoriana ary ny asa fanompoana.

Nosoratan'i Matthew D. Flitton

Gazetibokin' ny Fiagonana

Hitan'i Roger Randrianarison fa nisy zavatra tsy ampy teo amin'ny fainam-pianakaviany.

“Nivavaka tamin'Andriamanitra aho mba hanampy ahy hahita zavatra hitarihana ny fianakaviako,” hoy izy. “Nanana faniriana hitarika ny fianakaviako ao anatin’ny zavatra tsara aho. Zavatra izay hitarika any amin’ny lalana marina.”

Niahiahy mikasika ny fomba hitaizany ireo zanany telo izy— ireo zanany lahy, Randrianandry sy Sedinirina ary ny zanany vavy, Nirina. Tsy faly izy satria lasa nitraka olana teo amin'ny fianakaviany ilay toetrany mora tezitra. Naniry ho tonga ray aman-dreny tsara fanahy kokoa izy.

“Nanapa-kevitra aho fa izaho no tokony hiova satria hitako hoe lasa karazan’olona toy ny inona aho,” hoy izy.

Namoy ilay asa aman-draharahany momba ny fanorenan-trano i Roger taona vitsivitsy talohan’izany ary lasa mpitondra fiarakaretsaka tao Antananarivo, Madagascar. Indray andro, nitondra rahavavy misiônera roa tamin’ny fierany izy.

“Raha vao tafiditra tao anatin’ilay fiara izy ireo dia nanontany ny anarako ary nanontany raha manana fianakaviana aho,’ hoy izy. “Nanontanian’izy ireo aho raha mahafantatra an’Andriamanitra ary raha toa ka mivavaka Aminy.”

Nihira hira niaraka tamin'i Roger ireo misiônera nandritra ny diany ary nanasa azy ho any am-piagonana. Niezaka nanatrika izy tao anatin'ny fotoana vitsivitsy saingy tsy afaka nampifaranaka ireo fotoam-pivoriana tamin'ny fandaharam-potoany ka dia tsy nifanerasera tamin'ny misiônera intsony.

Dimy volana taty aoriana raha niasa tao an-trano i Roger indray andro dia na-heno ireo misiônera niresaka tamin'olona iray tany ivelan'ny fefy. Fantatr'i Roger fa ho avy hiresaka aminy izy ireo. Tsapany fa tokony hamaly hoe eny amin'izay mety hanontanian’izy ireo izy.



Nanampy ny fianakaviana hifanakaiky bebe kokoa ny fiarahan'ny fianakaviana mandalina ny filazantsara.

Rehefaavy nampahafantatra ny tenany izy ireo dia na-nontanian'ireo misiônera izy raha toa mahafantatra momba an'Andriamanitra. Eny. Moa ve te hivavaka amin'Andriamanitra izy? Eny. Moa ve te hiresaka amin'ny misiônera izy? Eny. Rahoviana? Izao. Nilaza ireo misiônera fa hiverina izy ireo afaka 20 minitra. Rehefa niverina izy ireo dia nitondra mpikambana iray izay nipetraka teo akaiky teo.

Nampianatra im-betsaka an'i Roger tao an-tranony ireo misiônera tao anatin'ny iray volana. Noho ny zavatra henon'izy ireo momba ny Fiagonana dia tsy naniry ny hianatra miaraka amin'ny misiônera ny fianakaviany sisa. Rehefaavy nianatra momba ny filazantsara nandritra ny iray volana i Roger dia nandeha tany am-piangonana niaraka tamin'ireo misiônera. Nanaitra azy ilay fandraisana feno hatsaram-panahy natao taminy. "Noraisin'ireo mpikambana toy ny olona fantany efa ela be aho," hoy izy.

Nody tany an-trano i Roger rehefaavy niangona ary nilaza tamin'ny fianakaviany fa hatao batisa izy afaka iray volana ary afaka misafidy izy ireo hiditra ho mpikamban'ny Fiagonana na tsia. Ngatahan'izy ireo izy mba hiandry kely amin'izay izy ireo afaka miaraka aminy. Nanomboka nanatrika ireo favoriana izy ireo ary gaga tsara koa.

Niraikitra tao an-tsain-dRandrianandry, zanaka lahi-matoan'i Roger, ilay fotoana voalohany nanatrehany ny favoriam-piangonana. "Tamin'ilay fotoana vao voalohany nandehanako tany am-piangonana dia tena variana aho satria manetry tena be ny olona tao," hoy izy. "Voalohany aloha, nanao fitafiana fitondra miangona tsara izy ireo. Tao-rian'izay dia tsapako fa misy tanjona no nahatongavan'izy

ireo tao fa tsy hisehoseho amin'olona fotsiny."

Natao batisa tamin'ny 20 Febroary 2003 ny fianakaviana Randrianarison. Valo taona i Nirina tamin'izany, 17 taona i Sedinirina ary 19 taona kosa i Randrianandry. Nitsahatra tsy niasa Alahady intsony ny fianakaviana ary nanao ho lohalaharana ny fainana ny filazantsara.

Fiovana

"Rehefa vita batisa aho dia nahita fiovana maro teo amin'ny tokantranoko," hoy i Areline, vadin'i Roger. "Lasa tokantrano masina izany ary maro dia maro ireo fitahiana na ara-nofo na ara-panahy izay tonga noho ny fainana ny filazantsara."

Raha eo amin'ny lafin'ny tanjona ara-nofo indray dia nangataka ny Ray any an-danitra i Roger mba hanampy azy hanangana indray ilay orinasany. Rehefa nitondra fiarakaretsaka nandritra ny roa taona izy ary nanao izay vitany mba hamelomana ny fianakaviany dia nanomboka nahazo fifanarahana avy tamin'ny olona hanangana trano. "Izaho dia mino fa mitahy ahy foana Andriamanitra rehefa manapakevitra ny hanaraka Azy aho," hoy izy.

Saingy nilaza ireo zanany lahy fa ny fiovana lehibe indrindra hitan'izy ireo dia teo amin'ny toetran-drainy. Nofaritan'izy ireo ho toy ny ohatry ny fanetren-tena sy ny hatsaram-panahy izy ankehitriny. Nilaza i Roger fa nan-dresy lahatra azy ny filazantsara fa tokony hiova izy. Hatramin'ny fotoana nanombohany nandalina izany dia niezaka i Roger hameno ny fainany tamin'ny zavatra tsara.

"Noho ny fampianaran'ny filazantsara dia tsy mba lasa



NY KITAPOM-BOLA FAOBE HANAM- PIANA NY OLONA HANDEHA ANY AMIN'NY TEMPOLY

"Mbola misy ireo faritra eto amin'izao tontolo izao izay ahitana fa lavitra ireo mpikambana ny tempoly ka tsy afaka manao ny dia takiana hahatongavana any izy ireo. Tsy afaka mahazo an'ireo fitahiana masina sy mandrakizay izay omen'ny tempoly izy ireo noho izany. Mba hitondrana fanampiana mikasika izany dia manana ny antsoina hoe Kitapom-bola Faobe Hanampiana ny Olona Handeha any amin'ny Tempoly isika. Izany kitapom-bola izany dia manolotra fahafahana mitsidika indray mandeha ny tempoly ho an'ireo izay, raha tsy misy izany, dia tsy afaka ny handeha ho any amin'ny tempoly nefo maniry mafy ny handeha. Izay rehetra maniry ny hitondra ny anjara birikiny ao anatin'izany kitapom-bola izany dia afaka manoratra fotsiny ny fampahalalana momba izany ao anatin' ilay taratasy kely mahazatra fanoratana ny anjara biriky izay omena ny eveka.

Filoha Thomas S. Monson,
"Mandrapihaonantsika Indray,"
Liahona, Nôv. 2011, 5.

mora tezitra izany intsony aho," hoy izy. "Indraindray misy ireo fihantsiana saingy efa ao am-poko sy ao an-tsaiko ary ao anaty fanahiko ny filazantsara. Manampy ahy ho tony izany."

Rehefa misy zavatra mahatezitra mitranga dia i Roger no mampitony ireo olona ao amin'ny fianakaviana ary mampahatsiahy azy ireo mba haneho fihetsika tahaka ny nasehon'ny Mpamony.

"Lasa manetry tena ny raiko ary mikarakara amim-pitiavana ny fianakavianay," hoy i Sedinirina. "Rehefa hitako ny fiovany dia tena feno fankasitrhana ny Ray any an-danitra aho noho ny filazantsara sy noho ny maha mpikambana ahy ao amin'ny Fiagonana."

Fianakaviana Mandrakizay

Tamin'ny 2006, rehefa nahazo fanampiana avy amin'ny Kitapom-bola Faobe Hanampiana ny Olona Handeha any amin'ny Tempoly, dia nandeha tany Johannesburg, Afrika Atsimo i Roger sy Arelina mba hofehezina.

Tamin'ny 2009 ka hatramin'ny 2011 dia nandeha nanao asa fitoriana tany Afrika Atsimo i Sedinirina sy Randrianandry—I Sedinirina tany Le Cap ary i Randrianandry tany Johannesburg. Anisan'ny antony nampazoto azy ireo ny hanampy fianakaviana hafa hiova toy ny niovan'ny fianakaviany.

"Afaka mitranga ny fahagagana toy izany ary nitranga izany satria nisy misiônera tonga tao an-tranonay," hoy Randrianandry. "Noho izany dia nanana faniriana hanao zavatra mitovy amin'izany koa aho ho an'ny fianakaviana iray any amin'ny toerana hafa."


Nitondra fitahiana iray hafa ho an'ny fianakaviana Randrianarison izany fanapahankevitra izany. Nisy sivy andro teo hijanonan'i Sedinirina sy Randrianandry ao amin'ny Foibe Fanofanana Misiônera ao Johannesburg. Nanao fandaminana i Roger mba hisidinan'izy sy Arelina ary i Nirina zanany vavy ho any Afrika Atsimo mba hahafahan'ny fianakaviana iray manontolo hofehezina any amin'ny tempoly. I Nirina izay 14 taona tamini'izany fotoana izany dia nilaza fa sarotra ny mitantara ny zavatra niainany sy ny zavatra tsapany.

"Nanamafy orina ny finoako izany ary nanampy ahy hahatsapa ho akaiky kokoa an'Andriamanitra," hoy izy.

Ankehitriny dia miasa mba hampivoatra sy hampatanjaka ireo manodidina azy ireo olona ao amin'ny fianakaviana. Evekan'ny paroasiny i Roger. Tompon'andraikitra ao amin'ny Kilonga momba ny la Foi en Dieu i Arelina. Mpitamboky mpanampy eo anivon'ny tsatôka i Sedinirina. Mpitamboky mpanampy eo anivon'ny paroasy i Randrianandry. Mpitarika hira ao amin'ny paroasy i Nirina.

Ny filazantsara no valim-bavaka azo tao amin'ny tokandranon-dry Randrianarison. Nanasitrana ireo ratram-po fahiny izany ary nampifanakaiky azy ireo bebe kokoa sy nanome fahafahana azy ireo hiaraka mandrakizay. Nampianatra an'i Roger hitia izany. "Ny fainam-pianakaviana," hoy izy, "dia fainana feno fitiavana." ■

Nanamafy orina ny fianakaviana Randrianarison ny fandehanana tany Afrika Atsimo mba hofehezina tany amin'ny Tempolin'i Johannesburg.



MOA VE HIVERINA I MATT?

Nanana andian-jatovolahy matan-jaka izahay tao amin'ny paroasiny, saingy i Matthew zanakay lahy dia ninamana tamin'olona iray tsy mpikambana izay tia fiara sy izay mety zavatra ara-mekanika rehetra toa an'i Matthew. Indrisy anefa fa avy amin'ny fianakaviana iray izay tsy manome lanja ny fivawahana io tovolahy io. Nahazo lalana tamin'ny ray amandreniny hisotro sy hifoka sigara tao an-tranony izy ary tsy nino fa zavadehibe izany madio ara-pitondrantena izany.

Nahazo ny laharana ambony indrindra tao amin'ny Skoto i Matthew saingy tsy nandray anjara tamin'ny fanomezana mari-pankasitrahana satria nitsahatra tsy niaina ireo fitsipika nifehy ny Skoto izy. Nangoniko daholo ireo mari-pankasitrahana rehetra azony tao amin'ny Skoto ary nanamboatra fitoeran-javatra iray hampirantiana azy rehetra aho. Dia nampirimiko izany niaraka tamin'ny fanantenako fa indray andro any dia hanan-danja aminy izany. Rehefa feno 16 taona i Matthew dia nifoka sigara sy nisotro ary nandray zavahadomelina. Najanony ny fianaran-

ary niaraka nonina tamin'ny tovovavy sakaizany izy. Zara raha nahita azy izahay tao anatin'ny taona maromaro.

Tena kivy izahay. Tsy fantatray raha toa izy ka hiverina amin'ny fianakaviany sy ny finoany, saingy nanapa-kevitra izahay fa hanaraka ny ohatra nasehon'i Almà tamin'ny fiatrehany an'ilay zanany izay nivily lalana. Nahohy nitia ny zanany lahy i Almà ary nivavaka tamim-pinoana mba "hahozaona mitondra [azy] mankamin'ny fahalalana marina" (Môsià 27:14).

Nivavaka tsy tapaka izahay mba hitondran'ny Tompo ny anjara birkiny eo amin'ny fainan'i Matthew ary nararaotinay daholo ny fotoana rehetra mba hanehoana amin'ny alalan'ny teny sy fihetsika fa tena tianay izy. Rehefa tonga ao an-trano izy dia tsy miteny zavatra izay mety heveriny ho toy ny fitsikerana na fitsarana izahay. Maneho fotsiny ny hafalianay mahita azy izahay.

Indray andro dia tonga tao an-trano i Matthew ary nilaza fa te hiresaka. Nilaza izy fa nihaona tamin'ny tovovavy iray tao anatin'ny fety iray izay nanana fanontaniana momba ny Fiagonana. Raha mbola vao saika hiteny taminy

fotsiny i Matthew fa tsy mahafantatra intsony ny valin'izany dia nanomboka nivoaka ho azy avy tao am-bavany ny teny. Hitany fa nahavalny haignana ny fanontaniana izay napetrandravehivavy izy. Nilaza i Matthew fa tsy tsaroany hoe nianatra ny zavatra nolazainy izy saingy fantany fa marina ny teniny. Nanontany tena izy hoe nahoana izy no miaina toy izao nefabola nino ny filazantsara.

Afaka telo andro nandininan-tena dia nanapa-kevitra izy ny handao ilay fiainana niainany. Nody tany antranoo izy mba hangataka fanampiana amin'ny fanombohana hiaina indray mifanaraka amin'ny filazantsara.

Nantsoin'i Matthew ny tovolahy havany anankiray izay mipetraka any amin'ny faritany hafa ary naharesy olana mitovy amin'ny azy, ary nanontany i Matthew raha toa afaka mipetraka miaraka aminy izy. Nanaiky izy ary nanomboka niaraka nanatrika ireo favoriam-piagonana taminy i Matthew ary nihaona tamin'ny eveka mba hahazo fanampiana mikasika ny dingan'ny fibebahana. Nahatsapa fitiavana sy fanohanana izy ary lasa navitrika tao am-piagonana.

Tamin'ny farany dia nihaona tamin'ny tovovavy iray mahafinaritra sy marin-toetra izy. Nifankatia izy ireo ary nivady tany amin'ny tempoly.

Rehefa teraka ny zanak'izy ireo voalohany dia namangy azy ireo aho ary nitondra ilay fitoeran-javatra izay namboariko nampirantiana ireo mari-pankasitrahana tao amin'ny Skoto. Tena faly izy ary nanantona izany tamim-pireharehana teo amin'ny toerana iray miavaka tao an-tokantranony.

Tsy nisy anjely, toy ny nitranga tamin'i Almà Zanany, niseho tamin'ny zanakay lahy. Saingy ny fiverenan'i Matthew tamin'ny fahamarinana dia tena fahagagana mitovy amin'izany. ■
Tsy nambara ny anarana



Nangoniko daho ireo mari-pankasitrahana rehetra azon'i Matthew tao amin'ny Skoto ary nanamboatra fitoeran-javatra iray hampirantiana azy rehetra aho. Dia nampirimiko izany niaraka tamin'ny fanantenako fa indray andro any dia hanan-danja aminy izany.

TAO AN-TRANO AHO

Tao anatin'ny tetikasa fanaovana asa fanompoana iray, dia nandeha tany Rwanda aho niaraka tamin'ny mpitsabo vitsivitsy hafa mba hanampy ireo olona nila fitsaboa. Nanomboka ho manina mafy ny tokantranoko sy ny fianakaviako aho roa herinandro taorian'izay, rehefa nihananakaiky ny fotoana hodiako. Nalahelo ny fianakaviako aho, sy ny fandriako mampahazo aina, ary ny tokantranoko.

Afaka nandamina ny fandaharam-potoako aho ny alahadiko farany tany Afrika ka nahafahako nandeha tany am-piagonana. Na dia tsy mbola nahazo fankatoavana tamin'ny fomba ôfisialy aza ny Fiagonana tany Rwanda tamin'izany fotoana izany, dia afaka nahita fotoam-pivoriana sy fanoroan-dalana tao amin'ny tranon-kalan'ny Fiagonana aho.

Ary fanoroan-dalana tsy mahazatra izy ireo manao hoe: "Mandehana amin'ilay lalana vita amin'ny vongambato efamira eo ampitan'ny tranon'ny Ministera. Mitadiava vavahady iray misokatra. Ary avy eo dia midina amin'ilay tohatra."

Rehefa nanaraka ireo fanoroan-dalana ireo aho dia nanomboka nahare ny feo miavaky ny fihirana tsy zoviana iray. Nidina ny tohatra aho, ary reko ny tonon'ny "Fototra Mafy Orina" (*Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, pejy faha 12). Nifarana teo amin'ny trano kely iray ilay tohatra, izay nahitana olona am-polony njoro teo amin'ny fidirana. Na dia vahiny tamin'ireo mpiara-miangona aza

aho dia nahatsapa avy hatrany ho toy ny mpiara-miangona tamin'izy ireo. Rahalahy sy rahavavy Rwandais am-polony no nanatona nandray ny tanako, ary teo am-panaovan'izy ireo izany, dia niala teo amiko ilay fahatsapako ny enta-mavesatry ny faniry—Tao an-trano aho!

Rehefa niditra ilay trano aho, dia nanatrika favoriana adiny telo mitovy amin'ilay any amin'ny paroasiko any Californie. Nizara ny fanasan'ny Tompo ireo mpihazona ny Fisoronana Aharôna, nifantoka tamin'ny

N a dia vahiny tamin'ireo mpiara-miangona aza aho dia nahatsapa avy hatrany ho toy ny mpiara-miangona tamin'izy ireo. Rahalahy sy rahavavy Rwandais am-polony no nanatona nandray ny tanako.



Mpamonjy ireo lahateny, ary na ny lesona nandritra ny Sekoly Alahady aza dia nitovy tamin'izay nampianarina tao amin'ny paroasiko tamin'io herinandro io.

Ary ny zava-dehibe indrindra dia nahatsapa mafy tokoa ny Fanahin'ny Tompo aho nandritra ireo favoriana. Hita mazava fa faly ny Tompo tamin'ireo olona tsara ireo, izay niezaka nanao izay rehetra vitany mba hanompoana Azy. Nahafantatra aho fa nandritra ny taona talohan'io, dia Rwandais vitsivitsy fotsiny no nanatrika favoriana teto. Kanefa dia mihatra ny 100 no nanisako ny olona nanatrika teo, ary ankizy madinika ny antsasak'izy ireo.

Amin'iazo fotoana hisokafan'i Rwanda amin'ny asa fitoriana izao, dia azoko vinanihana fa hahita fahombiazana lehibe ny misiônera rehefa mijoro ho vavolobelona amin'ireo naman'ny fiagonana Rwandais mihamaro isa ny Fanahy fa ny Fiagonana naverina tamin'ny laoniny no fanjakann'Andriamanitra ho an'ny tany manontolo—ho an'ny kaontinanta rehetra, ho an'ny olona rehetra, ary ho an'ny zanak'Andriamanitra rehetra. Feno fankasitrhana tokoa aho ny amin'ny Fiagonana, na any amin'ny faritra afovoan'ny morontsirak'i Californie no misy azy na any amin'ny lalana vita amin'ny vongam-bato efamira any Afrika afovoany. ■

Steven Sainsbury, Californie, États-Unis

INONA NO NAHATONGA ANAO HO ETO REXBURG?

Rehefaavy niaina am-polo taonany maro tany amin'ny toerana iray izay ahitana mpikamban'ny Fiangonana vitsy an'isa izahay mivady, dia nifindra tao amin'ny faritra iray manodidina an'i Rexburg, Idaho, États-Unis, faritra izay tsy nisy afa-tsý fianakaviana roa no tsy mpikambana. Tombontsoa lehibe ho anay ny nonina teo akai-kin'ny iray tamin'izy ireo.

Nanapaka ny bozaka maitsony ilay raim-pianakaviana tamin'ny fotoana voalohany nandalovanay tamin'ny fiarakodia teo amin'ny lalana man-kany aminay. Nanavatsava ny bozaka maitsonay izaho sy ny vadiko mba hifankafantatra taminy. Rehefa nanolotra ny tanako hiarahaba azy aho dia nanontany hoe "Inona no nahatonga ny fianakaviana ho eto Rexburg?"

Izao no navaliny hoe: "Ny asako—ary tanàna izay mila ampahafantarina an'i Kristy mihitsy no notadiavinay."

Tsapako ho toy ny notondrahana rano mangatsiaka eran'ny siny ny tare-hiko, kanefa dia nitsiky aho. Nanapakevitra aho tamin'izay fotoana izay fa na inona na inona nolazain'ilay

mpifanoloborindrina vaovao taminay na nataony, dia izahay no ho lasa mpifanolobodirindrina *tsara indrindra* nananan'ilay fianakaviana hatramin'izay. Hiezaka izahay haneho hatsarampanahy, sy fitiavana ary amin'ny fomba mety eo amin'ny fifaneraserana rehetra ataonay aminy, tahaka izay ho nataon'ny Mpamonjy.

Nitondra zavatra maro be niarahana nanao teo amin'ny fianakavianay roa tonta ireo valo taona taorian'izay. Nasa ary tonga nanatrika ireo fiarahamientan'ny Fikambanana Ifanampiana ilay renim-pianakaviana. Nanasa ahy sy ny maro tamin'ireo mpiara-monina Olomasin'ny Andro Farany izy hamonjy fiaraha-mientana lavitry ny fonenana fanaon'ny vehivavy Kristianina, izay nokarakarain'ny fiangonany. Voasa hanatrika ny fampisehoana dihy sy fitendrena pianô nataon'ny zanany izaho sy ny vadiko. Voasa tamin'ireo fandrahoan-tsakafo sy fety nataon'ny mpiara-monina ny fianakavian'izy ireo. Ary nahazo antso avy amin'ireo zanak'izy ireo efa lehibe izahay rehefa nila fitaterana nandehanana nody avy

any am-piasana izy ireo, ka tsy tratra antso ireo ray aman-dreniny.

Niahiahy ireo ray aman-dreniny fa sao dia nanomboka nitia be loatra ny Olomasin'ny Andro Farany ireo zanany, ka noho izany dia tsy navelan'izy ireo hiditra tao amin'ny fandaharan'asan'ny Skoto tao amin'ny paroasinay ireo zanany lahy. Kanefa dia noraisin'izy ireo ho toerana azo antoka ny tokantranonay, izay name-lan'izy ireo ny zanany hilalao rehefa tonga nitsidika anay ireo zafikelinay.

Isak'izay niezaka nanampy anay ha-hatsikaritra ny "maha diso lalana anay" ireo mpifanolobodirindrina taminay, dia nampahatsiahy azy ireo hatrany izahay fa najainay tanteraka ny zavatra ninoan'izy ireo sy ny fomba niainany ary nitaizany ireo zanany. Ary avy eo dia nampianay fa miändry fanajana mitovy amin'izany izahay momba ny zavatra inoanay, izay mifantoka ihany koa amin'ny fampianaran'ny Mpamonjy.

Rehefa niezaka nampisongadina ny fasasamihafana nisy tamin'ny zavatra ninoanay ilay renim-pianakaviana mba hanalavirany anay tamin'ny alalan'ny filazana fa "Jesoa hafa" no inoan'ny Olomasin'ny Andro Farany, dia nampahatsiahiviko azy fa samy mino izahay fa Andriamanitra Izy ary Zanakalahin'Andriamanitra malalany. Nanana fifandraisana sy finamanana feno fitiavana izaho sy izy tamin'ny farany.

Nifindra trano tsy lasa mpikamban'ny Fiangonana ny fianakavian'izy ireo. Kanefa raha afaka miteny izy ireo hoe "Niara-nonina tamin'ireo Môrmôna izahay, olona tsara sy manaja amin-kitsimpo izy ireo," dia mahatsapa aho fa nahomby izahay tamin'ny naha mpifanolobodirindrina tsara anay sy tamin'ny fanampiana azy ireo mba hivelatra kokoa sy handala ny rariny amin'ny zavatra lazainy mikasika ny Olomasin'ny Andro Farany. ■

Sandra Rush, Idaho, États-Unis



Nanapa-kevitra aho tamin'izay fotoana izay fa na inona na inona nolazain'ilay mpifanolobodirindrina vaovao taminay na nataony, dia izahay no ho lasa mpifanolobodirindrina *tsara indrindra* nananan'ilay fianakaviana hatramin'izay.

BOATY FENO SARY

Taona maro lasa izay dia nanary fako tao amin'ny toeram-panaram-pako teo an-toerana izaho sy ny vadiko raha nahatsikaritra ny iray tamin'ireo vehivavy niasa tao amin'io toerana io aho nitsimpona boaty iray halatsaka ao amin'ilay milina fandroana. Tampoka teo dia nisokatra ilay boaty, ary nisy sary maromaro nilatsaka avy tao.

Teo am-pijerena izany, dia nanana fahatsapana mahery vaika aho ny handeha haka izany boaty feno sary izany. Nitsambikina nivoaka ny fiara aho mba hanampy handroaka ireo sary. Samy nahatsapa izaho sy ilay ramatoa fa nariana tsy nahy ireo sary ireo, ary nandresy lahatra azy aho ny hamela ahy haka ireo sary mba hiezaka hitady olona izay mety haniry ny banana azy ireo.

Rehefa nikaroka tao amin'ireo sary an-jatony tao amin'ilay boaty aho, dia nahita valopy iray misy adiresin'olona iray any Warburg, Alberta, Canada. Tao anatin'ireo taona maro taorian'i-zay dia nanoratra taratasy vitsivitsy tamin'ireo olona nanana anaram-pianakaviana mitovy amin'izany aho, kanefa tsy nahazo valiny mihitsy.

Rehefa nanana fahafahana nam-piisa internet ny fianakaviako dia nahita aho fa nisy fikambanana misahana ny tantaran'ny fiaraha-monina tao Warburg. Nanontany aho raha toa ka nisy tamin'ireo olona niasa tao no nahafantatra ireo anarana hitako tao ambadik'ireo sary.

Nahazo antso avy amin'ny lehilahy iray nantsoin'ny fikambanana misahana ny tantaran'ny fiaraha-monina izahay iray volana taty aoriania. Nilaza izy fa nipetraka tao akaikinay ny anabaviny ary nangataka izy raha toa ka azonay ampijerena ilay anabaviny ireo sary. Mazava ho azy fa nanaiky izahay.

Ny ampitson'io dia tonga nijery ireo sary i Floyd sy Beth Hawthorn, izay samy Olomasin'ny Andro Farany.

Rehefa nanokatra ilay boaty aho dia hoy Rahalahy Hawthorn hoe "Io tokoa izy," nanondro ilay sary teo ambony indrindra. Sarin'ny raiben'ny Rahavavy Hawthorn ilay izy.

Teo am-pandraisan'izy ireo ny sary tsirairay, dia nilaza tantara mikasika ireo olona tao amin'ireo sary tsirairay Rahalahy sy Rahavavy Hawthorn. Nampiahiahay an-dry Hawthorn ny fananan'izy ireo rohim-pihavanana tamin'ilay olona izay nanary ireo sary, ary tsy azon'izy ireo an-tsaina mihitsy

ny antony nahatonga ireo sary ho eny amin'ny fanariam-pako.

Nahatsapa mafy tokoa aho fa nanampy ahy hamerina ireo sary tamin'ny fianakaviana Hawthorn ny Ray any an-danitra. Mijoro ho vavolombelona aho fa ny asa momba ny tantaram-pianakaviana dia iray amin'ireo asa manan-danja indrindra tokony hatao. Hanampy antsika hanao ilay asa ny Tompo raha vonona ny hanao izany isika. ■

Cindy Heggie, Alberta, Canada

Tampoka teo dia nisokatra ilay boaty, ary nisy sary maromaro nilatsaka avy tao. Teo am-pijerena izany, dia nanana fahatsapana mahery vaika aho ny handeha haka izany boaty feno sary izany.



Amin'ny Fomba Ahoana no Hahafahako ho Tonga Misiônera **MAHOMBY?**

Na toy ny ahoana na toy ny ahoana no fomba fiasanay sy ny namako dia nandà ny hafatra nentinay avokoa ny olona rehetra. Inona no azontsika atao mba ho lasa misiônera mahomby?

Nosoratan'i Lauren Bangerter Wilde

Tany amin'ny misiona nandritra ny iray taona mahery kely teo aho rehefa niaina fotoana tena sarotra tokoa. Tao anatin'ny fizaran-taona nanjombonjombona mihitsy izahay—vao niala tao anatin'ny ririnina mamanala ary nuditra tao anatin'ny lohataona. Ary na toy ny ahoana na toy ny ahoana no fomba fiasanay sy ny namako dia nandà avy hatrany ny hafatra nentinay avokoa ny olona rehetra niresahanay. Rehefa nihaona tamin'ny misiônera hafa izahay dia nandre fa nandroso tsara ny asan'izy ireo. Tsy azoko an-tsaina mihitsy izay antony nahatonga anay ho tsy nahita fahombiazana toy izany. Efa nahatritra ny fotoana naha tany amin'ny sahan'ny misiona ahy ka efa haiko tsara ny fitenin'ny olona, mpinamana tsara izaho sy ny mpiara-mitory amiko, nahatoky anay ny mpikambana, ary niezaka nanaraka ny Fanahy sy nankatô tamin'ny antsakany sy andavany ireo lalànan'ny misiona izahay.

Kanefa, na inona na inona nataonay, dia nianjadian'ny fandavana izahay tamin'ny ezaka rehetra nataonay. Rehefa nandeha ny herinandro maro dia maro dia navelako handresy ilay ampahany tsara kokoa tato anatiko

izany toe-panahy feno fahakiviana izany. Niteny aho ny farany nandritra ny fotoana iray nanaovanay drafitra hiomanana hoe "Fa inona no antony hanaovana izao? Tsy hisy hihaino antsika akory eo." Hoy fotsiny ilay namako izay nanana fomba fijery tsara kokoa noho ny ahy hoe "Mametraka tanjona hanehoana ny finoantsika isika. Manara-maso ny fandrosoan'ny tanjontsika isika mba hanisantsika ireo fitahiana azontsika."

Rehefa nisaintsaina ny hevitra avy aminy aho dia nahita fa fomba diso no nampiasaiko nandrefesana ny fahombiazako tamin'ny naha misiônera ahy. Ny *Torio ny Filazantsaroko: Torolalana Ho an'ny Asa Fanom-poan'ny Misiônera* dia manome ny lisitr'ireo fitondrantenan'ny misiônera mahomby,¹ ary hitako fa azon'ny misiônera tanterahina avokoa ireo fitondrantena ireo. Tsy azoko fehezina ny hoe hanaiky ve sa tsy hanaiky ny hafatra ny filazantsara ireo olona ao amin'ny misionako, saingy azoko fehezina ny hoe te ho karazana misiônera inona aho. Naneho tamiko ilay mpiara-manompo tamiko fa ny finoana lehibe kokoa an'i Jesoa Kristy sy ny fankasitrahana ireo fitahiany no hanome ahy fahafahana hamantatra

ireo fomba efa naha-misiônera mahomby ny tenako.

Manampy Antsika Hahita Fahagagana ny Finoana

Nampanetry tena ahy ny naha-fantatra fa tsy ampy finoana aho. Nitady sehatra azoko ampitomboana ny finoako aho ary nahita fa namela ny tenako ho kivy rehefa tsy nizotra araka ny drafitra nomaniko ny zavatra nataoko. Hoy ny *Torio ny Filazantsaroko* hoe: "Ny fahakiviana dia hampihena ny finoanaao. Raha ataonao ambanimbany kokoa ny fanantenanao, dia hihena ny fahavitanao ny asa, ary hihakely ny faniranao ary dia ho sarotra kokoa aminao ny fanarahana ny Fanahy."² Tsapako fa navelako hampihena ny finoako ny tsy fahombiazanay.

Nanomboka nivavaka aho mba hiova fo sy hanana finoana bebe ko-ko. Niantehitra ihany koa tamin'ilay fampanantenana nomena ao amin'ny Môrmôna 9:21 aho manao hoe: "Na zovy na zovy no mino an' i Kristy, tsy miroanahana akory, na inona na inona hangatahiny ny Ray amin' ny anaran'i Kristy, dia hotovina aminy izany; ary izany fampanantenana izany dia ho an' ny rehetra, ho an' ny faran' ny



FAHATONGAVANA HO MISIÔNERA MAHOMBY

Azonao fantarina fa misiônera nahomby ianao rehefa:

- Mahatsapa ny Fanahy mijoro ho vavolombelona amin'ny olona amin'ny alalanao.
- Tia ny olona ary maniry ny famonjena azy ireo.
- Mankatô antsakany sy andavany.
- Mampivoatra ireo toetra tahaka ny an'i Kristy.
- Mampitandrina ny olona amin'ny vokatry ny fahotana. Manasa azy ireo hanao fanoloran-tena sy hitandrina izany.
- Mandehandeha manao soa ary manompo ny olona amin'ny fotoana rehetra na manaiky ny hafatratra izy na tsia.

Nalaina tao amin'ny *Torio ny Filazantsarako: Torolana ho an'ny Asa Fanompoan'ny Misiônera* (2004), 12.



**KATSAGO
NY FANKA-
SITRAHANA
AVY AMIN'NY
TOMPO**

"Amin'ny foko manontolo no hanasako anareo mba hikatsaka ny fankasitrahana avy amin'ny Tompo ary hankafy ny fahasoavana nampanantenainy. . . [Afaka] mahafantatra isika fa ankasi-trahany na inona na inona andraikitra sahanintsika, na toeram-boninahitra ananantsika, na tsy fahalavorariana ananantsika eo amin'ny fiaianana antany. Handrisika antsika, sy hamptombo ny finoantsika, ary hanampy antsika amin'ny zavatra rehetra atrehantsika eo amin'ny fiaianana ny fankasitrahany feno fitiavana. Hahomby isika, sy hiroborobo [jereo ny Môsià 2:22], ary hahatsapa ho milamin-tsaina na eo aza ny olana ananantsika [jereo ny Môsià 2:41]."

Loholona Erich W. Kopischke ao amin'ny Fitopololahy, "Ankamamian'ny Tompo," *Liahona*, Mey 2013, 106.

tany." Nitarika ahy hivavaka tamin-kafanampo bebe kokoa hangataka ireo fitahiana sy fahagagana tsapako sy tsapan'ny namako fa nilainay io fampanantenana io, ary nampiako mandrakariva hoe "Atao anie ny sitraponao." Nanampy ahy ireo vavaka ireo hanaiky tamim-pinoana lehibe kokoa ireo drafitra izay niova sy ireo tsy fahombiazana, ary fantattro fa mamaly ny vavaka atao amim-pinoana foana ny Ray any an-danitra—na dia tonga amin'ny fomba tsy nandrasanay aza ireo valim-bavaka. Nanjary nahay namantatra kokoa ireo fomba nitarihan'ny Tompo anay aho nandritra ny tontolo andronay.

Rehefa nanao ezaka tamin'ny fampahatanjahana ny finoako aho dia hitako fa marina ilay fehezanteny notsongaina tao amin'ny *Torio ny Filazantsarako* manao hoe: Raha ataonao lehibe ny fanantenanao, dia hitombo ny fahavitanao ny asa, ary hitombo ny fanirianao ary dia ho afaka ny hanaraka ny Fanahy bebe kokoa ianao. Ankoatra izany, dia nanana fanantenana kokoa mikasika ny asa fitoriana sy ny asa fanompoan'ny misiônera aho rehefa afaka nahafantatra sy nan-kamamy ireo fahagagana izay niseho isan'andro.

Manakana ny Fialonana ny Fankasitrahana

Nanomboka naneho tamiko ny Tompo fa nanao fahagagana ho anay isan'andro Izy—kanefa tsy afaka nahatsikaritra azy ireny aho raha tsy nanao izay rehetra azoko natao mba hanana fankasitrahana marina. Mihoatra noho ny fahazarana tsara na ny fahalam-pomba fotsiny ny fankasitrahana. Nitombo hery aho rehefa naneho fankasitrahana ny Tompo sy ny hafa. Tsikaritro fa nanjary faly tamin'ireo misiônera hafa aho fa tsy nialona rehefa nahita fahombiazana izy ireo (jereo ny Almà 29:14, 16). Afaka nifantoka ko-ko a tamin'izay nananako sy izay nety aho fa tsy tamin'izay tsy nananako na izay tsy nety.

Nianatra aho fa ny fankasitrahana no fanefitry ny fampitahana ny tenantsika amin'ny hafa. Nisy ireo fotoana

nahatsapako ho toy ny misiônera tsy mahomby ireo satria hoy aho tamin'ny tenako hoe "Tsy miasa tsara tahaka azy ireo aho," na hoe "Mahay kokoa noho izaho izy ireo amin'ity zavatra ity." Nianatra koa aho fa raha toa ka fomban'ny Tompo ny manome antsika ohatra tsara mba harahina dia fomban'i Satana kosa ny maka fanahy antsika hampitaha ny tenantsika amin'ireo misiônera hafa ireo mba hamantarantsika ny lanjantsika sy ny fahombiazantsika. Saingy mazava ny voalazan'ny *Torio ny Filazantsarako* mikasika izany: "Aza mampitaha ny tenanao amin'ny misiônera hafa ary aza mampitaha ny vokatry ny ezakao amin'ny azy ireo eo amin'ny isa tra-tra."³ Raha ny marina dia nanampy ahy hisoroka ny fireharehana ny fankasitrahana, ary nampahatsiahy ahy fa mandray an-tanana ny asany ny Tompo. Tsy nilaiko ny nialona noho ny fahitako fa toy ny nahita fahombiazana kokoa ireo misiônera namako.⁴

Ny Fandrefesana Marina ny Fahombiazana

Talohan'ny nanako izany fiovana eo amin'ny fomba fijery izany, dia nifantoka be loatra tamin'ny karazam-pitahiana iray miavaka aho, izay nahatonga ahy hanadino ny hamela ny masoko hisokatra tamin'ireo fomba hafa namalian'ny Tompo ny vavakay sy ny nitahiany ny asa fitoriana nataonay. Tamin'ny farany, dia nanomboka nitahy ny asa fitoriana teo amin'ny faritra niasanay tamin'ny fomba kanto sy tsy nampoizina ny Tompo. Nahita olona vonona ny hanaiky ny hafatray izahay, kanefa nianatra aho tamin'i-zany fotoana izany ny tsy handrefy ny fahombiazako tamin'ny alalan'ny safidin'ny hafa.

Nizara ny torohevity ny filohan'ny misiona iray ny Filoha Gordon B. Hinckley (1910–2008) mikasika ny asa fitoriana manao hoe: "Ataovy izay tsara vitanao, izay tena tsara indrindra vitanao. Mivavaha sy miasa mafy ary avelao ho an'ny Tompo ny fijinjana ny vokatra."⁵ Ny *Torio ny Filazantsarako* dia mampianatra zavatra iray mitovy amin'izany mikasika ny misiônera



Amin'ny lafiny maro dia azo notsaraina tamin'ny alalan'ny fahavononako hibebaka sy ny fahavononako hanohy hiasa ny fatran'ny fahombiazako tamin'ny nahamisiônera ahy.

mahomby manao hoe: "Manaova izay tsara indrindra vitanao amin'ny fitondrana fanahy eo amin'i Kristy ary miezaha am-pahamatorana ny hianatra sy hanatsara."⁶

Rehefa mbola nanana fahavonanana hibebaka aho, rehefa mbola naneho tamin'ny Tompo aho fa nanao ny tsara indrindra vitako, dia afaka nahatsapa fahatokian-tena fa misiônera nahomby—na nanaiky ny hafatra nentinay ny olona na tsia. Amin'ny lafiny maro dia azo notsaraina tamin'ny alalan'ny fahavononako hibebaka sy ny fahavononako hanohy hiasa ny fatran'ny fahombiazako tamin'ny nahamisiônera ahy.

Misy fahagagana maro voarakitra ao amin'ny diariko nanomboka tamin'io fotoana io tany amin'ny asa fitoriana nataoko. Rehefa niezaka ny nahatoky sy nankasitraka kokoa aho, dia nanana fomba fijery tsaratsara kokoa, tsy tafalatsaka tao anatin'ny hakiviana, ary nahatsapa ny Fanahy

bebe kokoa tao anatin'ny asa fitoriana. Hitako fa marina ny zavatra ampianarin'ny *Torio ny Filazantsaroko* manao hoe: "Rehefa nahavita ny tsara indrindra vitanao ianao dia mety mbola hiaina fahadisoam-panantenana, nefy tsy ho diso fanantenana aminao ianao. Afaka mahatoky ianao fa faly ny Tompo rehefa mahatsapa ny Fanahy Masina miasa amin'ny alalanao ianao."⁷ Ary rehefa nahatsapa aho fa faly tamiko ny Tompo dia afaka niariatra ny fizahan-toetra rehetra. ■

Mipetraka any Maine, États-Unis ny mpanoratra.

FANAMARIHANA

1. Jereo ny *Torio ny Filazantsaroko: Torolalana ho an'ny Asa Fanompoan'ny Misiônera* (2004), 12.
2. *Torio ny Filazantsaroko*, 12.
3. *Torio ny Filazantsaroko*, 10.
4. Jereo ny Jeffrey R. Holland, "Ireo Mpiasa ao amin'ny Tanimboaloboka," *Liahona*, Mey 2012, 31.
5. Gordon B. Hinckley, "Find the Lambs, Feed the Sheep," *Liahona*, Jolay 1999, 120.
6. *Torio ny Filazantsaroko* 12.
7. *Torio ny Filazantsaroko* 12.

ZARAO NY ZAVATRA NIAINANAO

"Niverina vao haingana avy any amin'ny asa fitoriana nataoko aho, ary mahatsapa aho fa toy ny very ny fahavitrihako. Inona no tokony hataoko?"

Ry misiônera efa tafaverina, mba lazao anay azafady ny fomba nahafahanao nandalo tsara tamin'ny fiovana nitranga tamin'ilay fotoana nodiana avy any amin'ny misionasy ny fiverenanao nianatra tany antsekoly, na niasa, na nanao zavatra hafa. Alefaso Email any amin'ny liahona@ldschurch.org ny zavatra niainanao na ampidiro en ligne ao amin'ny liahona.lds.org. Soraty ao azafady ny anaranao feno, ny daty nahaterahana, ary ny anaran'ny paroasy na sampana misy anao.



Lasa Misiônera Mifanaraka amin'ny *Torio ny Filazantsaroko*



Nosoratan'ny
Loholona
David A. Bednar
Ao amin'ny
Kôlejin'ny Apôstôly
Roambinifolo

Vitanareo izany! Mahafanta-
tra ny Tompo izay soloinareo
tena sy tomponinareo fa afaka
manao izany ianareo. Fantatro
fa afaka manao izany ianareo.

Ny Apôstoly iray dia misiônera aloha, misiônera indrindra indrindra, ary misiônera mandrakariva. Noho izany antony izany dia faly indrindra aho hiresaka aminareo amin'ny maha-mpiara-manompo ao amin'ity asa mahatalanjon'ny andro farany ity.

INONA NO ATAO HOE MISIÔNERA MIFANARAKA AMIN'NY TORIO NY FILAZANTSARAKO?

Ny misiônera mifanaraka amin'ny *Torio ny Filazantsaroko* dia mpanompon'ny Tompo, nantsoina tamin'ny alalan'ny faminaniana ary nomena fahefana tamin'ny alalan'ny fametrahanatanana, izay mitory ny filazantsara

mandrakizay sy naverina tamin'ny laoniny an'ny Mpamony ary amin'ny fombany (jereo ny F&F 50:13–14, 17–24; F&F 68:1).

Ilay tanjon'ny asa fitoriana izay natao ho an'ny rehetra voalaza ao amin'ny *Torio ny Filazantsaroko* dia ny “[hanasa] ny hafa hanatona an’i Kristy amin’ny alalan’ny fanampiana azy ireo handray ny filazantsara naverina amin’ny laoniny amin’ny alalan’ny finoana an’i Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany, ny fibebahana sy ny batisa sy ny fandraisana ny Fanahy Masina ary ny faharetana hatramin’ny farany.”¹

Ny andraikitra masina hitory amim-pahefana ny filazantsara sy

ny fitantanana ireo ôrdônansin'ny famonjena dia efa nampiasaina hatramin'ny fotoana nanaisorana an'i Adama tao amin'ny Saha Edena ary hitohy mandra-pahatongan'ny fotoana "hitenenan'ilay Jehovah Lehibe hoe vita ny asa."²

IREO FEPETRA TAKIANA MBA HAHATONGAVANA HO MISIÔNERA MIFANARAKA AMIN'NY TORIO NY FILAZANTSARAKO

Te hiresaka fepetra takiana fototra dimy aho mba hahatongavana ho misiônera mifanaraka amin'ny *Torio ny Filazantsaroko*.

Fepetra #1: Ireo misiônera mifanaraka amin'ny *Torio ny Filazantsaroko* dia mahatakatra fa manompo sy misolo tena an'i Jesoa Kristy izy ireo.

Ireo misiônera mifanaraka amin'ny *Torio ny Filazantsaroko* dia mahatakatra sy mahatakatra hoe iza no soloin'izy ireo tena, nahoana izy ireo no manompo, ary inona no tokony hataon'izy ireo. Antsoina hanompo sy atokana araka ny tokony ho izy amin'ny maha-mpanompo sy solontenan'i Jesoa Kristy Tompo azy ireo ireo misiônera manompo amin'ny fotoana feno. Mijoro ho vavolombelona isika mikasika ny anarany sy ny fisiany, ny maha-Andriamanitra Azy, ary ny asa nanirahana an'i Jesoa Kristy amin'ny firenena, ny foko sy ny samy hafa fiteny, ary ny mponina rehetra (jereo ny F&F 133:37).

Tia ny Tompo isika. Manompo Azy isika. Manara-dia Azy isika. Misolo tena Azy isika.

Izay tanjony no tsy maintsy tanjontsika. Izay zavatra mahaliana Azy no tokony ho mahaliana antsika. Ny asany no tokony ho asantsika. Ny fombany no tokony ho fombantsika. Ny sitrapony no tokony ho lasa sitrapontsika tsikelikely.

Amin'ny maha-solontenan'ny Mpanavotra antsika, dia ireo fotopampiaranana sy fitsipika manan-danja ao amin'ny filazantsarany naverina tam'in'ny laoniny no toriantsika amin'ny fomba tsotra sy mazava. Tsy mizara ny hevitsika na ny vinavinantsika



manokana isika. Mitory sy mijoro ho vavolombelona mikasika ireo fahamarinana tsotra naverina tam'in'ny laoniny amin'ny fomban'ny Tompo sy amin'ny alalan'ny herin'ny Fanhiny isika.

Ireo misiônera mifanaraka amin'ny *Torio ny Filazantsaroko* dia mahatakatra fa tsy manam-pahataperana ny andraikitra hisolo tena ny Mpamonjy sy hijoro ho vavolombelona momba Azy. Mba tsarovy Izy amin'izay rehetra eritreretinareo, amin'izay rehetra atao-nareo, ary amin'izay rehetra iezah-nareo hahatongavana, ary soloy tena araka ny tokony ho izy Izy eo anatrehan'ireo zanaky ny Ray any an-danitra rehetra izay hifaneraseranareo amin'i-za photoana izao sy mandrakariva.

Fepetra #2: Mendrika ireo misiônera mifanaraka amin'ny *Torio ny Filazantsaroko*.

Zavatra fototra takiana mialohan'ny hahatongavana ho misiônera mifanaraka amin'ny *Torio ny Filazantsaroko* ny fahamendrehana eo anatrehan'ny Mpamonjy.

Mamelà ahy hilaza fahamarinana tsotra maromaro amin'ny fomba izay heveriko fa hampazava izany.

- Solontenan'ny Mpanavotra sy Mpamonjy izao tontolo izao nomena fahefana isika.
- Voantso isika hanambara ny filazantsarany naverina tamin'ny laoniny sy mandrakizay.
- Tsy afaka ny ho voapentimpentin'ny fahalotoan'izao tontolo izao isika ka hoe hisolo tena Azy amim-pahefana sy hiasa amin-kery amin'ny anarany masina.
- Tsy afaka manampy ny hafa handresy ny famatoran'ny ota isika raha toa ka ny tenantsika aza voasingotra ao anatin'ny fahotana koa (jereo ny F&F 88:86).
- Tsy afaka manampy ny hafa hianatra hibebaka isika raha toa ka ny tenantsika aza tsy nianatra nibebaka araka ny tokony ho izy sy tanteraka.
- Ny momba ireo zavatra iezahantsika hahatongavana ihany no azontsika ambara sy toriana amin-kery.
- Hotanana ho tompon'andraikitra eo anatrehan'Andriamanitra isika amin'ny faniriana tsara sy ny fahamendrehana rehefa manao zavatra amin'ny maha-solontenany isika.

Tsy takiana amintsika amin'izao fotoana izao ny ho tonga lafatra. Saingy didiana isika mba hadio sy handeha araka ny hitsiny eo anoloan'ny Mpanavotra an'i Israely. "Madiova ianareo izay mitondra ny fanaky ny Tompo" (F&F 38:42).

Ny fibebhana dia fitsipiky ny fenantenana sy ny fanasitranana—fa tsy an'ny fahakiviana sy ny fahadisoam-panantenana. Marina tokoa fa mampiety ny fibebhana—fa tsy mampatahotra. Ny fibebhana dia


sady mitaky zavatra atao no mampiona, sady hentitra no manamaivana. Ny fibebahana dia fanomezana tsy hay sandaina, izay tanteraka noho ny Sorompanavotan'Ilay tiantsika sy tompointsika ary arahantsika.

Na dia nahavita fahotana goavana aza ianao dia efa nodiovina sy natao mendrika na azo diovina sy atao mendrika indray amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy sy ny fibebahana amin-kitsimo.

Ao ireo tanora izay mbola mila mibebaka tanteraka. Izao no fotoana. Miangavy anao aho, aza ahemotra ny andro hibebahanao.

Ao ireo tanora izay efa nibebaka sy mbola manohy mibebaka, ary manontany tena raha toa ka efa nanao izay rehetra nilaina izy ireo mba ho eken'ny Tompo (jereo ny F&F 97:8). Aoka ianao hahatsiaro fa mitaky anao ho madio ny Tompo fa tsy ho tonga lafatra. Ny Fanahy Masina miverina miasa indray eo amin'ny fainanao no fambara azo antoka indrindra ny amin'ny famelan-keloka avy amin'ny Tompo satria "tsy mitoetra ao amin'ny tempoly izay tsy masina ny Fanahin' ny Tompo" (Helamàna 4:24). Ary fantaro fa tafiditra ao anatin'ilay didy hoe "hamela ny olon-drehetra" (F&F 64:10) ny hamelanao ny tenanao.

Ireo misiônera mifanarakaka amin'ny



Torio ny Filazantsaroko dia mpanaradia an'i Jesoa Kristy Tompo izay mitandrina ny fanekepihavanana sy mpankatò ny didy. Aoka ianao hahatsiaro Azy mandrakariva ary aoka ianao ho madio sy mendrika ny hisolo tena Azy.

Fepetra #3: Ireo misiônera mifanarakaka amin'ny *Torio ny Filazantsaroko* dia mirakitra ao am-pony ny tenin'ny fainana mandrakizay.

Manasa anareo aho mba "[hirakitra] lalandava ao an-tsainareo ny tenin'ny fainana" (F&F 84:85). Ny firaketana ao am-po ny tenin'ny fainana mandrakizay dia mihoatra noho ny fandalinana na ny fitadidiana fotsiny, tahaka ny hoe ny "[mivoky amin'ny tenin'i Kristy" (2 Nefia 31:20; jereo koa ny 2 Nefia 32:3), dia mihoatra noho ny manandrina na manao ody am-bavafo fotsiny. Amiko ny hoe mirakitra ao am-po dia midika hoe mifantoka sy miasa, manadihady sy mivoky, mandinika sy mivavaka, manome lanja sy mankamamy, ary tia sy mankafy.

Tadidio ny fomba nahatonga ireo zanakalahin'i Môsià—izay misiônera efatra niavaka nantsoina hoe Amôna, Aharôna, Ômnera, ary Himnia—“nihahnahery tamin' ny fahalalana ny marina; fa izy ireo dia olon' ny fahalalana tsy misy tomika ary efa nodinihiny tamim-pahazotoana tokoa ny soratra masina” (Almà 17:2).

Tena nirakitra lalandava tao ampony ny tenin'ny fainana mandrakizay ireo misiônera mahatoky ireo. Tsy nanao ho tsinontsinona na nanao tamim-pahazarana ny andraikitr'izy ireo hanao fandalinana soratra masina samirery na miaraka izy ireo. Tafalentika lalina tao amin'ny fanahin'izy ireo ny fahalalana sy ny fahatakarana ara-panahy, ary nohamafisina tao am-pon'izy ireo tamin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina fa marina ireo fotopampianaranana sy fitsipiky ny filazantsara.

Amin'ny maha-solontenan'ny Mpamony antsika dia manana andraikitra mandrakariva izaho sy ianao hiasa amim-pahazotoana, ary hamboly ao am-pontsika sy ny saintsika ireo fotopampianaranana sy fitsipika manandanja an'ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny, indrindra fa avy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna. Rehefa manao izany isika, dia ny Fanahy Masina izay “hampahatsiaro [antsika] ny zavatra rehetra” (Jaona 14:26) sy hanome hery antsika no fitahiana nampanantenaina rehefa mampianatra sy mijoro ho vavolombelona isika. Kanefa tsy afaka miasa miaraka amintsika na amin'ny alalantsika ny Fanahy raha tsy manome Azy zavatra iray hiarahamiasa isika. Tsy afaka manampy antsika Izy hahatsiaro zavatra izay tsy nianarantsika (jereo ny Almà 31:5).

Ireo misiônera mifanarakaka amin'ny *Torio ny Filazantsaroko* dia mirakitra

lalandava ao am-po ny tenin'ny fainana mandrakizay, miantehitra amin'ny herin'ny teny izy ireo, ary manana ny herin'ny teny ao anatin'izy ireo. Aoka ianareo hahatsiaro Azy mandrakariva, ho mendrika mandrakariva ny hisolo tena Azy, ary hirakitra ao am-po sy hiantehitra amin'ny herin'ny teny.

Fepetra #4: Ireo misiônera mifanaraka amin'ny *Torio ny Filazantsaroko* dia mahatakatra fa ny Fanahy Masina no mpampianatra lehibe sady marina indrindra.

Mpikambana fahatelo ao amin'ny Andriamanitra ny Fanahy Masina, ary Izy no vavolombelon'ny fahamarinana rehetra sy ilay mpampianatra lehibe sy marina. Fanomanana ny naman'ny Fiagonana iray hanao zavatra sy hianatra ho an'ny tenany ireo lesona ampianarintsika sy ireo fijoroana ho vavolombelona ataontsika.

Amin'ny maha-misiônera antsika, dia iray amin'ireo anjara asantsika manan-danja indrindra ny manasa ireo naman'ny Fiagonana hampiasa ny fahafahan'izy ireo misafidy mba hanao zavatra mifanaraka amin'ireo fampianaran'ny Mpamonjy. Ny fanaovana sy fitandremana fanoloran-tena ara-panahy, toy ny mivavaka mba hahazo fijoroana ho vavolombelona ny amin'ny fahamarinana, ny mandalina sy mivavaka mikasika ny Bokin'i Môrmôna sy ny manatrika ireo favoriana ao am-piagonana, ary ny mitandrina ny didy dia mitaky ny naman'ny Fiagonana iray hampihatra finoana, sy hanao asa, ary hiova.

Na manao ahoana na manao ahoana ny fahamatorantsika amin'ny fanompoana dia tsy afaka manosika na manery ny fahamarinana ho ao am-pon'ireo naman'ny Fiagonana izaho sy ianao. Ny ezaka tsara indrindra ataontsika dia afaka mitondra fotosiny ihany ny hafatry ny fahamarinana *hankany* am-po (je-reo ny 2 Nefia 33:1). Mila manao asa amim-pahamarinana ny naman'ny Fiagonana amin'ny farany ary amin'izany izy dia hanasa ny fahamarinana *hankao* am-pony. Amin'io fomba io

ihany no ahafahan'ireo mpikatsaka marina ny fahamarinana sy ireo vao niova fo hahazo ilay hery ara-panahy ahafahana mahita ireo valiny ho an'ny tenan'izy ireo.

Koa satria ny andraikitsika dia ny hanampy ireo naman'ny Fiagonana hianatra amin'ny alalan'ny finoana sy ny herin'ny Fanahy Masina, dia tsy mikasika ahy na oviana na oviana ary tsy mikasika anao na oviana na oviana ity asa ity. Mila manao izay zavatra rehetra trataran'ny herintsika isika hanatanterahana ny andraikitsika amin'ny maha-misiônera antsika sady "tsy manembantsembana" mba haha-fahan'ny Fanahy Masina manatontosa ny andraikiny sy ny asany masina. Raha ny marina, izay zavatra rehetra ataoko sy ataonao amin'ny maha-solontenan'ny Mpamonjy antsika, izay fantatsika sy iniantsika atao mba hisarihana ny sain'ny olona amin'ny tenantsika—eo amin'ny hafatra entintsika, amin'ny fomba ampia-saintsika, na amin'ny fihetsitsika sy ny endritsika ivelany manokana—dia endriky ny komiberaky ny mpisorona izay mame-tra ny fahombiazan'ny Fanahy Masina izay mampianatra.

"Moa mitory izany amin' ny Fahan-hin' ny fahamarinana va izy sa amin' ny fomba hafa? Raha amin' ny fomba hafa, dia tsy avy amin' Andriamanitra

izany" (F&F 50:17–18).

Aoka ianareo hahatsiaro Azy mandrakariva, aoka ho mendrika ny hisolo tena Azy, hirakitra ao am-po ny teniny, ary hamela ilay mpampianatra lehibe sy marina, dia ny Fanahy Masina hijoro ho vavolombelona ny amin'ny fahamarinana rehetra.

Fepetra #5: Ireo misiônera mifanaraka amin'ny *Torio ny Filazantsaroko* dia mahatakatra fa ny hoe mampianatra dia mihoa tra lavitra noho ny miresaka sy mitantara.

Rehefa nipetraka teo amin'ny Tendrombohitra Oliva ny Mpamonjy dia nanambara hoe: "Aza manahy rahateo izay holazainareo; fa izay teny homena anareo amin'izany ora izany no holazainareo; fa tsy hianareo no hiteny, fa ny Fanahy Masina" (Marka 13:11).

Ny Mpamonjy tany am-piandohan'ity fotoampitananana ity dia nampianatra ireo misiônera hoe "[sokafy] ny vava-nareo, dia hofenoina izany" (F&F 33:8, 10) sy hoe "[hasandrato] amin' ity vahoaka ity ny feonareo; teneno ny eritreritra izay hapetrako ao am-ponareo, dia tsy hangaihay eo anoloan' ny olona ianareo; fa homena anareo amin' izany ora izany indrindra, eny, amin' izany fotoana izany indrindra



izay holazainareo.” (F&F 100:5–6).

Manantirantitra zavatra azo alain-tahaka izay mitaky zavatra maro sy hentitra momba ny fitioriana sy ny fanampiana ireo naman’ny Fiangonana hianatra fahamarinana ireo soratra masina ireo. Ireo misiônera mifanaraka amin’ny *Torio ny Filazantsaroko* dia mahafantatra fa tsy mampianatra lesona isika fa mampianatra olona. Tsy mamerina na mampahafantatra fotsiny ireo hafatra natao tsianjery mikasika ireo lohahevity ny filazantsara isika. Manasa ireo mpikatsaka ny fahamarinana isika hiaina ilay fiovam-po mahery vaika. Takatsika fa tsy fampianarana ny firesahana sy ny fitantarana fotsiny ihany.

Ny fitioriana ny filazantsara amin’ny fomban’ny Tompo dia ahitana ny fandinihana sy ny fihainoana ary ny famantarana ho toy ny zavatra takiana alohan’ny firesahana. Manandanja ny filaharan’ireo dingana efatra mifamatotra ireo. Aoka ianao hatsikaritra fa ny fandinihana sy ny fihainoana amim-pahavitrihana dia mandeha alohan’ny famantarana, ary ny fandinihana, ny fihainoana ary ny famantarana dia mandeha alohan’ny fitenenana. Ny fampiasana io fomba fampianarana io dia ahafahan’ireo misiônera mamantatra sy mampianatra araka izay ilain’ireo naman’ny Fiagonana.

Rehefa mijery, sy mihaino, ary mamantatra isika, dia azo omena “amin’ izany ora izany ny ampahany voafatra ho an’ ny olona tsirairay” (F&F 84:85)—ireo fahamarinana ilaina hamafisina sy ireo valinteny tokony homena izay hifanaraka amin’ireo zavatra tena ilain’ny naman’ny fiagonana iray manokana. Amin’ny alalan’ny fandinihana sy ny fihainoana ary ny famantarana ihany no ahafantsika mahazo ny fitarihan’ny Fanahy mba hilaza sy hanao ireo zavatra izay tena hanampy indrindra ireo izay tompointsika.

Ny fandinihana dia fiomanana tena ilaina mba hahazoana ilay fanomezam-pahasoavana ara-panahy hamantatra. Ny famantarana dia fahitana amin’ny alalan’ny maso ara-panahy sy fahatsapana any amin’ny



ati-fanahy—fahitana sy fahatsapana ny fahadisoan’ny hevitra iray, ny fahatsarana ao anatin’ny olona iray hafa, na ilay fitsipika manaraka izay ilaina hanampiana naman’ny Fiagonana iray. Ny famantarana dia fandrenesana amin’ny alalan’ny herin’ny Fanahy Masina sy fahatsapana ao amin’ny ati-fanahy—fandrenesana sy fahatsapana ireo ahiahy tsy ambaran’ny naman’ny Fiagonana amin’ny alalan’ny fanamarihana na fanontaniana iray, ny fahamarinan’ny fijoroana ho vavolombelona na fopampianarana iray, na ny fahazoana antoka sy ny fiadanana izay tonga amin’ny alalan’ny herin’ny Fanahy Masina.

Ireo misiônera mifanaraka amin’ny *Torio ny Filazantsaroko* dia miasa amim-pinoana ary tarihin’ny Fanahy hanampy ireo naman’ny Fiagonana hianatra fahamarinana. Aoka ianareo hahatsiaro Azy mandrakariva, aoka ho mendrika ny hisolo tena Azy, hirakitra ao am-po ny teniny, hamela ny Fanahy Masina hijoro ho vavolombelona ny amin’ny fahamarinana rehetra, ary handinika sy hihaino, ary hamantatra rehefa mijoro ho vavolombelona ny amin’i Jesoa Kristy amin’ireo mpikatsaka marina ny fahamarinana.

VITANAREO IZANY!

Mety mamaky ny hafatiro ianareo ary mino fa afaka hanao sy hanao izay nolazaiko ireo tanora hafa rehetra.

Kanefa mety hanontany tena ianareo raha afaka ny hahavita izany. Mihainoa azafady. Vitanareo izany!

Raha misy ny zavatra irian’ny foko dia ny haka fotoana kely hiarahana aminareo tsirairay. Handray ny tana-nao aho, hamihina anao, hibanjina ny masonao ary hiteny hoe “Vitano izany! Fantatry ny Tompo, izay soloinareo tena sy tomponareo, fa vitanareo izany. Fantatry fa afaka manao izany ianareo. Ary amin’ny maha-mpanompony ahy dia mampantanena anareo aho fa hahazo ny fanampiany ianareo. Aoka ianareo hahatsiaro mandrakariva fa miaraka amin’ny fanampiany sy amin’ny alalan’ny Heriny dia ho vitanareo izany!”

Tiako ianareo ary mivavaka aho fa eo am-piezahanareo ho tonga ho ilay tokony hahatongavanareo, dia mba ho fantatrareo ny feo sy ny fitarihan’ny Tompo ary mba hamaly izany amim-pinoana ianareo. Ary dia ho lasa solontena mahery sy mahomby an’ny Tompo Jesoa Kristy tokoa ianareo. ■

Notsongaina avy amin’ny lahateny nandritra ny fiavorana fampaherezam-panahy tao amin’ny Foibe Fanofanana Misiônera ao Provo tamin’ny 24 Jona 2011.

FANAMARIHANA

1. *Torio ny Filazantsaroko: Torolalana ho an’ny Asa Famopoan’ny Misiônera* (2004), 1.
2. *Enseignements des Présidents de l’Eglise: Joseph Smith* (2007), 142.

MITSIKIA FOTSINY MITENENA HOE TSIA

dia

Nosoratan'i Hazel Marie Tibule

Indray fahavaratra aho dia nandray anjara tamin'ny fianarana asa iray tany amin'ny nosy iray tao Bicol, Philippines. Nahafinaritra ny fahatazanana ilay ranomasimbe, ary tsy andriko mihitsy isan'andro izay hahamaraina ny andro.

Nampatahotra ahy anefa ny takariva. Io no fotoana nanombohan'ny olona teo amin'ny filasiana nisotro sy nanao fety. Matetika no nisy ny fansa-sana hamonjy ny fety toy izany, ary izaho sy ireo namako niara-nianatra asa tamiko dia tsy maintsy nanatrika satria ho toy ny mariky ny tsy fanajana ny tsy fanatrehana izany.

Fiarahabana ireo mpianatra asa vaovao ny fety voalohany tamin'izany. Natahotra ny hanatrika aho satria tena azoko antoka fa hanolotra zava-pisotro misy alikaola izy ireo, ary tsy haiko ny fomba handavana izany. Niantso namanana iray tao amin'ny paroasiko aho, ary nanome ahy torohevitra vitsivitsy mahafinaritra izy, izay nampitombo ny fahatokian-tenako.

Rehefa nanomboka ilay fety dia notoloran'izy ireo zava-pisotro nisy alikaola izahay, saingy soa ihany fa tsy nanery anay hisotro izy ireo. Koa satria neken'ireo namana niara-nianatra asa tamiko ny foto-kevitra nijoroako hoe tsy hisotro, dia mora tamiko hatreto ny nandà ny fanasana ahy manaraka hisotro—mandra-pahatongan'ny alina iray izay. Tonga nanatrika ny iray tami-n'ireo fety ny talen'ny

orinasa. Nitondra *lambanog* iray tavoahangy izy (divay avy amin'ny voanio vita eo an-toerana). Taoriania kelin'ny nahatongavany dia hitako nandraraka tamin'ilay divay izy. Hoy izy avy eo hoe "Tsy maintsy mianatra ny fomba fisotroana ianareo" ary nomeny ny iray tamin'ireo mpianatra asa ilay vera. Nosotroiny haingana izany.

Nanomboka nidoboboboka mafy dia mafy ny foko. Efa kely sisa dia anjarako izao. Nibitsika mangina

*Nandà ireo fanasana
hisotro alikaola aho, kanefa
ny talen'ny orinasa teto
no nanolotra divay ho ahy
tamin'ny vera.*

tamin'ny tenako aho hoe "Tsy hisotro an'ny aho. Tsy hisotro an'ny aho." Avy eo dia hitako ilay tale nanolotra ilay veran-divay tamiko. Tsy fantattro izay tokony natao. Nijery ahy ireo namako mpiara-mianatra asa tamiko, niandry ny zavatra izay hataoko. Nitsiky tamin'ilay tale aho ary niteny tamim-panetrentena hoe: "Miala tsiny tompoko fa tsy misotro aho."

Fantattro fa diso fanantenana izy. Nanontaniany ahy ny antony tsy hisotroako. Hoy aho hoe "Môrmôna aho."

Hoy izy hoe "Tsy mbola nandre mikasika izany finoana izany aho. Ohatran'ny hoe karazan-tsakafo izany ilay izy." Nihomehy daholo ny rehetra.

Nitsiky koa aho, tsy noho ny hanihaniny fa noho ny fahafantarako fa nanao izay nety aho.

Tsy nisy nanome ahy zava-pisotro nisy alikaola intsony taty aoriana. Saingy tsy nitsahatra ny fanarabiana, eny fa na dia avy amin'ireo namako aza. Nilaza mihitsy aza ny iray fa nandainga aho ary tsy azo eritreretina fa tsy misotro ireo mpikamban'ny Fiagonana. Nandritra izany fotoana izany no nahatsapako ny tsindritsindry iainan'ny mpikamban'ny Fiagonana.

Nampianatra ahy lesona maro be ny fijanonako tany amin'io nosy io, tsy teo amin'ny lafiny ara-pianaranana fotsiny fa ara-panahy koa. Nianatra aho fa mety tsy hitsahatra mihitsy ny fanesoeseoana, saingy hitarika anao mandrakariva hanao ny tsara ny Fahin'ny Tompo. ■

*Mipetraka ao Metro Manille,
Philippines ny mpanoratra.*





Nosorotan'ny Loho-
lona Adrián Ochoa
Ao amin' ny
Fitopololahy

*Te ho salama sy hanana
fahatokian-tena bebe
kokoa ara-batana sy
ara-pihetsehampo ve ianao?
Hanampy anao ny fanaovana
fanatanjahan-tena tsy tapaka.*

Vao haingana aho no namaky hevitra mahaliana iray mikasika ny fanaovana fanatanjahan-tena. Izao no novakiako hoe raha mifoha maraina be ianao ka manao ny akanjo fanaovanao fanatanjahan-tena, ary mieritreretra hoe “Hanao an’ity akanjo ity fotsiny aho, handehandeha any ivelany, ary raha mahatsapa ho mahazao aina aho dia hanomboka hihazakazaka,” dia tena hahavita fanazaran-tena tsara ianao alohan’ny hahatsapanao izany. Ny fanaovana drafitra tsotra sahala amin’izany dia afaka manampy anao banana fahazarana mampiasa sy mikolokolo tsara ny vatanao. Ny fanombohana sy ny fanaovana izany tsy tapaka no am-pahany sarotra indrindra ho an’ny olona maro. Raha tsaroanao fa tsy mitondra soa ny vatanao fotsiny ihany ny fanatanjahan-tena, fa mitondra soa koa ny sainao sy ny faharanita-tsaina, dia hanampy anao banana faniriana banana vatana tomady kokoa izany. Rehefa manao fanatanjahan-tena ianao dia ho lasa olona mavitrika izay mahatsapa ho matanjaka, mahatoky tena, malina ary mitombina tsara.

Tadidiko ny tantaran’ny vorona iray izay nanomboka nivarotra ny volony hatakalo kankana. Mora ny nahazo sa-kofo tamin’izany fomba izany, ary ni-hevitra ilay vorona fa nanana volo be dia be izy. Rehefa nanohy nivarotra ny volony ilay vorona, dia nankafiziny ny

AOKAIANAO HATANJAKA, HO SALAMA, HARANI-TSAINA

hoe tsy voatery nifoha aloha intsony izy hihaza kankana. Afaka nijanona tao amin’ny akaniny nandritra ny ton-tolo andro izy ary tsy nila nanetsika ny vatany. Tamin’ny farany anefa dia lasa zatra izany loatra ilay vorona ary nahita fa tsy afaka nanidina intsony satria very ireo volony tena nilainy.

Afaka mitranga amin’izay olona rehetra mianjera ao amin’ny fandriky ny fahazarana amin’ny hakamoana, na ny fandraisana zavatra mampiakin-doha. Ao amin’ny *Jeunes, Soyez Forts* dia hitantsika fa ireo zavatra ireo dia “manimba ny fahasalamana’ny vantsika, ny saintsika, ny fihetsehampon-tsika, ary ny fanahintsika. Manimba ny fifandraisana amin’ny fianakaviana sy ny namana izy ireo ary mampihena ny fahatsapantsika ny lanjan’ny tenantsika manokana. Mametra ny fahafhanao manao safidy ho an’ny tenanao izy ireo.”¹ Ny fampiasana ny vatana sy ny fisakafoanana tsara dia manampy antsika hisoroka ireo fahazaran-dratsy ireo. Raha nanohy nanidina sy nihaza ilay vorona dia tsy ho very mihitsy ireo volony. Mitovy amin’izany koa, raha “mampiasa ny vatantsika” isika sady manao fanatanjahan-tena tsy tapaka dia lasa manana fahafahana hisoroka ireo fironana izay mampidi-doza sy manimba antsika.

Toy ireo olona sasany manana olana amin’ny fahasalamana

ara-batana, dia manana olana amin’ny fahasalamana ara-pihetsehampo ny hafa. Mety ho sarotra ny fiainana, ary indraindray isika dia mety hahatsapa tebiteby, harerraham-panahy sy saina, na tsy fankamamiana ny tenantsika. Kanefa tadidio fa ny fampiasa-batana sy ny asa mafy dia manampy amin’ny fananana fomba fijery tsara ho an’ny fahasalamana na ara-batana izany na ara-pihetsehampo. Ny filokoloanao ny vatanao koa dia mitondra soa ho an’ny sainao sy manampy anao hahatsiaro fa zanak’Andriamanitra ianao, ary afaka ny hatoky tena sy ho faly. Mifandray avokoa ny lafiny ara-pihetsehampo sy ny ara-batana ary ara-panahintsika. Ny *Jeunes, Soyez Forts* dia mampianatra hoe: “Ny fahasalamanao ara-pihetsehampo dia manan-danja koa ary mety hisy fiantraikany amin’ny fahasalamana’ny fanahy sy ny vatanao. Ampahany amin’izao fiainana an-tany izao ny fahadisoam-panantenana sy ny alahelo tsindraindray. Kanefa raha mahatsapa alahelo, na famoizam-po, na tebitebin-tsaina, na faharerraham-panahy sy saina maharitra ianao, dia miresaha amin’ireo ray aman-dreninao sy ny ekekano ary mitadiava fanampiana.”²

Nahoana isika no mahita olona manodidina antsika izay toa mavitrika sy faly kokoa? Antony iray lehibe ny fahazarana. Raha mijery ny vatantsika

amin'ny fijery ara-panahy isika, ary mahatakatra fa "tempoly sy fanomezana avy amin'Andriamanitra" izany dia ho tantsika ny vatantsika ary hotandremantsika ho masina.³

Ho ahy, ny hoe *masina* dia midika hoe madio, voakolokolo, ary matanjaka. Iray amin'ireo fomba hanam-pian'ny Ray any an-danitra antsika hitandrina ny vatantsika ho masina ny fanomezany antsika ny Tenin'ny Fahendrena. Ny *Jeunes, Soyez Forts* dia manazava fa: "Rehefa mankatô [ny tenin'ny fahendrenal] ianao dia mijanona ho olona afaka amin'ireo fankinandoha manimba ary afaka mifehy tsara ny fainanao. Mahazo ireo fitahiana avy amin'ny vatana salama sy ny saina malina ary ny fitarihan'ny Fanahy Masina ianao. Ho vonona hanompo ny Tompo ianao. Aza avela hamitaka anao mihitsy i Satana na ny olona hafa mba hieritreritra fa ny fandikana ny Tenin'ny Fahendrena dia hahatonga anao ho sambatra kokoa, na halaza


kokoa, na hanintonia kokoa."⁴ Rehefa manaraka ny Tenin'ny Fahendrena ianao dia tsarovy fa sady mikolokolo ny vatanao ianao no mikolokolo ny sainao, ary izany dia hahafahanao "hahita fahendrena sy raktsoa lehiben'ny fahalalana" (F&F 89:19).


Mba tsy hahatonga anao ho vrona kamo izay mivarotra ny volony dia anaovy ny kiraro fanaovanao fanatanjahan-tena ary mihetsiketseha. Manaova fanatanjahan-tena tsy tapaka. Misorata anarana hanao ny fanatanjahan-tena tianao indrindra na minamana amin'ny olona afaka mihazakazaka miaraka aminaonao na manao hetsika mampiala voly hafa. Rehefa manao zavatra ara-batana ianao dia tsy manazatra ny vatanao ihany fa ny sainao koa. Mampatanjaka ny fahsalamana ara-pihetsehampo koa ny fanatanjahan-tena. Tadidio fa ny zavatra manan-danja indrindra dia tsy ny haftanganam-pandehanao na ny maha mpanao fanatanjahan-tena anao—fa ny fanohizanao izany. Rehefa manao fanatanjahan-tena tsy tapaka ianao dia tsy ho faly kokoa fotsiny ihany fa ho lasa ihany koa matanjaka kokoa sy salama kokoa ary marani-tsaina kokoa. ■

FANAMARIHANA

1. *Jeunes, Soyez Forts* (bokikely, 2011), 27.
2. *Jeunes, Soyez Forts* 27.
3. *Jeunes, Soyez Forts* 25.
4. *Jeunes, Soyez Forts* 25.

*Aza manao toa
ilay vorona kamo
izay nivarotra ny volony
hatakalo kankana.*





MANARAH ny Diany

Dingana tsikelikely mandritra ny androm-painana ny fahatongavana ho tahaka ny Mpamony, ary afaka manomboka amin'ny alalan'ny fanaovana dingana kely isan'andro ianao.

Nosoratan'i Melissa Zenteno

Gazetibokin' ny Fiangonana

Mamporisika antsika ho tonga tahaka an'i Jesoa Kristy ny soratra masina sy “[h]andeha toy izay nandehanany koa” (1 Jaona 2:6). Kanefa mety ho sarotra ny manao izany dingana voalohany izany—indrindra fa rehefa tsy fantatrao ny fomba hanombohana izany.

Hahita fanampiana ianao ao amin'ny *Torio ny Filazantsaroko: Torolalana Ho an'ny Asa Fanompoan'ny Misiônera*. Mety hieritreritra ianao fa boky torolalana ho an'ny misiônera manompo amin'ny fotoana feno ihany izany, kanefa fitaovana lehibe marina tokoa izany, izay afaka manampy anao hanomboka hanatratra ny tanjonao mba ho tonga tahaka ny Mpamony. Ny fizarana 6 dia natao mba hanampiana anao hahatakatra sy hampihatra toetra miavaka tahaka ny an'i Kristy miisa sivy.

Ireto misy torohevitra vitsivitsy mikasika ny fomba ampiasana ny *Torio ny Filazantsaroko* sy ny soratra masina eo ampiakatsahanao ny hampitombo ireo toetra tahaka ny an'i Kristy:

- Hanombohana izany dia jereo ny Fampiharana momba ny Toetra ao amin'ny faran'ny fizarana 6 ao amin'ny *Torio ny Filazantsaroko* (pejy 152). Afaka

- manampy anao ity fampiharana ity hamaritra hoe inona avy ireo toetra izay loharanon'ny tanjakao arapanahy amin'izao fotoana izao sy ireo izay tokony hanaovanao ezaka.
- Rehefa vita ilay fampiharana dia mifidiana ombam-bavaka toetra iray hifantohana. Vakio ny fizara ao amin'ny fizara 6 izay miresaka mikasika izany toetra izany.
 - Mametraha tanjona mazava sy azo refesina izay hanampy anao hanana io toetra io. Makà fe-potoana hanatrataranao ny tanjonao. Avy eo dia tombantombano ny fandrosoanao. Raha miezaka ny hanana fiantrana bebe kokoa ohatra ianao, dia afaka mametraka tanjona ny hilaza zavatra tsara mikasika ireo iray tampo aminao in-telo isan'andro mandritra ny herinandro iray. Amin'ny fiafaran'ny herinandro dia hanao tombantombana ianao mikasika ny fomba nanatrataranao ny tanjonao sy ny fomba nanaovanao fantsiana izay hanampy anao hanohy hivoatra.
 - Ny *Torio ny Filazantsaroko* dia manolotra soratra masina hohalalinina miaraka amin'ny toetra tsirairay. Afaka mandalina amim-bavaka ireo soratra masina voatanisa ianao ary manoratra ireo fahatsapana tonga

ao aminao rehefa mamaky izany.

- Mangataha fanampiana amin'ny Ray any an-danitra rehefa mikatsaka ny hanana toetra iray tahaka ny an'i Kristy. Mangataha fanampiana voafaritra tsara toy ny hoe "Mba omeo ahy ny hery handresko ny fahatezerako rehefa maka ny zavatra ireo mpiray tampo amiko." Arakaraky ny maha-voafaritra tsara ny vavaka ataonao no maha-mora aminao ny hamantatra ny valintenin'ny Tompo.

Ny fahatongavana tahaka an'i Jesoa Kristy Mpamonjintsika dia dingana mandeha tsikelikely sy zavatra mitohy mandritra ny fainana. Indraindray dia mety ho toy ny sarotra dia sarotra izany. Kanefa aza kivy. Nampanantena antsika ny Tompo hoe: "Izay mandray hazavana sy mitoetra ao amin'Andriamanitra dia handray hazavana misimisy kokoa; ary izany hazavana izany dia mihamamiratra hatrany hatrany mandra-pitataovovanon'ny andro" (F&F 50:24). Rehefa mandray sy mandalina ary mampihatra ny hazavana sy ny fahamarinana isika, ary manohy manaraka an'Andriamanitra isan'andro, dia afaka mahazo antoka fa ho lasa mitovy bebe kokoa amin'i Jesoa Kristy Mpamonjintsika. ■

ASA ATAO ISAN'ANDRO

Ireo asa kely atao isan'andro dia dingana manaraka ny lalana hahatongavana tahaka ny Mpamonjintsika. Ataovy ireo asa atao fanampiny ireo mba hanampiana anao hanana ireo toetra tahaka ny an'i Kristy:

- Vakio ireo soratra masina voatanisa ao amin'ny Torolalana ho an'ny Sora tra Masina izay mifandray amin'ilay toetra izay katsahinao hananana.
- Mivavaha isan'andro mba hanana faniriana hiova sy hahazo hery hivoarana.
- Manorata diary hanoratana ny fandrosoanao.
- Miresaha amin'ireo ray amandreninao. Ampahafantaro azy ireo ny tanjonao mba hahafahany manampy anao.



MANDRAISA
ANJARA AMIN'NY
FIFANAKALOZAN-KEVITRA



Handalina mikasika ny fomba hahatongavana bebe kokoa tahaka an'i Kristy ianao mandritra ny volana Ôktôbra (raha toa ka manana ireo lesona vaovao amin'ny fiteninao ny paroasy na ny sampana misy anao). Rehefa avy mamaky ity lahatsoratra ity ianao dia misafidiana ombam-bavaka toetra iray izay hiezahanao ananana amin'ity herinandro ity na ity volana ity. Afaka mametraka tanjona ianao ary avy eo dia mandrefy ny fandrosoanao. Ohatra hoe be fiantrana kokoa ve ianao na nankatô bebe kokoa na naharitra kokoa? Tamin'ny fomba ahoana no nanampian'ny tanjonao ho tonga bebe kokoa tahaka an'i Kristy anao handresy ireo zava-tsarotra? Zarao amin'ny tanora hafa na ny fianakavianao ny zavatra niainanao.

“Inona no tokony holazaiko amin’ ireo tsy mpikamban’ ny Fiangonana izay manontany hoe fa maninona ny sasany amin’ ireo mpikambana ao amin’ ny Fiagonana no tsy miaina ny fitsipika iainantsika?”

Tena ho mafinaritra tokoa raha miaina feno ny filazantsara avokoa ireo mpikambana rehetra ao amin’ny Fiagonana. Tsy hoe hahazo fitahiana betsaka kokoa fotsiny eo amin’ny fainany izy ireo fa ho ohatra lehibe ho an’ny manodidina azy ireo ihany koa. Saingy mbola mbola olombelona mety maty isika, ka noho izany dia mbola somary tsy mahomby indraindray. Ny antony lehibe mahatonga ny hoe miaina feno kokoa ny filazantsara ny olona sasany raha mitaha amin’ny hafa dia satria isika tsirairay dia eo amin’ny dingana samihafa eo amin’ny fiovam-pontsika sy eo amin’ny lafin’ny tanjaky ny fijoroana ho vavolombelona. Samy hafa ny fizahan-toetra sy ny loharano ananantsika ary samy hafa ny olona manampy antsika.

Mety tsy hahatakatra ny teny toy ny hoe “fiovam-po” sy “fijoroana ho vavolombelona” ireo tsy mpikambana, kanefa hahatakatra izy ireo fa afaka misafidy ny fomba iainany ny olona tsirairay. Azonao hazavaina fa toy izany no fomba nokasain’ny Ray any an-danitra hanaovana azy. Nomeny antsika ny fahafahantsika misafidy mba hahafantsika mitombo ara-panahy amin’ny alalan’ny fisafidiana ny tsara. Saingy fantatry ny Ray any an-danitra ihany koa fa ny olona rehetra—afa-tsy i Jesoa Kristy—dia hanao fahadisoana, ka noho izany dia nanome Mpamony ho antsika Izy. Noho ny Sorompanavotana dia afaka mibekaka isika, sy ho voavela heloka, sy mianatra avy amin’ny fahadisoantsika, ary mandroso eo amin’ny fainana.

Azonao hazavaina koa fa tsy mitsaratsara ireo izay tsy manaraka ny fitsipiky ny Fiagonana isika. Manampy azy ireo kosa isika sy maneho halemem-panahy ary maneho faharetana amin’izy ireo. Na dia tsy manaiky ny fahotana aza isika dia tsy manameloka ny mpanota (jereo ny Jaona 8:11). Mbola azo atao ny fibebahana ho antsika rehetra.

Karohy ny Soratra Masina



Azo jerena ao amin’ny soratra masina ny valin’i-lay fanontaniana. Rehefa misy olona tsy mitandrina ny didy dia tokony hiala amin’ny fitsaratsara isika (jereo ny Matio 7:1). Hoy ny Rômana 3:23 hoe “Fa samy efa nanota izy rehetra ka tsy manana ny voninahitra avy amin’Andriamanitra.” Kanefa dia marina fa tokony hiezaka ny hankatô ireo mpikamban’ny Fiagonana.

Madison M., 13 taona, Texas, États-Unis

Mampianara momba ny Sorompanavotana



Rehefa miteny zavatra toy izany ny olona dia ampiasaiko ho toy ny fahafahana ampianaranana mikasika ny Sorompanavotana izany fotoana izany fa tsy itadiavana ny fahadisoan’ny mpikambana izay tsy manaraka ireo fitsipika. Lazaike amin’izy ireo fa ny maha-Môrmôna antsika fotsiny dia tsy midika fa hoe tonga lafatra isika ary manana ny Sorompanavotana isika, ka noho izany dia afaka mibebaka amin’ny fahotantsika sy manitsy ireo fahadisoana ireo. Matetika izany no manokatra varavaranana ho an’ny fanontaniana maro kokoa.

Jayde H., 16 taona, Oregon, États-Unis

Mampianatra Antsika Hanao ny Tsara ny Fiagonana



Tahaka ny olona hafa rehetra dia miaina zava-tsarotra sy fakampanahy ireo mpikamban’ny Fiagonana. Manana fahalemena avokoa isika rehetra, kanefa tsy midika izany fa tsy marina ity Fiagonana ity. Fiagonan’i Jesoa Kristy ity, izay manampy ny olona hahafantatra ny filazantsara marina sy hahazo ny

fisandratana faratampony. Ny olona araka ny nofo no tsy mankatô ny didy (jereo ny Môsiâ 3:19), ary tsy fahadioan'ny Fiagonana izany. Mampianatra antsika hanao asa tsara ny Fiagonana. Saingy manana safidy isika rehetra.

Lavinia S., 19 taona, Bulacan, Philippines

Natao Hitondra Fahasambarana ho Antsika ireo Fitsipika



Efa mahazatra ahy ity fanontaniana ity satria aho mahafantatra olona vitsivitsy nanao safidy izay nitondra azy ireo nanalavitra ny filazantsara. Manome didy antsika ho an'ny fahasambarantsika ny Tompo ary "manatanteraka ny tsy fahafatesana sy ny fainana mandrakizain'ny olona" (Mosesy 1:39). Tian'ny Tompo hiverina any Aminy isika, kanefa, tiany hanao ny safidintsika manokana isika. Izany no antony tsy iainan'ny olona sasany ny fitsipika arahantsika. Manampy ahy manokana ireo fitsipika satria fantatro fa nomen'ny Ray any an-danitra ahy izy ireny mba hahafahako miverina any Aminy sy hiara-hiaina miaraka aminy ary ho sambatra. Porofon'ny fitiavany ahy izy ireny.

Morgane D., 18 taona, Languedoc-Roussillon, France

Meteza Ho Ohatra



Tena ilaina ity Fiagonana ity hanampy antsika hanatanteraka ireo didin'ny Raitsika any an-danitra sy hiara-hiaina Aminy indray. Kanefa ny maha-mpikamban'ny Fiagonana ny olona iray fotsiny dia tsy midika fa ho lasa olona tsara mandrakariva izy. Jereo ny tontolo misy antsika amin'izao fotoana izao, feno faharatsiana sy fahavetavetana, na dia feno olona nanapa-kevitra ny hanara-dia an'i Jesoa Kristy tany amin'ny fainana talohan'ny

nahaterahana aza. Amiko, ny zavatra tsara indrindra azontsika atao dia ny maneho ohatra ho an'ireo namantsika.

Kaden S., 15 taona, Utah, États-Unis

Iaino ny Fitsipika Arahantsika



Tahaka ireo fikambanana na antokom-pivavahana hafa rehetra ihany, dia misy olona sasantsasany izay manolo-tena kokoa na tsy dia manolo-tena loatra. Mila miaina ny fitsipika natao arahantsika araka izay azontsika atao fotsiny isika ary manantena sy mivavaka mba hanaovan'ny hafa toy izany koa.

Maren S., 16 taona, Arizona, États-Unis

Mivavaha ho Azy ireo ary Vangio Izy ireo

Mety tsy manana fijoroana ho vavo-lombelona mifantoka amin'i Jesoa Kristy ireo mpikambana izay tsy miaina ireo fitsipika arahantsika. Tokony hivavaka ho azy ireo isika mba hitadiavan'izy ireo ny fitarihan'ny Fanahy sy mba hahazoan'izy ireo fijoroana ho vavolombelona ho an'ny tenany manokana. Tokony hamangy ireo olona ireo isika ary hanampy azy ireo hanatona an'i Kristy.

Andrea C., 13 taona, Lima, Pérou



MIJERY NY HAFA ARAKA IZAY METY HO AHATONGA-VANY

"Andraikitsika ny manana fomba fijery mifantoka amin'ny olona tsirairay tsy amin'ny maha-izy azy ankehitriny fa amin'ny mety ho zava-bitany amin'ny hoavy kosa. Miangavy anareo aho mba ho amin'io fomba io no handraisanaareo azy ireo."

Filoha Thomas S. Monson, "Mijery ny Hafa Araka Izay Mety ho Ahatongavany," Liahona, Nôv. 2012, 70.

FANONTANIANA HO AVY

"Miezaka mifehy ny eritritro aho saingy maro be ireo fakam-panahy. Amin'ny fomba ahoana no ahafahako manana saina madio kokoa?"

Alefaso hatramin'ny 15 Nôvambra ny valinteninao ary, raha tianao, dia mandefasa sary à haute résolution ao amin'ny liahona@ldschurch.org na amin'ny alalan'ny taratasy amin'ny adresy ao amin'ny pejy 3.

Tsy maintsy hita ao amin'ny e-mail na taratasy alefanoao ireto fampahalalana ny mombamomba anao manarakao ireto sy ny fanomezan-dalana: (1) anarana feno, (2) daty nahaterahana, (3) paroasy na sampana, (4) tsatôka na distrika, (5) ny fanomezanao lalana natao an-tsoratra, ary raha toa ka latsaky ny 18 taona ianao dia ny fanomezan-dalana nosoratan'ny ray aman-dreniniao (ekena ny fandefasana izany amin'ny e-mail) mba hamoahana ny valinteninao sy ny sarinao.



Nosoratan'ny
Loholona
C. Scott Grow
Ao amin' ny
Fitopololahy

Ny fanampiana anao hibebaka dia ampahany miavaka amin'ny antson'ny eveka. Ny feon'ny fieritreretanao no hilaza aminao ny fotoana tokohy hiresahanao aminy.

Mety hanontany tena ianao hoe nahoana ianao no ampiarina hibaboka amin'ny ekekano na ny filohan'ny sampana misy anao rehefa nanao fahotana lehibe. Mety hilaza amin'ny tenanao ianao hoe "Angaha moa ny fibebhana tsy zavatra an'ny tena manokana eo amiko sy ny Tompo ihany? Raha efa nitsahatra tamin'ny fitondrantena tsy nety aho ary nibaboka tamin'Andriamanitra, nahoana aho no mila miresaka amin'ny ekekako?"

Nahoana no ny Eveka Fa Tsy Olon-kafa?

Maro amin'ireo tanora no mahazo aina kokoa rehefa mamboraka ny fahadisoany amin'ireo ray amandreniny na ireo mpitarika ny tanora. Na dia afaka manome fanampiana sy torohevitra ilaina aza ny ray amandreninareo sy ireo mpitarika, dia ny eveka no nambaran'ny Tompo fa mpitsara tsotra ho an'i Israely (jereo ny F&F 107:72, 74). Manana andraikitra izy hamantatra ny fahamendrehan'ireo mpikambana ao amin'ny paroasiny. Amin'ny alalan'ny fanendrena sy ny fainana amim-pahamarinana, no hananan'ny Eveka zo hahazo fanambarana avy amin'ny Fanahy Masina mikasika ireo mpikambana ao amin'ny paroasiny, ao anatin'izany ianao.



NAHOANA AHO NO MILA MANAO FIBABOHANA

ANY AMIN'NY EVEKAKO ARY INONA AVY NY ZAVATRA ILAIKO IBABOHANA?

Afaka manome fanampiana anao ny eveka mandritra ny dingan'ny fibebahana amin'ny fomba tsy azo n'ireo ray amandreninao na ireo mpitarika hafa omena anao. Raha toa ka tena lehibe ilay fahotana dia mety hanapa-kevitra izy fa tokony hoferrana ireo tombontsoanao manokana ao amin'ny Fiagonana. Ohatra, ao anatin'ilay dingan'ny fibebahanao dia mety hangataka anao izy hitsahatra amin'ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo na amin'ny fampiasana ny fisoronana mandritra ny fotoana

voafetra. Hiara-hiasa aminao izy ary hanapa-kevitra hoe rahoviana ianao no mendrika ny hanao indray ireo zava-masina ireo.

Hanoro hevitra anao ny ekekanao mikasika ny zavatra tokony hatao mba hampatanjahana ny fahafahanao manohitra ny fakam-panahy. Mety hamporisika anao izy handalina lohahevitra ara-potopampianaranana iray, tahaka ny fibebahana, ary avy eo dia hizara aminy ny zavatra nianaranao ianao. Mety hangataka anao izy hihaona aminy isan-kerinandro mba hanao

tatitra mikasika ny hoe manao ahoana ianao amin'ny fanalanao ny tenanao amin'ireo toe-javatra maka fanahy.

Rahoviana Aho no Tokony Hiresaka Aminy?

Mety mieritreritra ianao hoe "Toa tsara avokoa izany, kanefa amin'ny fomba ahoana no hahalalako raha lehibe tokoa ny zavatra nataoko ka mila miresaka amin'ny eveka aho?" Fohy ny valiny: "Ny feon'ny fieritreretanao no hiteny aminao." Rehefa mahatsapa ny bitsiky ny feon'ny fieritreretanao ianao dia mandraisa andraikitra avy hatrany (jereo ny Almà 34:31-34).

Nampianatra izao manaraka izao ny Mpanjaka Benjamina mikasika ny fibebahana: "Izao dia tsy afaka milaza aminareo ny zavatra rehetra izay mety hanotanareo; fa misy lalàna sy fomba samihafa, be loatra aza ka tsy hitako hisaina izy ireny" (Môsià 4:29). Ka noho izany dia mamelà ahy ianao hizara fitsipika vitsivitsy izay hanampy anao handray izany fanapahan-kevitra izany fa tsy ny hitanisa amin'ny antsipiriany ireo zavatra izay tsy maintsy hibabohanao amin'ny evekanao.

Inona no Zavatra Tokony Hibabohako?

Fantatra fa niezaka ny hankatò ianao, kanefa mety nanao fahadisoana ianao—fahadisoana lehibe mihitsy aza. Azo vahana amin'ny alalan'ny vavaka ataon'ny tena manokana sy ny fibebahana amin-kitsimpo ny ankamaroan'ny fahadisoana ataon'ny olona. Ny fahadisoana sasany, indrindra fa ny fahalotoam-pitondrantena dia mitaky fibabohana amin'ny eveka alohan'ny ahazoanao ny famelan-keloky ny Tompo.

Rehefa mieritreritra mikasika ireo fahadisoana vitanao ianao dia mety hahatsapa ho meloka, tsy tafatom-bina, tsy faly, na fadiranovana mihitsy. Raha mahatsapa na inona na inona amin'ireo fahatsapana ireo ianao dia tena mila miresaka amin'ny evekanao mikasika ireo fahadisoana ireo tokoa.

Aza manamarin-tena na mitady

fialan-tsiny amin'ny fahamelohanao. Mety hieritreritra ianao hoe "Mety hahamenatra loatra ny milaza amin'ny eveka ny zavatra nataoko. Mihevitra izy fa olona tsaratsara kokoa noho izany aho. Ho tohina izy raha tene-niko aminy ny zavatra nataoko. Tsy ho tia ahy intsony izy."

Mampantanena anao aho fa tsy hanameloka anao izy. Amin'ny mahampanompon'ny Tompo azy, dia ho tsara fanahy sy halemy fanahy aminao izy rehefa mihaino anao. Avy eo izy dia hanampy anao mandritra ireo dingan'ny fibebahana. Iraky ny famindrampon'ny Tompo izy mba hanampy anao ho lasa madio amin'ny alalan'ny rompanavotan'i Jesoa Kristy.

Hoy ny Tompo hoe: "Indro, izay efa nibebaka tamin'ny fahotany dia izy no voavela, ary Izaho Tompo dia tsy mahatsiaro izany intsony.

"Izao no ahafantaraneo raha mibebaka amin'ny fahotany ny olona—indro hibaboka izany izy ary hahafoy izany" (F&F 58:42-43).

Rehefa mibaboka sy mahafoy ny fahotanao ianao dia hamela anao ny Tompo. Tsy ho tompon'andraikitra eo anatrehany ny amin'ireo fahotana ireo intsony ianao rehefa tonga ny fotoana hitsarana anao.

Ary Ahoana Raha Tsy Mibaboka Aho?

Indraindray dia hitsahatra tsy hanao ratsy ny olona iray fa tsy hibaboka mihitsy amin'ny ekekany amin'ny fotoana tokony hanaovana izany. Vokatr'izany dia manohy mitondra ny enta-mavesatry ny fahotana irery ilay olona fa tsy mamele ny Tompo hanaisotra ilay enta-mavesatry.

Mamelà ahy hanome ohatra iray. Indray takariva, taona vitsy lasa izay, dia nanao dinidinika tamin'ny olon-dehibe maro aho izay nanavao ny fahazoan-dalan'izy ireo ho any amin'ny tempoly. Tonga tamin'ny anjara dinidinika ho azy ny vehivavy iray teo anelanelan'ny 40 ka hatramin'ny 50 taona teo. Nanambady tany amin'ny tempoly izy ary nazoto

tao amin'ny Fiangonana nandritra ny androm-piainany.

Nahatsapa alahelo lalina tao anatin'ny fanahiny aho. Rehefa nandeha ny dinidinika dia nahazo fahatsapana ara-panahy aho. Hoy aho taminy hoe "Ry rahavavy, mahatsapa aho fa nanao fahadisoana lehibe ianao tamin'ny naaha-zatovo anao, izay tsy mbola nibabohanao tamin'ny mpitarika ao amin'ny fisoronana. Vonona ny hiresaka izany amiko ve ianao?"

Nanomboka nitomany avy hatrany izy. Nilaza tamiko izy fa marina izany, kanefa nahatsapa ho menatra hatrany izy ny hibaboka izany tamin'ny eveka iray. Rehefa nibaboka izay nataony izy dia nizara antsipirany ampy handrakaso fanapahan-kevitra ny amin'ny fahamendrehany.

Ny fibabohany ny fahotany tamin'ny mpitarika ao amin'ny fisoronana dia nanamarika ny fiafaran'ny dingan'ny fibebahany fa tsy ny fandohany. Nitondra ilay enta-mavesatra sy alahelo noho izany fahotana izany nandritra ny 30 taona mahery izy, nefy tsy nilaina akory izany.

Koa satria nahavita ny dingana farany teo amin'ny fibebahany izy, dia voafafa ny fahamelohany. Nahita azy aho indraindray taorian'io takariva na-naovana dinidinika io. Lasa namiratra ny endriny ary faly izy.

Tiako ho fantatrao fa tsy tадидико ny anarany. Afaka manaisotra ny fahatsiarovana toy izany amin'ireo eveka ny Tompo. Ny hany tадидико dia hoe nesorina teo amin'ilay vehivavy iray teo anelanelan'ny 40 ka hatramin'ny 50 taona teo ilay fahatsapana fahamelohana izay nentiny nandritra ny taona maro loatra tamin'ny alalan'ny fibabohana tamin'ny mpitarika azy ao amin'ny fisoronana.

Miangavy anao aho tsy hanao izany fahadisoana izany. Raha manana fahatsapana fahamelohana ianao kanefa tsy mahazo antoka raha toa ka mila mibaboka amin'ny evekanao na tsia, dia mandehana mihaona aminy. Avelao izy hanampy anao. Aza mitady loza hitondra enta-mavesatra tsy tokony hoentina mandritra ny



androm-piaiananao, izay hamela anao hahatsapa ho fadiranova. Amin'ny alalan'ny fibabohanao amin'ny eveka sy ny fibebahanao no hanaisoran'ny Tompo izany enta-mavesatra izany tsy ho ao anatinao (jereo ny Isaia 1:18).

Nahoana Aho No Mila Mibebaka?

Nanonitra ny saran'ny fahotan'ny olona rehetra i Jesoa Kristy tamin'ny alalan'ny sorompanavotany. Manasa anao Izy hibebaka sy hisoroka ny alahelo sy ny fijaliana fanampiny. "Mibebaha, fandrao . . . ho mamaivay ny fijalianao—mamaivay manao ahoana, tsy fantatrao, mangirifiry manao ahoana, tsy fantatrao, eny, sarotra zakaina manao ahoana, tsy fantatrao.

"Fa indro, Izaho Andriamanitra dia efa nijaly tamin'ireo zavatra rehetra ireo ho an'ny rehetra, mba tsy hahatonga azy ireo hijaly raha mibebaka;

"Nefa raha tsy mety mibebaka izy ireo dia tsy maintsy mijaly tahaka Ahy. . . .

"Koa didiako ianao hibebaka, . . . ary hiaiky ny fahotanao ianao fandrao hiharan'ireo famaizana izay efa

noteneniko ireo" (F&F 19:15–17, 20).

Mijoro ho vavolombelona aho fa efa nanonitra ny fahotantsika tamin'ny alalan'ny fijaliany i Jesoa Kristy. Afaka ny ho voavela heloka ianao raha mbola mibebaka. Aza miezaka manonitra ny saran'ny fahotanao. Tsy misy fatran'ny fijalianao ka afaka hanavotra anao fa amin'ny alalan'ny Sorompanavotana ihany no ahafahanao mahazo famelan-keloka.

Enga anie ianao ka hanana finoana an'i Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany. Mijoro ho vavolombelona aho amin'ny anaran'i Jesoa Kristy fa amin'ny alalan'ny fibebahana, tafiditra ao anatin'izany ny fibabohana amin'ny evekanao raha ilaina izany, no ahafahanao ho tonga madio. Ankoatra izay, amin'ny alalan'ny famindram-pon'ny Mpamonyj—ilay heriny manome fahafahanao—no ahafahanao ho tonga matanjaka eo amin'ny fahafahanao manohitra ny fakam-panahy amin'ny hoavy. Amin'izany ianao dia hanana fiadanan-tsaina sy fahasambarana eto amin'ity fiainana ity, ary handova ny fiainana mandrakizay any amin'ny tontolo ho avy. ■



ILAY MPITSABO ANTSIIKA TENA MAHAY

"Ny Mpamonyj matetika dia antsoina hoe ilay Mpitsabo

Lehibe. . . . Ny fahatsapana ho meloka ho an'ny fanahintsika dia mitovy amin'ny fanaaintainana ho an'ny vatantsika—fampitandremana ny loza sy fiarovana amin'ny fhavoazana fanampiny. Mikoriana avy amin'ny Sorompanavotan'ny Mpamonyj ny balsaman'ny fampitoniana izay afaka manasitrana ny ferintsika arapanahy ary manala ny fahatsapana ho meloka. Io balsama io anefa dia tsy azo ahosotra raha tsy amin'ny alalan'ireo ftsipiky ny finoana an'i Jesoa Kristy Tompo, sy ny fibebahana, ary ny fankatoavana mandrakariva. Ny vokatry ny fibebahana marina dia fiadanan-tsaina sy fitoniana ary fanasistranana sy fanavaozana ara-panahy.

"Ny eveka na ny filohan'ny sampana misy anareo no mpitsabo mpanampy arapanahy nahazo lalana hanampy anareo hibebaka sy ho sitrana."

Loholona David A. Bednar ao amin'ny Kôle-jin'ny Apôstôly Roambinifolo, "Mino Isika fa Tokony ho Madio Fitondrantena," *Liahona*, Mey 2013, 44.




Nosoratan'ny Loholona

O. Vincent Haleck

Ao amin' ny Fitopololahy

Manasa ny Tompo Hiditra

*"Indro efa mitsangana eo am-baravarana Aho ka mandondona,
raha misy mihaino ny feoko ka mamoha ny varavarana, dia hiditra
ao aminy Aho" (Apôkalypsy 3:20).*



Fony aho zazalahy kely dia nametaka sary iray misy ny Mpamony mandom-baravarana ny reniko tamin'ny fotoan'ny Krismasy. Tsy mbola mpikamban'ny Fiangonana izahay tamin'izany ary nantonany foana aho hoe "Nahoana i Jesoa no mandondona eo am-baravarana? Fa iza no mipetraka ao anatin'yo?"

Taona vitsy taty aoriania dia tsikaritro fa tsy nisy fisintonana azy ilay ilan'ny varavarana any ivelany izay nodondomin'ny Mpamony. Nila namoha ny varavarana ilay olona avy ao anatin'yo. Ankehitriny dia fantatro hoe iza no mipetraka ao amin'ny ilany anatin'ny varavarana. Isika no ao! Mandondona ny Mpamony ary mila mamoha ny varavarana sy manasa Azy hiditra eo amin'ny fainantsika avokoa isika rehetra.

Fony aho zatovo dia nanapakevitra ny hanasa ny Mpamony ho ao amin'ny fainako aho tamin'ny alalan'ny fanaovana batisa sy ny fahatongavana ho mpikamban'ny

Fiangonana. Ohatra tsara ho ahy ireo namako. Toy izany koa ny renibeko. Mpiasan'ny tempoly tao amin'ny Tempolin'i Los Angeles Californie izy. Mando ny tranonay amin'ny 4:00 ora maraina izy mba hanompo ny Tompo ao amin'ny tempoly.

Roa taona katroka taorian'ny nanaovana batisa ahy dia nanapakevitra aho fa te hanompo ny Tompo aho ka ho misiônera manompo amin'ny fotoana feno. Nanampy olona maro aho hianatra mikasika ny Mpamony nandritra ny asa fitoriana nataoko mba hahafahan'izy ireo hanasa Azy hiditra ao amin'ny fainan'izy ireo.

Taty aoriania aho dia lasa filohan'ny misiona tany Samoa. Nanontaniako ireo misiônera vaovao foana ny fotoana nanapahan'izy ireo hevitra hanao asa fitoriana. Maro no niteny hoe tao amin'ny Kilonga izy ireo tamin'ny fotoana nanapahany hevitra hanompo!

Hanampy anao hiomana hanao asa fitoriana ny ao amin'ny Kilonga. Mianara araka izay vitanao. Mameatraha tanjona hanao asa fitoriana. Dia ho afaka hanampy ny olona ihany koa ianao hanasa ny Mpamony ho eo amin'ny fainan'izy ireo. Hanova ny fainanao ny mahamisiônera anao—nanova ny ahy izany. ■

Diakona Vao

*Andraikitra lehibe ny fizarana ny fanasan'ny Tompo.
Ary ahoana raha manimba zavatra izy?*

Nosoratan'i Jane McBride Choate

Niainga tamin'ny tantara marina

*"Ary ireo rehetra izay mandray ity
fisoronana ity koa dia mandray
Ahy, hoy ny Tompo" (F&F 84:35).*

Nijoro teo anoloan'ny fitaratra i Benji, nanitsy ny karavatony. Nifanentana tsara ny lobaka fotsy sy ny pataloaha manga antitra nanaovany. Voambango ny volony. Hita fa vonona tanteraka izy ny hotendrena ho diakona. Koa nahoana izy no nahatsapa ho natahotahotra?

Noraisin'i Benji ny soratra masiny ary nandao ilay efitrano izy. Niezaka ny tsy hieritreritra mikasika izay hampiavaka ny zavatra any ampiagonana anio izy. Ary avy eo dia tonga tao an-tsainy ilay andraikitra vaovao ao amin'ny fisoronana izay nampitebiteby azy isak'izay nieri-treritra izany: mizara ny fanasan'ny Tompo. Inona no hitranga raha manao hadisoana izy amin'ny fotoana voalohany hanaovany izany amin'ny herinandro? Niezaka nanadino izany koa izy teo am-pialany tao an-trano.

Nandeha nitovy tamin'ny mahazatra ny fanasan'ny Tompo. Kanefa taorian'izany dia nandeha niaraka tamin'ny fianakaviany nankao amin'ny biraon'ny Eveka Salazar i Benji. Zavatra hafa tanteraka izany. Raha ny mahazatra dia tokony manatrika ny fotoam-panokafana ny kilasin'ny Kilonga izy amin'izao ora izao.

Nipetraka i Benji rehefa nametra-tanana teo ambony lohany i Dada



Vaovao



"Raha manandriana ny antsonareo ianareo ry . . . diakona isany dia ho lasa fitaovana eo am-pelantanan'Andriamanitra ianareo dieny izao fotoana izao, satria ny fisoronana ao amin'ireo zatovolahy dia mahery vaika mitovy amin'ny an'ireo lehilahy lehibe rehefa mammiasa izany am-pahamarinana izy ireo."

Loholona Tad R. Callister ao amin'ny Fitopololahy, "Ny Herin'ny Fisoronana ao amin'ny Zatovolahy," Liahona, Mey 2013, 54.

sy ny eveka, sy ny filohan'ny Zatovolahy ary ireo mpanolotsaina ao amin'ny episkôpâ. Nomen'i Dada ny Fisoronana Aharôna izy. Nanjavona ny fahatsapana tahotra tao amin'i Benji nandritra ny tsodrano. Nahatsapa ho tony sy faly izy.

Nitsangana i Benji ary nifandray tanana tamin'ny olona rehetra. Avy eo dia namihina an'i Neny sy i Jay rahalahiny izy, ary i Mirasol zandreliny vavy.

Taorian'izay dia namonjy ny Sekoly Alahady izy. Na dia tsy nitovy tamin'ny tao amin'ny Kilonga aza ireo fotoam-pianarana vaovao dia mbola nahatsapa ho tsy vaovao taminy ihany izany. Nikasika ny vavaka ny lesona. Efa nahazo lesona betsaka mikasika ny vavaka izy teo aloha tao amin'ny Kilonga. Namoaka sento naneho fahamaivanana i Benji. Mety tsy ho sarotra loatra angamba izany hoe diakona izany.

"Hahafinaritra izany," hoy i Jay tamin'i Benji taorian'ny fotoampivavaha. "Hanamasina ny Fasan'an'ny Tompo aho ary afaka mizara izany ialahy."

Niverina tao anatin'y indray ireo tebiteby. "Eny, hahafinaritra," hoy izy niteny moramora. Ny mizara ny fasan'an'ny Tompo no zavatra tena natahoran'i Benji indrindra!

Afaka kelikely ny alin'io andro io dia nahita an'i Dada namaky boky

teo amin'ny sezalava i Benji. "Ary ahoana raha manadino olona iray aho ka tsy mahazo ny fasan'an'ny Tompo izy?" hoy izy nanontany. "Dia ahoana raha mianjera aho?" Hitany toy ny andro mazava tao an-tsainy izany, ilay lovia fitondrana rano mianjera eo amin'ny tany ary ireo kaopin-drano miparitaka eny rehetra eny.

Nofihinin'i Dada ny sorok'i Benji. "Tadidiko ny fotoana voalohany nizarako ny fasan'an'ny Tompo. Mino aho fa mbola natahotra kokoa noho ianao amin'izao fotoana izao aho."

Nanakimpikimpy tampoka ny masonry i Benji. "Ianao ve? Tsy matahotra na inona na inona ianao!"

Nihomehy i Dada. "Efa natahotra im-betsaka tokoa aho. Moa ve fantatrao hoe inona no nanampy ahy handresy ny tahotra?"

Nieritreritra kely i Benji. "Vavaka?"

Nitsiky i Dada. "Marina izany. Vavaka. Dia nitsodrano ahy ny raiko. TIANAO omeko tsodrano ve ianao?"

Nanaiky ka nihatokatoka fanganana i Benji. "Eny!" Tena tiako tokoa izany."

Nivory tao amin'ny efitrano fandraisam-bahiny ny fianakaviana. Napetrak'i Dada teo ambony lohan'i Benji ny tanany. Rehefa niteny i Dada dia nahatsapa te hitomany i Benji. "Tadidio," hoy i Dada nandritra ilay tsodrano "fa

nandray ny fisoronana tamin'ny alalan'ny ôrdônanasy masina ianao. Nanome antsika ny fisoronana ny Ray any an-danitra mba hahafahantsika manompo ny hafa. Raha afaka manao izany amin'ny finiavan'ny fonao manontolo ianao dia hotahiana amin'izany sy amin'ny zava-drehetra."

Nivavaka nangataka fanampiana i Benji nandritra ny herinandro manontolo. Nandeha niaraka tamin'ireo diakona tery anoloana tao amin'ny trano fiangonana izy ny alahady manaraka. Nihaino tsara izy rehefa nanao ny fanamasinana ny mofo i Jay.

Tampoka teo dia nahatsapa tebitezby indray izy. Tena afaka manao izany ve izy? Tena zava-dehibe ny fasan'an'ny Tompo! Kanjo tsaroany ireo fampanantenana tao amin'ny tsodrano nomen'i Dada. Niala taminy ireo fahatsapana tahotra rehefa nandrakotra azy ny Fanahy.

Noraيسiny ilay lovia ary nandeha tamim-pahatokiantena teny amin'ireo laharan-tseza nasaina niandraiketany izy. Natolony tamimpitandremana tamin'ny vehivavy iray teo amin'ny laharan-tseza voalohany ilay lovia.

Nitsiky taminy ilay rahavavy. Nitsiky taminy koa i Benji, izay nahanfantatra fa eo am-panompoana ny Tompo izy. ■

Miandry

ao

Winter Quarters



Winter
Quarters.

ILAY DIA TAO IOWA

IOWA

Nauvoo.

Nataon'i Jennifer Maddy

Tanàna iray Vaovao

Taorian'ny namonoana ny Mpaminany Joseph Smith dia lasa toerana nampidi-doza ny tao Nauvoo Illinois. Nandositra niala ny tranony ireo Olomasina mba hitady toerana azo antoka iainana. Nanomboka nanao ny dia lavitra niankandrefana ireo andian'Olomasina voalohany tamin'ny Febroary 1846, saingy nampiadana ny dian'izy ireo ny toetrandro sy ny aretina. Tamin'ny fotoana namakivakian'izy ireo an'i Iowa dia tara loatra tamin'izay tao anatin'ny taona ny hahatongavana tany amin'ny Montagnes Rocheuses mialoha ny ririnina. Noho izany dia nifidy toerana iray nahafahan'ireo Olomasina nipetraka nandritra ny ririnina ireo mpiarika tao amin'ny Fiagonana.

Ity fampirantiana ao anatin'ny Mormon Trail Center ao Winter Quarters ity dia ahitana famerenana ny famoronana ny toeram-ponenana iray teny amin'ny lala tao Iowa, izay toerana nanoratan'i William Clayton ny fihirana hoe "Ndaoray Olomasina" (Fihirana, faha 4).





Nantsoin'izy ireo hoe Winter Quarters izany toerana izany.

Miara-miasa

Nanamboatra trano tamin'ny vatan-kazo na rotso-peta ny sasany. Nipetraka tao anaty lay sy lava-bato ny hafa. Niezaka ny ho faly ireo Olomasina nandritra ilay ririnina lava sady namirifiry. Nifanampy izy ireo. Nanao fampisehoana izy ireo ary nihira sy nandihy. Nanamboatra milina fitotoana koba izy ireo sy lajan'ny tanàna ary orinasa mpamboatra harona.



Nanamboatra trano tamin'ny vatan-kazo ireo Olomasina sasany mba hipetrahana raha mbola tao Winter Quarters izy ireo.

Mandroso Hatrany

Sarotra ny fotoana nipetrahan'ny Olomasina tao Winter Quarters. Olona maro no maty. Kanefa nanam-pinoana ireo mpamaky lay fa hitahy azy ireo ny Tompo ary hanampy azy ireo ho tody any Ziona. Rehefa tonga ihany ny lohataona nony farany dia nandao an'i Winter Quarters ny andiany voalohany tamin'ireo mpamaky lay mba han-deha ho any amin'ny Lohasahan'i Salt Lake.

Ankehitriny ianao dia afaka mahita ny Tempoly tsara tarehin'i

Afaka mahita ireo karazana vatsy nenti-n'ireo Olomasina nandritra ny dia nataon'izy ireo nankany andrefana ianao ao amin'ny Mormon Trail Center. Niteny azy ireo hitondra lafarinina, mpampatsiro hanina, vary, tsaramaso, ary rononon'omby ireo mpitarika tao amin'ny Fiangonana.



Winter Quarters Nebraska ary mitsidika ny Mormon Trail Center (Ivontoeran'ny Lalana Nodiavin'ireo Môrmôna) ao Winter Quarters mba hianatra misimisy kokoa mikasika ireo mpamaky lay. ■

Nijanona Tao Winter Quarters Ireo Olomasina

Nataon'i Arie Van De Graaff

Nanorim-ponenana nandritra ny fotoana voafetra tao Winter Quarters ireo mpamaky lay mba hiandry ny fahatanteran'ny ririnina alohan'ny nanohizan'izy ireo ny diany niankandrefana. Tadiavo raha afaka mahita ireo zavatra mifaina ao anatin'ity sary ity ianao.






**Nataon' ny
Loholona D. Todd
Christofferson**


Ao amin'ny Kô-lejin'ny Apôstôly Roambinifolo

Vavolombelona manokan'i Jesoa Kristy ireo mpikambana ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo.


Ahoana no fomba iresahan'i Jesoa Kristy amin'ireo mpaminany?



Afaka mandefa iraka Izy na miseho mivantana.



Afaka miteny amin'ny feony mivantana izy na amin'ny alalan'ny feon'ny Fanahy Masina.



Nalaina tao amin'ny "Ny Fotopampianaran'i Kristy," *Liahona*, Mey 2012, 86–90.

Mety miresaka amin'ireo mpnompony tsirairay Izy, na mety miresaka amin'izy ireo rehefa manao filankevitra izy ireo.



Ahoana no
ahafahan'i
Emma ho tsara
fanahy nefá
tena nasiaka be
i Violet?

Nataon'i Charlotte Mae Sheppard
Nalaina avy tamin' ny tantara marina

"Tiava ny namanao tahaka ny tenanao" (Marka 12:31).

Namihina mafy ny kitapo nobabený i Emma teo ampidirany tao amin'ny efitrano fianarany vaovao. Andro fidirana tao an-tsekoly tamin'izay. Nanao ny akanjo tiany indrindra izy, ary nasiáni Neny zavatra tena tsara niaraka tamin'ilay sakafó atoandro—biscuits sarim-biby.

“Ho tsara ny andro anio,” hoy i Emma nieritreritra. “Raha mbola—”

Nijanona i Emma ary nibanjina ny tao amin'ny efitrano fianarana. Io eo izy. I Violet.

Tamin'ny herintaona dia tsy nambela an'iza na iza hilalao ny fanaovana savily afa-tsý izy ihany i Violet isaky ny fakan-drivotra. Nantsoiny tamin'ny anarana maro be i Emma. Nangalariny mihitsy aza ny naman'i Emma akaiky indrindra!

Nahita an'i Emma i Violet ary nitranga lela. Naneho endrika tezitra i Emma sady namihina mafimafy koko ny kitapo nobabený. Tsy nina-mana taminy i Violet tamin'ny taona lasa ary toy ny hoe tsy hisy fiovana ny amin'ity taona ity.

“Tongasoa amin'izao taom-pianarana vaovao izao!” Hoy Ramatoakely Caldwell avy ery alohan'ny efitrano. “Andeha ary ianareo omena toerana.”

Nalahatra tsiroaroa nanaraka ny

sakan'ny efitrano fianarana ireo dabilio. Nasosan-dRamatoakely Caldwell nidina teo amin'ny lisitra ny fanondrony, ary avy eo dia nanondro dabilio roa tany aoriana izy. “Emma! Eo aoriana eo ianao no hipetraka.”

Nipetraka teo amin'ny iray tamini'reeo dabilio teny aoriana i Emma. Nanantena izy fa i Liselle no hipe-traka eo akaikiny. Na i Jaime. Na i—

“Violet.”

Nitraka tampoka ny lohan'i Emma. Naheno tsara izay voalaza ve izy?

Eny. Mbola nanondro ilay dabilio teo akaikiny Ramatoakely Caldwell. “Ianao no hipetraka eo akaikin'i Emma ry Violet,” hoy izy.

Nandeha tsimoramora nankeny amin'i Emma i Violet sady niken-trona. Natory teo amin'ny latabany i Emma ary nibanjina ny rindrina. Ho lava tokoa ity taona ity.

Nanoratra lazaolana teny amin'ny solairabe mba hovahan'ny mpianatra i Ramatoakely Caldwell nandritra ny fotoana nanaovana kajy. “Mahazo miasa irery ianareo na miaraka amin'ny olona eo akaikinareo,” hoy izy.

Niondrika haingana teo amin'ny taratasy niasany i Emma sady mody naneho hoe be atao. Azo la-zaina ho mora ireo


lazaolana. Niezaka ny tsy ahita an'i Violet fotsiny izy. Tsy njery azy mi-hitsy izy na dia indray mandeha aza ny maraina tontolo.

Nisy zavatra nikitika ny sorony. Toy ny pensilihazo no tsapaný. Tsy noraharahan'i Emma izany.

Kitika iray hafa indray. Nikitika azy i Violet! Nanao mafy loha nahohy niasa i Emma.

Tena mafy ny fikitihan'i Violet azy fanintelony ka nahare narary izy. Tsapan'i Emma ho niakatra ny hatezerana tao anatiný. Ho toy izany foana ve ny taona iray manontolo? Nieritreritra ny hananga-tanana

Manampy



an'i Violet

hiteny amin-dRamotoakely Caldwell izy. Na mety hijery an'i Violet amin'ny endrika feno hatezera fotsiny izy.

Avy eo dia nahare olona nifokofoko i Emma. Nisy olona nitomany angaha? Nanindrona azy indray ilay pensilihazo. Nitodika izy ary nahita an'i Violet nibanjina azy. Teny antanany ny pensilihazony ary nisy ranomaso ny masonry. Feno diangaoma ny taratasy niasany.



Nahodinkodin'i Violet ny pensilihazo teny an-tanany. "Afaka manampy ahy ve ianao?" hoy izy nanontany moramora.

Nijery azy vetivety i Emma, sady tohina. Tian'i Violet mba hanampy azy izy? Taorian'izay haratsian-toetrary hatrizay izay? Niverina nitodika tao amin'ny taratasy niasany i Emma. Afaka miasa irery i Violet. Tsy mendrika ny fanampian'i Emma izy, na dia . . .

. . . izy aza no namany teo akaikiny?

Nitodika tamim-pahanginana tany aloha i Emma. Reny nitomany moramora teo akaikiny i Violet. Nilaza mandrakariva ny soratra masina mba hitia ny namana—fa hafa i Violet! Nipetraka teo akaikiny tao am-pianaranana fotsiny i Emma!


Niverina nanao ny asany indray i Emma. Avy eo dia nijanona izy. Tsy hafa angamba i Violet. Angamba rehefa niteny ny soratra masina hoe tiava ny namanao dia ny olona rehetra no tiany nolazaina. Na ireo ratsy fanahy aza. Na dia sarotra aza izany.

Nisento i Emma ary nametraka moramora ny pensilihazony. Nitodika tany amin'i Violet izy ary

niezaka nitsiky araka izay vitany. "Afaka manampy ve aho?" Hoy izy nanontany.

Nanaiky i Violet, sady namafa ny ranomasonry tamin'ny tanany.

Niondrika teo amin'ny taratasy niasan'i Violet i Emma ary nanomboka nanampy tamin'ny lazaolana voalohany. Efa nanana fahatsapana tsara sahady izy tao anatiny. Nanontany tena izy raha tia biscuit sarimbiby i Violet. ■



MANARA-DIA AN'I JESOA

Tian'i Jesoa hitia ny olon-drehetra isika. Mampianatra antsika lzy ao amin'ny soratra masina mba hitia ny fianakavantsika sy ny namantsika ary hitondra azy ireo amin'ny halemem-panahy. Nampianatra koa i Jesoa hoe "Tiava ny fahavalonareo, ary mivavaha ho an'izay manenjika anareo" (Matio 5:44). Midika izany fa na dia tsy tsara fanahy aminao aza ny olona iray dia afaka manara-dia an'i Jesoa ianao amin'ny fanehoana halemem-panahy sy ny fiezahana ny ho namana.



Hizara ny Filazantsara amin' ny Zanak'Andriamanitra Rehetra Aho

ETSY ANIKAVIA SARY NATAONI MARK JARMAN; ETSY ANIKAVIANANA, MANARAKA NY FHOUDINNY FANANTARANANDRO AVY ENY AMBONY ANIKAVIA SARY NATAONI JAM MAESSEN, JARED BECKSTRAND, ERIC BARCLAY, ANY CELESTE SMITH

KARATRA HOZARAINA

Afaka mizara ny filazantsara ianao amin'ny fizarana karatra fampahafantarana ny Fiagonana. Apetaho amin'ny taratasy matevina fotsiny ireo karatra ao amin'ny pejy manaraka. Avy eo dia hetezo ireo karatra ary soraty ao ambadika ny hafatrao.

Efa nihinana zavatra tena natsiro izay tianareo hozaraina ve iana-reo? Indray andro ny mpaminany Lehia dia nanofy fa nihinana voankazo matsiro iray. Tsara loatra ny tsirony ka “nofenoindy fifaliana mitafotafo tokoa ny fanahi[ny]” (1 Nefia 8:12). Tian'i Lehia hanandrana izany voankazo matsuroidzany koa ny fianakaviany.

Toy ny fitiavan'ny Ray any an-danitra ilay voankazo tao amin'ny nofin'i Lehia. Tian'i Lehia hahatsapa ny fitiavan'ny Ray any an-danitra ny fianakaviany. Te hizara ny filazantsara tamin'izy ireo izy satria fantany fa hasambatra azy ireo izany.

Matetika ny ankizy no tena mahay mizara ny filazantsara amin'ny hafa.

Nahita ny misiônera teny amin'ireo lalana tany Équateur i Maria izay valo taona. Nanontany azy ireo izy raha

toa izy ireo ka afaka hampianatra azy ny filazantsara. Tonga tany an-tranon'i Maria ireo misiônera mba hampianatra ny fianakaviany. I Maria no nataobatisa voalohany tao amin'ny fianakaviany. Faly tokoa izy rehefa niditra ho mpikamban'ny Fiagonana ihany ny fianakaviany tamin'ny farany.

Tena faly tokoa i Eric, izay sivy taona, mikasika ny fampisehoana ataon'ny Kilonga mandritra ny fivorian'ny fanasan'ny Tompo, ka nanasa ireo mpifanolobodirindrina taminy izy ho tonga. Tonga izy ireo.

Samy nizara zavatra sarobidy tamin'izy ireo tamin'ny olon-tiany ireo ankizy roa ireo. Rehefa mizara ny filazantsara ianao dia hitombo ny fijorano ho vavolombelona. Toa an'i Lehia, dia hahatsapa “fifaliana mitafotafo tokoa” ianao. ■

HIRA SY SORATRA MASINA

- “Proclamons la vérité,” *Chants pour les enfants*, 92–93
- Matio 5:16.


NDAO HIFAMPIRESAKA

Afaka manasa ny olona tsirairay ao amin'ny fianakaviana ianao hanao ny sarin'ny voankazo tiany indrindra. Aorian'izany dia afaka manoratra ny fomba nitahian'ny filazantsara ny fiaiany ao ambadiky ny sary ny olona tsirairay. Afaka miara-miresaka mikasika ireo fomba azonareo hizarana ny filazantsara amin'ireo namana sy mpifanolobodirindrina ianareo avy eo.




"Aza matahotra,
fa momba anao Aho."

Genesisy 26:24



"Sambatra ny
mpampihavana."

Matio 5:9



"Ary aoka samy
halemy fanahy
amin'ny namany
avy hianareo, ka
hifampiantra sy
hifamela heloka."

Efesiana 4:32



"Misaora
amin'ny
zavatra
rehetra."

1 Tesaloniana 5:18




Camille avy ao New York City

Manana namana maro i Camille izay sivy taona. "Ny zavatra tiako mikasika ireo namako dia samy hafa avokoa izy ireo," hoy izy. "Avy any amin'ny toerana samy hafa izy ireo ary samy hafa ny fomba fanaovan'izy ireo zavatra." Tia mianatra zavatra tsara avy amin'ireo namany i Camille ary tia mizara zavatra amin'izy ireo izy. Ny filazantsara no zavatra tsara indrindra nozarinay tamin'ireo namany. Rehefa

avy nizara ny fanekem-pinoana voalohany tamin'i Yailin namany i Camille dia nanasa ny fianakavian'io namany io hihaona amin'ny misiônera. Nam-pianatra an'i Yailin ny fomba fivavahana ihany koa i Camille. Mpikamban'ny Fiagonana amin'izao fotoana izao i Yailin sy ny reniny.

Natao batisa tamin'ny 2011 i Yailin namako. Tiako fa afaka miaraka mandeha any am-piagonana izahay. Manampy azy aho manao tsianjery ny Fanekem-pinoana. Ny fanekem-pinoana fahasivy izao no ianaranay.

Ny "Zanaky ny Ray aho" sy ny "Ensemble à tout jamais" no hira tiako indrindra. Ny soratra masina tiako indrindra dia ny Fotopam-pianarana sy Fanekempihavanana 19:23: "Mianara Amiko ary henoy ny teniko; mandehana amin'ny fahalemem-panahiko, dia hanana ny fiadanana ao Amiko." Mankahery ahy foana io soratra masina io rehefa malahelo aho.






Avy any amin'ny République Dominicaine ny reniko sy ny raiko. Mino aho fa izay no antony mahatonga ny vary sy tsaramaso ary ny akoho ho ny sakafo tiako indrindra. Mampahatsiahy ahy ny tany niavian'ny fianakaviako izany.



Misy olona dimy ao amin'ny fianakaviako. Ny rahavaviko, i Emily, dia hatao batisa sy horaisina mpikambana amin'ny Desampra. Ny anadahiko, i Victor, dia mitondra ny anaran-draiko. Tsy mbola manana biby fiompy ao an-trano aho, fa mieritriteritra ny hividy sokatra. Tiako ny sokatra satria mahafatifaty izy ireo sady mandeha miadana, ka noho izany dia tsy hitsoaka handositra.



Tiako ny tantaran'ny Kapiteny Môrônia ao amin'ny Bokin'i Môrmôna. Novakian'ny raiko nandritra ny takarivan'ny mpianakavy izany ary nitaona ahy hanamboatra ny fanevako manokana. Nampahatsiahy ahy ny fanevako hoe iza aho ary miaraka amiko mandrakariva ny Ray any an-danitra.

NY PEJINTSIKA



Nampianatra ahy ny filazantsara ireo ray aman-dreniko ary ohatra tsara ho ahy izy ireo hatramin'ny naha-kely ahy. Nianatra namaky ny tantara ao amin'ny soratra masina ho an'ny ankizy aho, ary tiako ny Bokin'i Môrmôna amin'i zao fotoana izao. Mamaky izany isan'andro aho, izaho irey sy miaraka amin'ny fianakaviana. I Amôna no olona tiako indrindra ao amin'ny Bokin'i Môrmôna. Misionera tena tsara izy, izay tiako halain-tahaka rehefa lehibe aho.

Esteban M., 8 taona, Colombie



Rehefa niala sasatra tany Panama ny fianakaviako, izay firenena nahaterahan'ny reniko, dia nentin'ireo ray aman-dreniko hitsidika ny Tempolin'i Panama City Panama izaho sy i Yhoalibeth zandrike-liko vavy. Nentin'ny reninay nikasika ny rindrin'ny tempoly izahay. Taty aorianana, rehefa nilaza tamin'ny reniko ny hafaliana tsapako aho rehefa tany amin'ny tempoly izahay, dia hoy izy tamiko hoe nahatsapa ny Fanahy Masina aho.

Sergio B. Jr., 7 taona, Florida, Etats-Unis



KILONGA: MANARHA AN'I JESOA

I Maurizio D., izay 11 taona, any Italie dia tia ny fivorian'ny fanasan'ny Tompo satria mianatra mikasika ny Ray any andanitra sy i Jesoa Kristy izy. Tia mandeha any am-piagonana izy satria mahafaniritra sy mahaliana ary tsara tarehy izany. Faly izy ao am-piagonana ary manana namana betsaka.



Pasha Z., 9 taona, Ukraine



Fony 3 taona i Letícia C., izay 6 taona amin'izao fotoana izao, dia vita ny tempolin'i Curitiba Brésil. Tiany ny mandeha any amin'ny tempoly ary nandeha tany isan'andro izy nandritra ny herinandro farany tamin'ny varavarana misokatra. Mbola tiany foana ny mitsidika ny tempoly sy mandeha ao amin'ireo zaridaina tsara tarehy. Tia manao sary sy milomano koa i Leticia.



Rehefa niomana tamin'ny fangadiana ny fototra hanava ny tempolin'i Tijuana Mexique izahay dia faly tokoa. Nandeha nanao asa fanompoana tany ny fianakaviako. Nanadio ny tanin'ny tempoly izahay. Fantatro fa hamangy ny tranony ny Tompo rehefa vita izany.

Jesus S., 6 taona, Mexique



Bảng Khắc Bảng Vàng

Manampy ahy hisafidy ny tsara ny fandalinana ny soratra masina.

"Ireo Takela-bolamena," nataon'i P. Tuyêt Hoa, 10 taona, Cambodge




Mifidy ny tsara aho rehefa manaraka ny Ray any an-danitra sy i Jesoa Kristy.

N. Thi LinĐa, 8 taona, Cambodge



Tiako ny mandeha any am-piagonana miaraka amin'ny fianakaviako sy mianatra mikasika an'i Jesoa Kristy. Tiako ny mamaky sy mianatra ao an-trano ireo tantara ao amin'ny soratra masina, ny mihira ireo fihirana, ary ny milalao mandritra ny takarivan'ny mpianakavy. Mitahy ny fianakaviako sy mahatonga ahy hahatsapa fifaliana ny filazantsara. Efa nanome Bokin'i Môrmôna tamin'ny mpampianatra telo tany am-pianaranana aho ary tamin'i Miguel izay namako akaiky indrindra. Ny hiran'ny Kilonga tiako indrindra dia ny "Proclamons la vérité" (*Chants pour les enfants*, 92).

Martim P., 6 taona, Portugal



Ny ampahany tiako indrindra ao amin'ny Bokin'i Môrmôna dia ny tantaran'i Nefia sy ny dia natao niam-pitana ny ranomasina.

Kelly C., 10 taona, Philippines



Mila fehezina any amin'ny tempoly izahay mba hahafahanay miaina mandrikizay amin'ny maha-fianakaviana.

Shanna C., 8 taona, Philippines




Henrique S., 7 taona, Brésil


Mitsodrano ny Ankizy Madinika i Jesoa

Nosoratan'i Jan
Pinborough

Gazetibokin'ny Fianganana

Nivory nanodidina an'i Jesoa
ny olona maro. Te hihaino
Azy mitantara tantara izy ireo.
Te hihaino Azy mampianatra
mikasika ny lanitra izy ireo.





Rehefa narary ny olona dia nanasitrana azy ireo i Jesoa. Nanasitrana ny olona izay tsy afaka nahita izy. Nanasitrana ny olona izay tsy afaka nandre izy.

SARY NATAONI'SHAWNA J. C. TENNEY



Indray andro dia nisy olona vitsivitsy nitondra ny ankizy madininy hijery an'i Jesoa. Tian'izy ireo Izy hitso-drano ireo zanany. Nilaza tamin'ny olona ireo mpianany mba tsy hanelingelina an'i Jesoa. Nieritreritra izy ireo fa tsy nanam-potoana Izy.

Tsy dia be zavatra
natao i Jesoa. Nilaza
tamin'ireo mpianany
Izy mba hamela ireo
zaza hanatona Azy.
Nilaza izy fa an'ny
olona mitovy amin'ny
ankizy madinika ny
fanjakan'ny lanitra.



Tia ny Ankizy Rehetra i Jesoa. Tsy maninona na iza ianao na iza, na toy ny
ahoana ny endrikao, na aiza ianao no mipetraka. Tia anao i Jesoa! ■

Nalaina tao amin'ny Marka 10:13–16.

**Mitsodrano ny Ankizy Madinika i Jesoa**

“Ary nitrotro azy Izy, dia nametra-tanana taminy ka nitso-drano azy” (Marka 10:16).

MITENY RATSY AHO...

Nosoratan'i R. Val Johnson
Gazetibokin' ny Fiagonana

Nampalahelo ahy ny fahitako ny endriky ny reniko. Fahatafintohinana, fahaketrahana, fahadisoam-panantenana. Nifanesy nameno ny masonry ireo rehetra ireo ary avy eo dia nitambatra ho fihetsehampo iray—famitohana.

Na dia nampianatra ahy nandritra ireo 15 taona niainako aza izy ny hanaja ny Ray any an-danitra amin'ny fiteny sy ny atao, dia indro aho fa lasa meloka tamin'ny fitenenako teny mandratra tsy mahazatra.

Tsy ninia hiteny ratsy aho. Talohan'io taona io dia tsy mbola nampiasa fiteny maharikoriko mihitsy aho. Kanefa tamin'io fahavaratra io dia niasa tao amin'ny Utah's Fish and Game Department aho ary nahazo fahazarana avy amin'ireo tovolahy niara-niasa tamiko.

Nanapaka tsipolitra teo amoron'ireo lalam-pirenena ny asanay lehibe indrindra. Nanapakevitra haingana izahay fa ny *Arctium minus* dia ahitra tena ratsy. Maniry sy mitombo hain-gana eny rehetra eny izy ity ary mamono ny ankabeazan'ireo zavamaniry. Miraikitra amin'i-zay rehetra manakaiky azy ny voany.

Niady tamin'io fahavalio io izahay, niaraka tamin'ny angady teny an-tanana, nandritra ny fahavaratra manontolo ka nahatonga anay ho reraka—sy hanao fiteny maloto. Tamin'ny voalohany dia hitako fa nandratra ny fiteni'ireo namako. Avy eo dia nandefitra izany aho. Ary tamin'ny farany dia nanao izany koa aho. Tamin'ny fiafaran'ny fahavaratra dia raiki-tampisaka tamin'ny teny avoakako ny



*Raiki-tampisaka
tamin'ny teny
nolazaiko ny
fitenenan-dratsy,
izay niraikitra
maf y toy ny
firaiketan'ny
tsipolitra amin'ny
volon'alika.*

fitenenan-dratsy, izay niraikitra maf y toy ny firaiketan'ny tsipolitra amin'ny volon'alika.

Tsy mora izany. Tsy fisafidianana teny ampiasaina fotsiny ny fitenenan-dratsy. Fomba fisainana koa izany. Ny fifampiresahana ave-lantsika hisy eo amin'ny fiainantsika, ireo teny vakiantsika, ary ireo sary jerentsika dia misy fiantraikany eo amin'ny fomba fisainantsika. Vetivety aho dia nianatra fa nila nanova ny zavatra navelako hiditra tao an-tsaiko raha te hanova ireo teny ampiasaiko.

Soa ihany fa nazoto tamin'ny fandehanana tany am-piangonana sy tany amin'ny seminera aho. Nandroaka ireo fomba fisainana ambony ny fitenenan-dratsy, kanefa ny fitoerako tao amin'ny tontolo izay nifaneraserako tamin'i-reo fomba fisainana ambony ireo dia namela azy ireo hatanjaka indray. Nifantoka tamin'ny famakiana soratra masina isan'andro sy ny fivavaha aho. Tsy njery sary mihetsika sy fandaharana tamin'ny fahitalavitra izay nampiditra indray ireo fisainana ratsy ireo aho.

Hitako nihatsara tsikelikely ny fomba fite-niko. Afaka tamin'ny fahazarana niteny ratsy aho tamin'ny fiafaran'ny taona.

Hatramin'io traikera io dia nianatra zavatra betsaka mikasika ny herin'ny teny aho. Afaka mamorona ny teny na manimba. Afaka mandratra izy ireo na manasitrana. Afaka manimba ny olona izy ireo na mamboly ny voan'ny fanantenana sy ny fitiavana.

Hitako ho mahaliana ny hoe ny Mpamony mihitsy, ilay Mpahary ny lanitra sy ny tany, dia antsoina hoe ny Teny (jereo ny Jaona 1:1–4; F&F 93:6–11).

Ho famaranana dia izao: Lasa mitovy bebe kokoa amin'ny Teny isika rehefa manome voninahitra Azy sy rehefa ahitana taratra ny voninahiny ny tenintsika. ■



SARY NATAONI/ROBERT T. BARRETT

DAVID O. MCKAY

I David O. McKay dia lehibe tao amin'ny **toeram-pambolena sy fiompiantany** fianakaviany tao Huntsville, Utah. Tia biby izy ary niompy **soavaliny** nandritra ny fainany manontolo. Rehefa nanao asa fitoriana tany Grande Bretagne izy dia nahita **fomba fiteny** izay nanjary lasa teny filamatra ho azy manao hoe: "Na iza na iza ianao dia ataovy tsara ny anjara andraikitrao." Niverina tany Grande Bretagne im-betsaka izy ary nanokana ny **Tempolin'i Londres, Angleterre** tamin'ny 1958.



“**A** min’ny maha ray aman-dreny sy mpampianatra antsika dia tsy hoe mila manampy ny zatovo hiomana amin’ny fanaovana asa fitoriana amin’ny fotoana feno izay maharitra volana vitsy monja fotsiny isika fa mila manampy azy ireo koa hiomana amin’ny fanaovana sy fitandremana ireo fanekempihavanana’ny tempoly izay maharitra mandrakizay. Afaka manomboka any amin’ny fahazazana ireo dingana voalohany.” Jereo “Ireo Zatovo sy ireo Fanekempihavanana’ny Tempoly” pejy 18. Ily lahatsoratra ity sy ireo hafa ao anatin’ity dia afaka manampy ny mpikambana, na tanora na lehibe, mba hiomana tsara kokoa hizara sy hiaina ny filazantsara.

NY FIANGONAN’ I
JESOA KRISTY
HO AN’ NY OLOMASIN’ NY
ANDRO FARANY